



FIANARANA HO MPIANATRY NY TOMPO: NY FILAZANTSARA

FIANARANA MISY LESONA 48


DINGANA 1



Andrew Wommack

sy
Don Krow

Andrew Wommack Ministries
Woodland Park, Colorado



Afa-tsy izay voamarika dia avy amin'ny Dikateny Lombonana eto
Madagasikara (DIEM) ny Soratra Masina ato.
DMKJ: Dikateny malalaka King James
BP: Baiboly Protestanta

2024 novokarin'ny Andrew Wommack Ministries, Inc
Andrew Wommack Ministries, Inc.
PO Box 3333
Colorado Springs 80934-3333
www.awmi.net

ISBN: 978-1-948876-33-9

Item Code MG417

Afaka atao dika mitovy na atao printy raha ho an'ny fampianarana
filazantsara raha toa ka tsy andoavam-bola ny fizarana izany.



- Mandehana ao amin'ny rohy <https://www.awmi.net/about-us/demo/>
- raha haka ny PDFn'ny lesona amin'ity tari-dalana ity





FIANARANA HO MPIANATRY NY TOMPO: NY FILAZANTSARA

DINGANA 1



FIZARAN-TAKELAKA

1. FIAINANA MANDRAKIZAY	1 - 7
2. FAMONJENA AVY AMIN'NY FAHASOAVANA	1-11
3. FAHAMARINANA AVY AMIN'NY FAHASOAVANA	1-18
4. FIFANDRAISANA AMIN'ANDRIAMANITRA	1-22
5. NY MAHA IZY AZY AN'ANDRIAMANITRA	1-27
6. NY FIBEBAHANA	1-32
7. FANOLORAN-TENA	1-39
8. NY BATISA AMIN'NY RANO	1-44
9. NY MAHA IZY AZY NY OLONA AO AMIN'I KRISTY-Fizarana 1	1-49
10. NY MAHA IZY AZY NY OLONA AO AMIN'I KRISTY-Fizarana 2	1-54
11. INONA NO MITRANGA REHEFA MANOTA NY KRISTIANINA IRAY?	1-59
12. NY FAHAMARINAN'NY TENIN'ANDRIAMANITRA	1-64
13. TSY MELOKA ANDRIAMANITRA	1-69
14. NY HERIN'NY FIAINANA FENO NY FANAHY	1-73
15. AHOANA NO ANDRAISANA NY FANAHY MASINA	1-78
16. NY TOMBONY AZO AMIN'NY FITENY TSY FANTATRA	1-83





LESONA 1

FIAINANA MANDRAKIZAY

Nosoratan'i Andrew Wommack

Iray amin'ireo andinin-tSoratra Masina fandre matetika ny Jôhany 3:16. Hatramin'ny zaza kely indrindra aza dia toa mahay izany, nefo mino aho fa vitsy ireo mahazo tsara sy mampihatra izany araka ny tokony ho izy. Hoy ny Jôhany 3:16 “*Eny, notiavin'Andriamanitra fatratra izao tontolo izao, ka nomeny ny Zanany lahitokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy fa hanana fainana mandrakizay.*” DMKJ

Ny fampianarana mahazatra momba io andininio dia milaza fa tonga ho faty nohon'ny fahotantsika Jesoa mba tsy hahavery antsika. Marina izany, saingy ny hahazoantsika fainana mandrakizay no tena tanjon'ny fahatongavan'i Jesoa sy ny fahafatesany. Tsy maintsy maty noho ny fahotantsika anefa Izy satria fefy mampisaraka antsika amin'ny fainana mandrakizay ny ota.

Marina fa maty nohon'ny fahotantsika i Jesoa, ary marina fa raha mino Azy isika dia tsy ho very, saingy mifono zavatra sarobidy hafa ankoatran'izany ny Vaovao mahafaly. Ny tena hafatry ny Vaovao Mahafaly dia ny hoe te hanome fainana mandrakizay ho anao Andriamanitra. Aleo fa hohazavaiko.

Ny alina nialohan'ny nanombohana azy tamin'ny hazo fijaliana, dia nivavaka i Jesoa ka hoy Izy: “Ary izao no fainana mandrakizay, dia ny mahafantatra Anao, izay Andriamanitra tokana sady marina, sy Jesoa Kristy, izay efa nirahinao” (Jôhany 17:3). BP

Milaza izany fa ny fahalalana an'Ilay Andriamanitra marina sy tokana ary ny fahalalana an'i Jesoa Kristy izay nirahiny no Fainana mandrakizay. Izany no atao hoe Fainana mandrakizay. Maro ny olona mihevitra fa fahavelomana mandrakizay no atao hoe fainana mandrakizay. Ho velona mandrakizay avokoa ny olon-drehetra. Diso ny fiheverana fa rehefa maty ny olona dia tapitra hatreto ny fisiany. Miverina any amin'Andriamanitra ny fanahiny sy ny ainy. Lo ao am-pasana kosa ny vatatenany. Ny marina dia hanohy hiaina ny fanahin'ny olona rehetra niaina teto an-tany. Noho izany, tsy ny marina rehetra no lazain'ny fitenenana hoe ny fainana mandrakizay dia fainana tsy manam-pahataperana - ho velona mandrakizay avokoa ny olona rehetra. Ahariharin'ity andinin-tSoratra Masina ity fa tsy ny olona rehetra no omena ny fainana mandrakizay miaraka amin'Andriamanitra.

Misy koa mety hilaza hoe: “Ny fainana mandrakizay dia fainana tsy manam-pahataperana any an-danitra fa tsy fainana any amin'ny helo mandrakizay.” Saingy ny Jôhany 17:3 no manome ny famaritana ny atao hoe fainana mandrakizay: fahalalana an'Andriamanitra sy an'i Jesoa Kristy. Mihoatra nohon'ny fahalalana ara-tsaina fotsiny izany. Ity teny hoe “mahalala” ity dia entina ilazana fifandraisana farany lalina sy akaiky indrindra mety anananao amin'olona iray.

Na dia tsy azo tsinotsinoavina aza ny fainana tsy manam-pahataperana any an-danitra,



LESONA 1

dia tsy izany no tena fikasan'Andriamanitra tamin'ny famonjena. Ny tanjon'ny famonjena dia ny hananan'ny olona fifandraisana lalina sy akaiky amin'Andriamanitra. Maro ireo olona no mitady fatratra an'Andriamanitra mba hahazo famelan-keloka nefo tsy mikatsaka ny banana fifandraisana am-po lalina Aminy akory.

Rehefa tsy azavantsika tsara ny tanjon'ny famonjena, dia misy voka-dratsy eo amin'ny fampielezana ny Vaovao Mahafaly izany. Tsy manampy olona isika raha milaza fa ny ara-panahy izay hahasoa antsika ho amin'ny ho avy sy ho amin'ny mandrakizay ihany no raisin'ny famonjena an-tanana. Misy olona tena miaina anaty helo ara-bakiteny ety an-tany. Maro ireo kivy, mahatonga, miaina anaty adilahy, voahilikilika, maratra am-po ary manana tokatrano mikorontana. Miezaka mamelon-tena sy mamaha ny olana sedrainy isan'andro fotsiny ny olona. Ny filazana fa ny famonjena dia mitondra vahaolana ho an'ny mandrakizay fotsiny ihany, dia mahatonga ny olona tsy handray izany satria ny fiainany an-davan'andro aza manahirana azy.

Ny marina dia tsy ho amin'ny ho avintsika mandrakizay fotsiny ihany no nahatongavan'i Jesoa ka hahafahantsika hiaina anaty fahasoavana mandrakizay any an-danitra fa tsy ho voasazy sy voaozona any amin'ny helo. Tonga koa Izy hanafaka antsika amin'izao tontolo anjakan'ny ratsy ankehitriny izao (Gal 1:4). Tonga i Jesoa hanome anao fifandraisana lalina sy akaiky amin'Andriamanitra Ray dieny anio.

Tonga hamerina anao hanakaiky sy banana fifandraisana manokana Aminy i Jesoa. Tia anao i Jesoa. Te hahalala anao manokana Izy. Te hanome anao karazam-piainana tsara lavitra noho izay mety ho azonao any amin'ny hafa Izy.

Izao no nolazain'i Jesoa ao amin'ny Jôhany 10:10: "Ny mpangalatra (i Satana io) tsy avy raha tsy hangalatra sy hamono ary handringana; Izaho avy mba hananany fiainana, sady hananany be dia be" BP (izaho no nametraka ny fononteny). Te hanome anao fiainana mandrakizay Andriamanitra. Te hanome anao fiainana be dia be Izy, ary mino aho fa mila izany — te banana izany ianao anio. Tsy maty noho ny fahotantsika fotsiny i Kristy, fa mba hitondra antsika ho eo akaikiny koa. Raha tsy mahalala ny Tompo ianao, dia mila mahalala Azy noho izay antony izay. Raha efa nateraka indray ianao, dia tsy tokony mijanona fotsiny amin'ny fandraisana famelan-keloka fa miditra ao amin'ny fiainana mandrakizay miaraka amin'ny Ray.

TSARA HO FANTATRA MOMBA NY FIAINANA MANDRAKIZAY

- A. Fikasan'Andriamanitra hatramin'izay ny fiainana mandrakizay. (Jôhany 3:16)
- B. Ny fahalalana an'Andriamanitra no fiainana mandrakizay. (Jôhany 17:3)
- C. Fifandraisana manokana sy lalina Aminy no fahalalana an'Andriamanitra. (1 Kôr. 6: 16-17)
- D. Azo raisina dieny izao ankehitriny izao ny fiainana mandrakizay. (1 Jôhany 5:11-12)
- E. Te banana fifandraisana manokana aminao Andriamanitra. (Apôk 3:20)



FIAINANA MANDRAKIZAY

FANONTIANANA HO AN'NY MPIANATRA

1. Vakio ny Jôhany 3:16. Inona no tanjon'Andriamanitra tamin'ny nandefasany ny Zanany teto amin'izao tontolo izao?

Jôhany 3:16 *Eny, notiavin'Andriamanitra fatratra izao tontolo izao, ka nomeny ny Zanany lahitokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy fa hanana fiainana mandrakizay.* DMKJ

2. Ny teny hoe "mahalala" ao amin'ny Baiboly dia midika fananana fifandraisana manokana sy larina amin'olona iray (Gen 4:1). Vakio ny Jôhany 17:3. Inona no atao hoe fiainana mandrakizay, raha io andininy io no jerena?

Genesè 4:1 - *Ary Adama nahalala an'i Eva vadiny; ary nanan'anaka Eva ka niteraka an'i Kaina , ka hoy izy: Efa nahazo zazalahy avy tamin'i Jehovah aho.* BP

Jôhany 17:3 *Ary izao no fiainana mandrakizay, dia ny mahalala Anao, izay Andriamanitra tokana sady marina, sy Jesoa Kristy, izay efa nirahiniao.* DMKJ

3. Vakio ny 1 Jôhany 5:11-12. Raha io andininy io, rahoviana no manomboka ny fiainana mandrakizay?

I Jôhany 5:11-12 - *Ary izao no fanambarany: Fiainana mandrakizay no omen'Andriamanitra antsika, ary ao amin'ny Zanany izany fiainana izany. Izay manana ny Zanaka no manana ny fiainana; izay tsy manana ny Zanak'Andriamanitra no tsy manana ny fiainana.* BP

4. Vakio ny Jôhany 10:10. Karazana fiainana toa inona no nomen'i Jesoa antsika rehefa tonga izy?

Jôhany 10:10 *Ny mpangalatra dia tsy tonga raha tsy hangalatra sy hamono ary handringana; Izaho kosa avy hananany fiainana, sady hananany be dia be.* BP

5. Azavao amin'izay fahaizanao azy ny endrika, lafiny ary toetran'ny fiainana be dia be.
6. Mino ve ianao fa nandefa an'i Jesoa Zanany ho faty Andriamanitra nohon'ny fahotan'izao tontolo izao, ka izany no ananantsika mpino fiainana mandrakizay?
7. Mazava aminao ve fa ny fiainana mandrakizay dia tsy halavana fotoana (tsy manam-pahataperana) fa kosa hatsarana sy haben'ny fiainana?



LESONA 1

VALINY

- Vakio ny Jôhany 3:6. Inona no tanjon'Andriamanitra tamin'ny nandefasany ny Zanany tetra amin'izao tontolo izao?

Hamonjy izao tontolo izao, hanome izay rehetra mino an'i Jesoa fainana mandrakizay amin'ny alalan'ny fanesorana ny sazy vokatry ny ota.

- Ny teny hoe "mahalala" dia midika fananana fifandraisana manokana, lalina amin'olona iray (Gen 4:1). Vakio ny Jôhany 17:3. Inona no atao hoe fainana mandrakizay, raha io andininy io no jerena?

Fahalalana lalina (tsy ara-nofo) an'Andriamanitra Ray sy Jesoa Kristy ny fainana mandrakizay.

- Vakio ny 1 Jôhany 5:11-12. Raha avy amin'io andininy io, rahoviana no manomboka ny fainana mandrakizay?

Rehefa raisintsika eo amin'ny fainantsika ny Zanany (Jesoa Kristy).

- Vakio ny Jôhany 10:10. Karazana fainana toa inona no nomen'i Jesoa antsika rehefa tonga izy?

Fainana be dia be!

- Azavao amin'izay fahaizanao azy ny endrika, lafiny ary toetran'ny fainana be dia be.

Ny toetran'ny fainana be dia be dia ny mifanohitra amin'izay voalazan'i Jesoa ho antony nahatongavan'ny mpangalatra.

- Mino ve ianao fa Andriamanitra dia nandefana an'i Jesoa Zanany ho faty nohon'ny fahotan'izao tontolo izao, ka nanome antsika izay mino ny fainana mandrakizay?

Eny.

- Mazava aminao ve fa tsy halavana fotoana (tsy manam-pahataperana) fa hatsarana sy haben'ny fainana no antsoina hoe fainana mandrakizay?

Eny.





LESONA 2

FAMONJENA AVY AMIN'NY FAHASOAVANA

Nosoratan'i Don Krow

Matetika dia nampiasa fanoharana sy tantara i Jesoa anehoany fahamarinana ara-panahy. Toy izao no fanombohan'ny Lioka 18:9-14, "Nanao izao fanoharana izao koa i Jesoa ho an'ireo olona natoky tena ho marina ka nanaratsy ny sasany." Nokendren'i Jesoa hiantefa amin'ireo olona natoky tena ho marina izany fanoharana izany: ireo izay nalaky nanao tsinotsinona sy nanambany ny hafa. Nataony ho an'ireo izay matoky tena ity fanoharana ity. Afaka lazaina hoe: olona mihevi-tena ho marina ireo olona voalazan'i Jesoa ireo. Manambany ny hafa izy ireo ka manao hoe, "Mendrika noho ianao aho!"

Ao amin'ny andininy faha-10 dia hoy i Jesoa, "Nisy olona roa lahy niakatra hivavaka teo an-kianjan'ny tempoly; ny anankiray Farisianina ary ny anankiray mpamory hetra." Amin'ny fomba fiteny ankehitriny dia nandeha tany am-piangonana izy ireo hivavaka, ary Farisianina ny anankiray. Ny Farisianina dia olona fatra-panaraka fombafombam-pivavahana, olona "manava-tena, mitokatokana" izy ireo, tia fombafomba loatra ka lasa miteny hoe, "Aza mandoto ahy! Aza manakaiky ahy akory. Tsy mitovy amin'ny olona rehetra aho! Mendrika noho ianareo rehetra aho!" Ilay olona hafa voalazan'i Jesoa kosa dia mpamory hetra. Tamin'izany andro izany ny mpamory hetra dia malaza ho olona ratsy fanahy, mpanota izay mangalatra sy mamitaka. Mitaky hetra amin'izay fomba rehetra mety hahazahoany izany izy, manangona vola be hiditra any am-paosiny, ary omeny ampahany amin'izany ny fitondrana rômanina. Noho izany dia tsy mba mamy hoditra tamin'ny vahoaka izy ireny.

Mitohy ny tantara ao amin'ny andininy faha-11, "Naka toerana ilay Farisianina ka nivavaka anakampony hoe, Andriamanitra ô! Misaotra Anao aho fa tsy mba tahaka ny olona sasany izay mpangalatra, tsy marina sady mpaka vadin'olona, na tahaka io mpamory hetra io aza." Andeha ho dinihina akaiky izany vavaka izany. Iza marina moa no nivavahany? Na dia nanonona hoe "Andriamanitra" sady niteny izay tokony holazainy ao anaty fivavahana aza izy, dia ny tenany ihany no nivavahany. Tsy nohenoin'Andriamanitra ny vavaka nataony, ho hitantsika aoriana kely ao ny antony. Mariho tsara ny vavaka nataony, "Andriamanitra ô, misaotra Anao aho fa tsy mba tahaka ny olona sasany." Ity Farisianina ity dia olona fatra-mpandala ny lalàm-piangonana ka hoy izy, "Tsy mitovy amin'ny olona rehetra aho, tsy mpanota aho: sady tsy mangalatra aho no tsy maka vola amin'ny tsy rariny, tsy mangala-badin'olona ary manao izay mahitsy. Tsy mba tahaka an'io mpamory hetra izay tonga mivavaka eto io koa aho." Hitanao amin'izany fa nanaratsy sy nanao tsinotsinona ny hafa izy satria nihevi-tena ho tsara sy mendrika kokoa.

Ao amin'ny andininy faha-12 dia hoy ilay Farisianina, "Mifady hanina indroa isan-kerinandro aho ary manolotra ny am-pahafolon'izay azoko rehetra." Izany hoe, "Jereo ange ny ataoko e!" Fantatrao ve ny dikany hoe mifady hanina? Ny tena dikany dia hoe mandeha tsy mihinan-kanina. Manome vola ny fiangonana koa izy. Karazan'ireo olona izay miteny hoe, "Mangina ianareo! Izaho anie olona tsara fitondran-tena e, sady mpanao soa no mpanome vola ny fiangonana!"



LESONA 2

Dia tonga eo amin'ny tantaran'ilay mpamory hetra isika ao amin'ny andininy faha-13, “*Ilay mpamory hetra kosa nijanona terè lavidavitra, tsy sahy niandrandra ny lanitra akory, fa nandondUna ny tratrany matetika sady nanao hoe, Andriamanitra ô, mba iantrao re aho fa mpanota!*” Jereo ange ny fihetsiny e, “*nijanona tery lavidavitra.*” Tsy niditra tany am-piagonana akory izy. Nahamenatra azy loatra ny fainany sy ny zavatra nataony ka nijanona nijoro teny lavidavitra teny izy. Tsy sahy niandrandra ny lanitra akory fa nandòna ny tratrany Ao amin'ny Testamenta Taloha, rehefa misy ny fandonana tratra sy fandrovitana akanjo dia fomba ilazana hoe, “*Andriamanitra ô, mifona aho noho ny zava-bitako!*” Fomba anehoana fibebahana, fo sy fanahy torotoro izay tsy ataon’Andriamanitra tsinotsinona. Ity mpamory hetra ity, izay tena mpanota, dia niantso mafy an’Andriamanitra sady nivavaka hoe, “*Andriamanitra ô, iantrao aho fa mpanota!*”

Hoy ny andininy faha-14, “*Izao no lazaiko aminareo: ity faharoa ity, fa tsy ilay voalohany, no nahazo fahamarinana avy tamin’Andriamanitra nony nody. Satria izay rehetra manandra-tena, dia haetrin’Andriamanitra; fa izay manetry tena, dia hasandratr’Andriamanitra.*” Voamarina, nambara fa marina sy nanana ny rariny teo anatrehan’Andriamanitra ary voavela heloka ilay mpamory hetra rehefa nandeha nody. Inona no nahatonga azy voavela heloka? Nahoana no izy no lasa nanana ny rariny sy voamarina teo anatrehan’Andriamanitra rehefa nody tany an-tranony? Nahoana kosa ilay Farisianina fatra-mpandala ny lalàna ao am-piagonana no tsy voamarina? Satria nanandra-tena ilay Farisianina, nilaza hoe, “*Tsara sy mendrika kokoa noho ny olona sasany aho! Tsy mpanota aho! Tsy mitovy amin’ny olon-drehetra aho;*” Ilay mpamory hetra kosa dia nahalala fa tsy marina na nanana ny rariny teo anatrehan’Andriamanitra, ary tsy nanan-javatra afaka natolotra an’Andriamanitra. Olona mpanota izy. Milaza anefa ny Baiboly fa tsy tonga hamonjy ny marina i Jesoa fa tonga hamonjy ny mpanota, ary isika rehetra dia efa samy nanota avokoa ka tsy misy mendrika ny voninahitr’Andriamanitra. Nanetry tena ity mpamory hetra ity ka nahazo famelan-keloka.

Ity lesona ity dia mikasika ny famonjena azo avy amin'ny fahasoavan’Andriamanitra. Teny tsara tokoa ny hoe fahasoavana, ary hanome anao famaritana eken'ny rehetra momba izany aho, nefá misy dikany hafa mihoatra lavitra noho izany. Teny grika no nanoratana ny Testamenta Vaovao. Ny teny grika hoe charis no nadika hoe fahasoavana. Izao no famaritana ny fahasoavana eken'ny rehetra: tombotsoa maimaim-poana sy omen’Andriamanitra ny olona na tsy mendrika izany aza izy. Tsy mendrika ny hahazo na inona na inona avy tamin’Andriamanitra ity mpamory hetra ity, nefá nahita fitia tamin’Andriamanitra izy satria nanetry tena. Misy teny grika anankiray, charisma, izany hoe charis nampiana tovana -ma any amin'ny farany. Io teny io dia midika fanehoana manokana na fomba fisehoan’ny fahasoavan’Andriamanitra eo amin'ny olona iray. Nahazo fanomezana avy amin’Andriamanitra ity mpamory hetra ity, tsy inona izany fa ny fanamarinana sy fananana rariny teo imason’Andriamanitra.

Hoy ny Rômanina 5:17, “... Fa ireo mandray ny fahasoavana nitosaka be avy amin’Andriamanitra ary koa ny fahamarinana nomeny maimaimpoana dia vao mainka velomin’Andriamanitra sy ampanjakainy tamin’ny alalan’ny olona anankiray, dia i Jesoa Kristy.” Marina eo anatrahen’Andriamanitra ianao, fanomezana maimaimpoana avy Aminy izany. Arak’ity andinin-tSoratra Masina ity, dia nahazo izany fanomezana izany ity mpamory hetra ity:



FAMONJENA AVY AMIN'NY FAHASOAVANA

fanamarinana sy fahamarinana izay azo avy amin'ny alalan'i Jesoa Kristy irery ihany. Hoy ny Baiboly ao amin'ny Jôhany 1:17, “*satria ny lalana dia nomen'Andriamanitra tamin'ny alalan'i Mosesy, fa ny fahasoavana sy ny fahamarinana kosa dia tonga tamin'ny alalan'i Jesoa Kristy.*” Karazan'olona iray ihany no tolorana izany fahasoavana izany dia ireo izay manetry tena ary mahalala fa tsy marina eo anatrehan'Andriamanitra izy, ka mitalaho ny famindrampony. Ireny olona ireny no handray famelan-keloka sy famindram-po avy Aminy.



LESONA 2

FANONTANIANA HO AN'NY MPIANATRA

1. Vakio ny Lioka 18:9. Inona no atao hoe fanoharana?

Lioka 18:9-12 - *Nanao izao fanoharana izao kosa i Jesoa ho an'ireo olona natoky tena ho marina ka nanaratsy ny sasany. [10] Nisy olona roa lahy niakatra hivavaka teo an-kianjan'ny tempoly: ny anankiray farisianina ary ny anankiray mpamory hetra. [11] Naka toerana ilay Farisianina ka nivavaka anankampony hoe: Andriamanitra ô, misaotra Anao aho fa tsy mba tahaka ny olona sasany izay mpangalatra, tsy marina sady mpaka vadinolona, na tahaka io mpamory hetra io aza. [12] Mifady hanina indroa isan-kerinandro aho ary manolotra ny ampahafolon'izay azoko rehetra.*

2. Vakio ny Lioka 18:9. Ho an'iza no nanaovan'i Jesoa ity fanoharana ity?
3. Vakio ny Lioka 18:9 (ny farany amin'io andininy io). Ny olona mpanamari-tena dia mampiseho toetra hafahafa amin'ny manodidina azy hatrany. Araka ny Lioka 18:9, inona io toetra io?
 - A. Mankasitraka ny hafa izy.
 - B. Manao tsinotsinona na manambany ny hafa izy.
 - C. Tia ny hafa izy.
4. Vakio ny Lioka 18:10. Nisy olona roa nandeha nivavaka; amin'ny fiteny ankehitriny, taiza izy no nandeha nivavaka?
5. Vakio ny Lioka 18:10. Iza ireo olona ireo?
6. Vakio ny Lioka 18:11. Ahoana ny vavaka nataon'ilay Farisianina?
7. Vakio ny Lioka 18:12. Inona no dikan'ny hoe mifady hanina?
8. Vakio ny Lioka 18:12. Inona no dikan'ny hoe manome ny ampahafolon-karena?
9. Vakio ny Lioka 18:13. Taiza ilay mpamory hetra no nitsangana? Nahoana?
10. Vakio ny Lioka ny 18:13. Nahoana no niondrika ilay mpamory hetra fa tsy niandranda ny lanitra?





FAMONJENA AVY AMIN'NY FAHASOAVANA

11. Vakio ny Lioka 18:13. Inona ny vavaka nataon'ilay mpamory hetra?
12. Vakio ny Lioka 18:14. Iza tamin'ireo olona roa ireo no voalaza fa marina teo anatrehan'Andriamanitra nony injay nody tany an-tranony?
13. Vakio ny Lioka 18:14. Nahoana no ilay mpamory hetra no voalaza fa marina fa tsy ilay Farisianina?
14. Vakio ny Lioka 18:14. Navelan'Andriamanitra ve ny helok'ilay mpamory hetra?
15. Vakio ny Rômanina 10:13. Raha amin'izao fotoana izao ianao no mandohalika ka mitalaho hoe: "Andriamanitra ô, mamindra fo amiko fa mpanota aho," hataon'Andriamanitra toy ilay mpamory hetra koa va ianao?

Rômanina 10:13 - Izay rehetra hiantso ny Tompo, dia ho voavonjy.

1 Jôhany 1:8-9 - *Raha milaza ho tsy manam-pahotana isika, dia mamita-tena, ary tsy ao anatintsika ny hafatra marim-pototra. [9] Fa raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mitana ny toky nomeny Andriamanitra sady marina, ka hamela ny fahotantsika sy hanadio antsika ho afaka amin'ny ratsy isan-karazany.*





LESONA 2

VALINY

1. Vakio ny Lioka 18:9. Inona no atao hoe fanoharana?
Ao amin'ny Baiboly, ny fanoharana dia tantara entina maneho fahamarinana ara-panahy.
2. Vakio ny Lioka 18:9. Ho an'iza no nanaovan'i Jesoa ity fanoharana ity?
Ho an'ireo izay matoky tena ho marina; izany hoe ho an'ireo mpanamari-tena.
3. Vakio ny Lioka 18:9 (ny farany amin'io andininy io). Ny olona mpanamari-tena dia mampiseho toetra hafahafa amin'ny manodidina azy hatrany. Araka ny Lioka 18:9, inona io toetra io?
B. Manao tsinotsinona ny hafa na manambany azy.
4. Vakio ny Lioka 18:10. Nisy olona roa nandeha nivavaka; amin'ny fiteny ankehitriny, taiza izy no nandeha nivavaka?
Tany am-piangonana.
5. Vakio ny Lioka 18:10. Iza ireo olona ireo?
Farisianina sy Mpamory hetra.
6. Vakio ny Lioka 18:11. Inona ny vavaka nataon'ilay Farisianina?
Andriamanitra ô, misaotra anao aho fa tsy tahaka ny olona sasany. (Tsy mpanota aho). Tsy mpangalatra aho na tsy marina sady tsy mpaka vadin'olona, na tahaka io mpamory hetra io aza.
7. Vakio ny Lioka 18:12. Inona no dikan'ny hoe mifady hanina?
Tsy mihinan-kanina.
8. Vakio ny Lioka 18:12. Inona no dikan'ny hoe manome ny ampahafolon-karena?
Manome ny ampahafolon'izay azo rehetra.
9. Vakio ny Lioka 18:13. Taiza ilay mpamory hetra no nijanona?
Tery lavidavitra tery.
Nahoana?
Menatra ny hiditra tao am-piangonana (tempoly) izy satria nahatsapa fa tena mpanota, ka nijanona teny ivelany.
10. Vakio Lioka ny 18:13. Nahoana no niondrika ilay mpamory hetra fa tsy niandrandra ny lanitra?
Menatra izy.
Efa nanao fahadisoana koa ve ianao ka tsy sahy nanatri-tava ilay olona nanaovanao izany?
11. Vakio ny Lioka 18:13. Inona ny vavaka nataon'ilay mpamory hetra?
Andriamanitra ô, mba iantrao re aho fa mpanota!



FAMONJENA AVY AMIN'NY FAHASOAVANA

12. Vakio ny Lioka 18:14. Iza tamin'ireo olona roa ireo no voalaza fa marina teo anatrehan'Andriamanitra nony injay nody tany an-tranony?
Ilay mpamory hetra.
13. Vakio Lioka 18:14. Nahoana no ilay mpamory hetra no voalaza fa marina fa tsy ilay Farisianina?
Satria nanetry tena teo anatrehan'Andriamanitra izy. Ilay Farisianina kosa feno fieboeboana, ka tsy nieritreritra akory hoe mila Mpamonjy.
14. Vakio ny Lioka 18:14. Namela heloka ilay mpamory hetra ve Andriamanitra?
Eny.
15. Vakio ny Rômanina 10:13. Raha amin'izao fotoana izao ianao no mandohalika ka mitalaho hoe: "Andriamanitra ô, mamindrà fo amiko fa mpanota aho," hataon'Andriamanitra toy ilay mpamory hetra koa va ianao?
Eny, hataony izany. Hamela ny heloko Izy ka hanadio ahy ho afaka amin'ny tsy fahamarinana rehetra. Jereo ny 1 Jôhany 1:8-9.





LESONA 3

FAHAMARINANA AVY AMIN'NY FAHASOAVANA

Nosoratan'i Don Krow

Hiresaka momba ny fahamarinana azo avy amin'ny fahasoavana isika androany. Hoy ny Rômanina 3 :21-23, “*Fa ankehitriny dia efa naharihary ny fahamarinan'Andriamanitra tsy avy amin'ny lalàna, fa ambaran'ny lalàna sy ny mpaminany, dia ny fahamarinan'Andriamanitra avy amin'ny finoana an'i Jesoa Kristy ho an'izay rehetra mino tsy ankanavaka. Satria efa nanota ny olon-drehetra ka tsy manana intsony ny voninahitr'Andriamanitra.*” DMKJ

Mariho ny lazain'ity Teny ity: “*Fa ankehitriny dia efa naharihary ny fahamarinan'Andriamanitra tsy avy amin'ny lalàna,*” Nanontany lehilahy iray aho indray andro: “Inona no neverinao tokony hataonao handehananao any an-danitra?” Izao no navaliny: tokony hanatanteraka ny didy folo, tsy hampirafy, hanao ny marina sy zavatra maro hafa aho. Hoy aho, “Fantatrao ve fa mila manana fahamarinana mitovy amin'ny an'Andriamanitra ianao vao afaka ho any an-danitra sy hanatrika an'Andriamanitra na ho ao amin'ny Fanjakany?” Izao no navaliny ahy: “Ahoana tsara? Tsy misy olona banana ny fahamarinana mitovy amin'ny an'Andriamanitra izany. Iray ihany no olona nanana izany dia i Jesoa Kristy!” Hoy indray aho, “Izany mihitsy, tsy misy na iray aza amintsika nahavita nanaraka ny didy sy ny lalàna an-tsakany sy an-davany, na tamin'ny fihetsika ivelany na tamin'ny fisaintsainana anaty, nefá mila fahamarinana mitovy amin'ny an'Andriamanitra isika mba ho ankasitrahany eo anatrehany.

Izany mihitsy no lazain'ny andininy 21-22: “*Fa ankehitriny dia efa naharihary ny fahamarinan'Andriamanitra tsy avy amin'ny lalàna, ... dia ny fahamarinan'Andriamanitra avy amin'ny finoana an'i Jesoa Kristy ho an'izay rehetra mino tsy ankanavaka ...*” Io karazana fahamarinana atolotr'Andriamanitra avy amin'ny “finoana an'i Jesoa Kristy” io, dia ho an'ny olona rehetra, ary raisin'ireo izay mino. Misy karazana fahamarinana roa—ny fahamarinan'olombelona sy ny fahamarinan'Andriamanitra. Ny fahamarinan'olombelona dia ny fitondran-tena mendrika indrindra asehony, ny asa soa ataony, saingy tsy hahatonga anao ho ankasitrahany'Andriamanitra izany. Mila fahamarinana mitovy amin'ny an'Andriamanitra ianao, ary atolony anao izany—ny fahamarin'an'Andriamanitra izay tsy avy amin'ny lalàna.

Tsy misy mpanoritra ao amin'ny dikateny grika; midika izany fa ny Fahamarinany mihitsy no atolotr'Andriamanitra ary tsy misy idiran'ny lalàna izany. Ny fahamarinana avy amin'ny lalàna dia fahamarinana avy amin'ny asa atao, fiezahana, fanatanterahana, mba hahazoana sitraka amin'Andriamanitra. Ny fivavahana rehetra eto amin'izao tontolo izao dia mihevitra fa mila miasa, miezaka, manatratra tanjona ianao vao eken'Andriamanitra. Ny “Filazantsara” dia midika hoe “Vaovao mahafaly” ary izao no Vaovao Mahafaly: natolotr'Andriamanitra ny Fahamarinany sy ny Fankasitrahany ho an'ireo izay mino ny zava-bitan'i Jesoa Kristy, ny fahafatesany teo amin'ny hazo fijaliana nohon'ny otantsika, nanome antsika ilay fahamarinana mitovy amin'ny Lalàna. Izay no fahamarin'an'Andriamanitra tsy avy amin'ny Lalàna, tsy avy amin'ny asa ilofosanao, na amin'ny ezaka ataonao na koa hoe tambin'ny zavatra ataonao, fa avy amin'ny finoana an'i Jesoa Kristy.



FAHAMARINANA AVY AMIN'NY FAHASOAVANA

Mariho fa ao amin'ny andininny 22 dia ho an'ny rehetra ny fahamarinana avy amin'ny finoana an'i Jesoa Kristy. Nahoana no atolotr'Andriamanitra ho an'ny rehetra ny Fahamarinany? “*Satria samy efa nanota ny olon-drehetra [tsy misy avahana] ka tsy manana intsony ny voninahitr'Andriamanitra*” (izaho no nametraka ny fononteny). Efa nanota ianao, efa nanota aho, ary efa tsy manana intsony ny fahatanterahan'Andriamanitra sy ny fahatsarany isika. Nohon'ny fahotantsika dia tena mila fankasitrahana, fihavanana amin'Andriamanitra ary fananana rariny eo anatrehany isika ... Ny fahamarinan'Andriamanitra dia tsy azo avy amin'ny asa ilofosanao, na amin'ny ezaka ataonao na koa hoe tambin'ny asa ataonao, fa avy amin'ny finoana sy fiankinana ary fahatokiana an'i Jesoa Kristy.

Ahoana no nahavoavonjy an'i Abrahama, Razamben'ny jiosy? Milaza ny Baiboly fa nino an'Andriamanitra izy-nino ny teny fampanantenana nomen'Andriamanitra azy – ka nolazaina fa marina. Ny filazana fa marina teo anatrehan'Andriamanitra amin'ny alalan'ny finoana dia tsy ho an'i Abrahama irery ihany. Novakantsika tao amin'ny Rômanina 3:21-22 teo fa hamarinina noho ny finoana an'i Jesoa Kristy ny olona. Milaza ny Baiboly fa nohon'ny vidin'ny fahotana efa naloan'i Jesoa teo amin'ny hazo fijaliana dia ny finoana an'i Jesoa fotsiny ihany dia ampy hahazoan'ny olona fahamarinana (fananana rariny eo anatrehan'Andriamanitra).

Hoy ny Rômanina 5:17, “*Satria tamin'ny alalan'ny olona anankiray no nanjakan'ny fahafatesana, fa ireo mandray ny fahasoavana nitosaka be avy amin'Andriamanitra sy ny fahamarinana nomeny maimainpoana dia vao mainka hanjaka amin'ny fiaianana amin'ny alalan'ny olona anankiray, dia i Jesoa Kristy*” DMKJ (izaho no manindry). Omen'Andriamanitra maimainpoana anao ny fahamarinana sy ny fananana ny rariny eo anatrehany. Marina fa misy vidiny naloan'izay manolotra azy ny fanomezana. Raha nanolotra fanomezana ho ahy ianao ka nangataka ny vidiny taty amiko, dia tsy ho fanomezana izany. Ny fahamarinana, fanafahana ary fananana rariny eo anatrehan'Andriamanitra dia fanomezana avy Aminy ho ahy sy ho anao, ary raisina amin'ny alalan'ny finoana an'i Jesoa Kristy.



LESONA 2

FANONTANIANA HO AN'NY MPIANATRA

- Vakio ny Tito 3:5. Afaka vokarintsika ve ny fahamarinana ilaintsika?

Tito 3:5 - *Dia novonjeny isika, tsy noho ny asa vitantsika, fa noho ny famindrapony tamintsika. Ny namonjeny antsika dia tamin'ny alalan'ny rano fampandroana izay nanomezan'ny Fanahy Masina antsika fahateraham-baovao sy fihavaozan-toetra.*

- Vakio ny 2 Kôrintianina 5:21. Karazana fahamarinana manao ahoana no ilaintsika?

2 Kôrintianina 5:21 - *Izay tsy nahalala ota, dia efa nataony ota hamonjy antsika mba ho tonga fahamarinan'Andriamanitra ao Aminy koa isika.* BP

- Vakio ny Rômanina 3:22. Ahoana no andraisantsika izany fahamarinana izany?

Rômanina 3:22 - *Dia ny fahamarinana avy amin'Andriamanitra amin'ny finoana an'i Jesoa Kristy ho an'izay rehetra mino fa tsy misy hafa;* BP

- Vakio ny Filipianina 3:9. Inona no fahamarinana avy amin'ny lalàna?

Filipianina 3:9 - *Ary mba hahatafaray ahy aminy. Tsy manana fahamarinana avy amin'ny fanarahan-dalàna aho, fa ny finoana niainan'i Kristy no ahazoako fahamarinana, dia ilay fahamarinana avy amin'Andriamanitra ka miorina amin'ny finoana.*

- Vakio ny Galatianina 2:21. Inona no ataontsika ka mety hahatonga ny fahasoavan'Andriamanitra ho very maina?

Galatianina 2:21 - *Tsy ataoko very maina ny fahasoavan'Andriamanitra! Eny, raha ny lalàna no mahatonga ho marina eo imason'Andriamanitra, dia maty tsy amin'antony i Kristy.*

- Vakio ny Rômanina 5:17. Raisina ho toy ny inona ny fahamarinana?

Rômanina 5: 17 - *Eny, tamin'ny alalan'ny olona anankiray ary noho ny hadisoan'io olona iray io no nanjakan'ny fahafatesana, fa ireo mandray ny fahasoavana nitosaka be avy amin'Andriamanitra ary koa ny fahamarinana nomeny maimaimpoana dia vao mainka velomin'Andriamanitra sy ampanjakainy tamin'ny alalan'ny olona anankiray, dia i Jesoa Kristy.*



FAHAMARINANA AVY AMIN'NY FAHASOAVANA

VALINY

1. Vakio ny Tito 3:5. Afaka vokarintsika ve ny fahamarinana ilantsika?
Tsia.
2. Vakio ny 2 Kôrintianina 5:21. Karazana fahamarinana manao ahoana no ilantsika?
Ny fahamarinan'Andriamanitra (izay azo amin'ny alalan'i Kristy).
3. Vakio ny Rômanina 3:22. Ahoana no andraisantsika izany fahamarinana izany?
Amin'ny alalan'ny finoana an'i Jesoa Kristy.
4. Vakio ny Filipianina 3:9. Inona no fahamarinana avy amin'ny lalàna?
Fahamarinana avy amiko - asan'ny fahamarinana nataoko.
5. Vakio ny Galatianina 2:21. Inona no ataontsika ka mety hahatonga ny fahasoavan'Andriamanitra ho very maina?
Ataontsika very maina ny fahasoavan'Andriamanitra rehefa miezaka ny ho voavonjy amin'ny alalan'ny asa tsara ataontsika isika fa tsy matoky an'i Kristy sy ny fahafatesany ho famonjena antsika.
6. Vakio ny Rômanina 5:17. Raisina ho toy ny inona ny fahamarinana?
Fanomezana.





LESONA 4

FIFANDRAISANA AMIN'ANDRIAMANITRA

Nosoratan'i Andrew Wommack

Anisan'ireo zavatra manan-danjaindrindra amin'ny fifandraisana ny mahalala tsara ny olona izay ifandraisanao, ary toy izany koa ny fifandraisana amin'Andriamanitra. Tokony ho fantatrao tsara ny toetra fototra ananan'Andriamanitra, mba hanananao fifandraisana tsara Aminy. Fahadisoan-kevitra momba ny maha izy Azy an'Andriamanitra sy ny toetrany no anisan'ny mahatonga ny ankamaroan'ny olona tsy manana fifandraisana tsara Aminy. Izany mihitsy no zavatra nitranga tao amin'ny zaridainan' i Hedena raha nalain'ny menarana fanahy ry Adama sy Eva. Hany ka latsaka tanatin'ny fakam-panahy izy ireo ka nanjary tsy nankatò an'Andriamanitra. Nitarika ny olombelona rehetra ho amin'ny ota izany. Ny tsy fahalalana tsara ny toetran'Andriamanitra no anisan'ny nahatonga azy ireo ho latsaka tamin'ny fakam-panahy.

Saiky mahafantatra ny tantara ao amin'ny Genesè 3:1-5 ny ankamaroan'ny olona: “*Ary ny bibilava no fetsy indrindra tamin'ny bibidia rehetra nataon'ny Tompo Andriamanitra. Hoy izy tamin-dravehivavy, marina ve fa noraran'Andriamanitra tsy hihinana ny voan'ny hazo rehetra ao an-jaridaina ianareo? Dia namaly ny bibilava ravehivavy hoe, Azonay hanina ihany ireo voankazo ao an-jaridaina, afa-tsy ny voan'ny hazo eo afovoan'ny zaridaina izay efa nandraran'Andriamanitra anay tsy hohanina na hokasihina akory, fandrao mahafaty anay. Hoy kosa ny bibilava taminy, tsy ho faty tsy akory ianareo! Saingy fantatr'Andriamanitra fa amin'ny andro hihinanareo azy dia hahiratra ny masonareo, ary ho tonga tahaka an'Andriamanitra ianareo ka hahalala ny tsara sy ny ratsy.*”

Misy fanambarana an-kolaka nataon'i Satana teto, toy ny manao hoe Andriamanitra tsy tsara akory Andriamanitra ... hoe misy zavatra hazonin'Andriamanitra tsy omeny an'i Adama sy Eva ... sy hoe tsy tiany hivelatra tanteraka izy ireo ... ary hoe tsy tiany hitovy Aminy izy ireo ... ka izany no nahatonga Azy handrara ny fihinanana ny voan'ny hazon'ny Fahalalana ny Tsara sy ny Ratsy, mba hanakanana na hamelezana azy ireo. Raha zohina dia ny toetran'Andriamanitra mihitsy no nohamavoin'i Satana rehefa nanaratsy Azy izy ka niteny hoe tsy tian'Andriamanitra hisitraka ny tsara indrindra i Adama sy Eva. Tsy misy hafa amin'izany ny manjo ny olona ankehitriny. Hoy Satana amin'izy ireo, “Raha manaraka an'Andriamanitra ianareo, ka tsy mba mahita na miaina izay zavatra mifanohitra amin'ny Teniny, dia tsy hahalala ny tena fahasambarana. Hankaleo ny fiainanareo ... toy ny maty e.” Ny mampalahelo anefa dia tsy mahita fahafaham-po ny olombelona na dia efa avy nanandrana ny zavatra rehetra aza, toy ny toaka, zava-mahadomelina, filibana ara-nofo, fikomiana, fitiavan-tena tafahoatra, fahombiazana amin'ny asa, sy ireo maro hafa. Mandra-pahatonga saina azy amin'ny maha-ratsy izay zavatra nataony anefa, dia efa nopotehany sy noravany ny fiainany, ny fiainam-pianakaviany sy ny fahasalamany.

Ny marina dia Andriamanitra tsara Andriamanitra, ary ny tsara ho antsika ihany no iriny. Saingy ny fakam-panahy izay nampiasain'i Satana tamin'i Adama sy Eva tao an-jaridainan'i Hedena ihany no mbola ampiasainy amintsika ankehitriny, dia tsy inona fa ny filazana hoe tsy Andriamanitra tsara Andriamanitra. Ireo izay tsy tena mahalala tsara ny Baiboly dia mety ho voafitaka amin'izany satria betsaka ny tantara ao amin'ny baiboly toa milaza fa nasiaka sy



FIFANDRAISANA AMIN'ANDRIAMANITRA

ratsy fanahy tamin'ny olona Andriamanitra. Ao amin'ny Nomery 15:32-36, dia nisy lehilahy iray tratra nandraoka kitay tamin'ny andro Sabata. Notorahan'ny fiangonana vato izy ka maty, satria nandika ny andro Sabata. Tena nasiaka tokoa ny fihaino an'izany nefà nisy antony ny famaizana, ary tsy takatry ny olona izay mamakimaky fotsiny ny Tenin'Andriamanitra izany. Ny fandinihana lalina dia ahitana fa ny Lalàna tao amin'ny Testamenta Taloha dia natao hahatonga ny fahotana izay nataotsika ho tena fahotana miezinezina, araky ny nolazain'i Paoly ao amin'ny Rômanina 7:13. Ny olona mantsy dia tsy tonga saina hoe tena mahafaty anie ny fahotana ary tena mahatezitra an'Andriamanitra ireny. Lany andro mifampitsara sy mifampitaha ny zava-bitany ny olona.

Raha nisy olona nanota ka tsy vonoina ho faty, dia afaka noheverina fa tsy dia ratsy loatra ny fahotana, ka dia mba manao koa ny hafa. Tsy fantany intsony ny tena atao hoe marina sy diso. Tsy maintsy nahitsin'Andriamanitra ny fijerin'ny olombelona. Napetrany tsara ny fenitra tokony hiainany mba handavany ny ratsy sy ny fakam-panahy, sy hahafantarany ny ho vokatry ny safidy diso mety ataony. Mba hahatanteraka izany, dia tsy maintsy nanamafy ny Lalàna nomeny Andriamanitra.

Ny Lalàna izay nomen'Andriamanitra tao amin'ny Testamenta Taloha dia tsy nidika hoe, "Raha tsy vitanareo izao zavatra rehetra izao, dia tsy hankasiträhako na tsy ho tiako ianareo." Tsy toetran'Andriamanitra izany. Izao no nataony, nomeny ny Lalàna mba tena hahafantarantsika ny tsara sy ny ratsy, ka hahatonga saina antsika fa mila Mpamonjy isika. Ny olana dia nihevitra ny olombelona fa mila tonga lafatra aloha izy ireo vao afaka ny hitia azy Andriamanitra. Izay no nahatonga ny maro hieritreritra hoe ny zava-bitan'ny tsirairay no mameatra ny fitiavan'Andriamanitra. Mieritreritra izy fa raha tsy tonga lafatra avokoa ny zavatra ataony, dia tsy hankasiträhän'Andriamanitra izy, kanefa tsy izany no hafatra entin'ny Baiboly.

Ny ao am-pon'Andriamanitra dia ny hampihavana ny olombelona Aminy, fa tsy hitsara azy akory ... tsy hamaly azy amin'ny fahotany, na hitazona ny otany. Izany no ao am-pon'Andriamanitra ho an'ny olona tao amin'ny Baiboly ary mbola izany koa ny ao am-pony ho anao androany. Tokony ho azonao sy mazava tsara aminao ny tena ao am-pon'Andriamanitra fa "Izy dia Fitiavana" (1 Jôhany 4:8). Hanala anao amin'ny fahotana sy izay rehetra mety hampisaraka anao Aminy no tadiaviny. Efa nataony tamin'ny alalan'i Jesoa izany, ary manolotra fihavanana aminao Izy androany. Tsy miankina amin'ny zava-bitanao, fa amin'ny finoanao sy fanekeno fa nitondra ny fahotanao i Jesoa. Afaka manana fifandraisana amin'Andriamanitra ianao manomboka anio, na toy inona na toy inona tsy fahombiazanao. Ny hany angatahiny aminao dia ny inoanao an'i Jesoa Kristy Tompo.



LESONA 4

FANONTANIANA HO AN'NY MPIANATRA

- Vakio ny Genesè 3:1. Inona no fanontaniana napetrak'i Satana tamin'i Eva?

Genesè 3:1 - *Ary ny bibilava no fetsy indrindra, tamin'ny bibidia rehetra nataon'ny Tompo Andriamanitra. Hoy izy tamin-dravehivavy, Marina ve fa noraran'Andriamanitra tsy hihinana ny voan'ny hazo rehetra ao an-jaridaina ianareo?*

- Vakio ny Genesè 2:17 sy 3:3. Inona no teny (na ireo teny) izay nanampian'i Eva izay voalazan'Andriamanitra marina tamin'i Adama?

Genesè 2:17 - *Afa-tsy ny avy amin'ny hazo fahalalana ny tsara sy ny ratsy, satria amin'ny andro izay hihinananao azy dia ho faty tokoa ianao.*

Genesè 3:3 - *Afa-tsy ny voan'ny hazo eo afovoan'ny zaridaina izay efa nandraran'Andriamanitra anay tsy hohanina na hokasihina akory, fandrao mahafaty anay.*

- Vakio ny Genesè 3:6. Raha vao tafiditr'i Satana tao an-tsain'i Eva ny fiahiahiana momba ny Tenin'Andriamanitra, inona no nataon'i Eva, arak'io andinin-tsoratra io?

Genesè 3:6 - *Ary hitan-dravehivavy fa maha te hihinana ny voan'ilay hazo sady mahasarika ny maso no mampitsiriritra hahazoana fahiratan-tsaina. Dia niotazany ny voany ka nohaniny; ary nomeny koa ny vadiny izay niaraka taminy ka nihinana.*

- Vakio ny Genesè 3:9-10. Rehefa avy nanota i Adama sy Eva, mbola nifampiresaka sy nanohy ny fifandraisana taminy ihany ve Andriamanitra?

Genesè 3:9-10 - *Niantso an-dralehilahy ny Tompo Andriamanitra ka nanao taminy hoe, Aiza moa ianao? Dia namaly izy hoe, nandre ny feonao tao an-jaridaina aho, dia natahotra fa mitanjaka, koa dia niery.*

- Vakio ny Genesè 3:22-24. Inona no antony nandroahan'Andriamanitra an'i Adama sy Eva hiala ny Zaridaina?

Genesè 3:22-24 - *Dia hoy ny Tompo Andriamanitra hoe, Indro ny olombelona fa efa tonga tahaka ny iray amintsika momba ny fahalalana ny tsara sy ny ratsy; koa ankehitriny, aoka izy tsy haninjitra ny tanany haka ny voan'ny hazon'aina ka hihinana amin'izany, dia ho velona mandrakizay! [23] Noho izany, dia noroahin'ny Tompo Andriamanitra hiala tao an-jaridainan'i Hedena ny olombelona mba handeha hiasa ny tany izay nanalana azy. [24] Rehefa avy nandroaka ny olombelona Izy, dia nametraka teo atsinanan'ny zaridaina ireo kerobima, izay mitondra sabatra misy lelafo midedadeda mba hiambina ny lalana mankany amin'ny hazon'aina.*

- Hitanao ve fa famindram-po no antony nanaovan'Andriamanitra an'izany fa tsy fanasaziana akory?



FIFANDRAISANA AMIN'ANDRIAMANITRA

7. Vakio ny Rômanina 5:17. Ahoana no fomba ahazoantsika ny haben'ny fahasoavana sy ny fanomezan'ny fahamarinana avy amin'Andriamanitra?

- A. Mividy.
- B. Miasa mafy mba ho tambin'izany.
- C. Mandray.

Rômanina 5:17 - *Eny, tamin'ny alalan'ny olona anankiray ary noho ny hadisoan'io olona iray io no nanjakan'ny fahafatesana; fa ireo mandray ny fahasoavana nitosaka be avy amin'Andriamanitra ary koa ny fahamarinana nomeny maimaimpoana dia vao mainka velomin'Andriamanitra sy ampanjakainy tamin'ny alalan'ny olona anankiray, dia i Jesoa Kristy.*

8. Vakio ny Rômanina 6:23. Inona no tena sahaza antsika rehefa manota isika?

Rômanina 6:23 - *Satria fahafatesana no tambin'ny fahotana, fa ny fanomezan'Andriamanitra maimaimpoana kosa dia fiainana mandrakizay ho an'izay ao amin'i Kristy Jesoa Tompotsika.*

9. Noho ny fahasoavany anefa, dia inona no omen'Andriamanitra antsika?

10. Vakio ny Rômanina 10:3 Raha mitoky amin'ny fahamarinana avy amin'ny tenantsika isika inona no tsy ho haintsika atao?

Rômanina 10:3 - *Tsy nahalala ny fahamarinana omen'Andriamanitra ry zareo, ka nitady fahamarinana avy amin'ny tenany fa tsy nanaiky ny fahamarinana omen'Andriamanitra.*

11. Vakio ny 1 Jôhany 1:9 sy ny Rômanina 4:3. Inona no nampanantenain'Andriamanitra hataony amin'ny fahotana sy ny heloka vitantsika taminy rehetra raha mino Azy isika?

1 Jôhany 1:9 - *Fa raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mitana ny toky nomeny Andriamanitra sady marina, ka hamela ny fahotantsika sy hanadio antsika ho afaka amin'ny ratsy isan-karazany.*

Rômanina 4:3 - *Fa inona tokoa moa no voalazain'ny Soratra Masina? Nino an'Andriamanitra i Abrahama, ary nankatoavan'Andriamanitra azy ho marina izany (finoany izany).*

12. Manambara inona momba ny toetran'Andriamanitra izany aminao?



LESONA 4

VALINY

1. Vakio ny Genes̄y 3:1. Inona no fanontaniana napetrak'i Satana tamin'i Eva?
“Marina ve fa noraran’Andriamanitra tsy hihinana ny voan’ny hazo rehetra ao an-jaridaina ianareo?”
2. Vakio ny Genes̄y 2:17 sy 3:3. Inona no teny (na ireo teny) izay nanampian'i Eva izay voalazan'Andriamanitra marina tamin'i Adama?
Na hokasihina akory.
3. Vakio ny Genes̄y 3:6. Raha vao tafiditr'i Satana tao an-tsain'i Eva ny fiahahiana momba ny Tenin'Andriamanitra, inona no nataon'i Eva, arak'io andininy io?
Nioty ka nihinana.
4. Vakio ny Genes̄y 3:9-10. Rehefa avy nanota i Adama sy Eva, mbola nifampiresaka sy nanohy ny fifandraisana taminy ihany ve Andriamanitra?
Eny.
5. Vakio ny Genes̄y 3:22-24. Inona no antony nandroahan'Andriamanitra an'i Adama sy Eva hiala ny Zaridaina?
Mba tsy hihinanany ny voan’ny hazon’aina ka ho velona mandrakizay ao anatin’ny toetra feno ota (ao anaty fahotana).
6. Hitanao ve fa famindram-po no antony nanaovan'Andriamanitra an’izany fa tsy fanasaziana akory?
Eny.
7. Vakio ny Rômanina 5:17. Ahoana no fomba ahazoantsika ny haben’ny fahasoavana sy ny fanomezan’ny fahamarinana avy amin'Andriamanitra?
C. Mandray izany.
8. Vakio ny Rômanina 6:23. Inona no tena sahaza antsika rehefa manota isika?
Fahafatesana.
9. Noho ny fahasoavany anefa, dia inona no omen'Andriamanitra antsika?
Fiainana mandrakizay ao amin'i Jesoa.
10. Vakio ny Rômanina 10:3. Raha mitoky amin'ny fahamarinana avy amin'ny tenantsika isika inona no tsy ho haintsika atao?
Manaiky an'i Jesoa ho fahamarinantsika.
11. Vakio ny 1 Jôhany 1:9 sy ny Rômanina 4:3. Inona no nampanantenain'Andriamanitra hataony amin'ny fahotana sy ny heloka vitantsika taminy rehetra raha mino Azy isika?
Manala izany, manadino izany, ary mamela izany.
12. Manambara inona aminao momba ny toetran'Andriamanitra izany?
Fa Izy dia mamela heloka sy feno fitiavana.



LESONA 5

NY MAHA IZY AZY AN'ANDRIAMANITRA

Nosoratan'i Andrew Wommack

Hahafahantsika manana fifandraisana tsara amin'Andriamanitra dia tsy maintsy fantatsika aloha ny maha izy Azy sy ny toetrary. Tezitra nohon'ny otantsika ve Izy sa Andriamanitra mpamindra fo ka te hanome antsika fiainana sy fitahiana, na toy inona na toy inona ny zava-bitantsika? Misy lafiny roa isehoan'Andriamanitra ao amin'ny Baiboly, tsy midika akory izany fa efa niova Izy na niova ny fombany. Nisy fotoana kosa anefa, "nihazonan'Andriamanitra ny otan'ny olona aminy", araka ny voambolana ampiasaina ao amin'ny Baiboly.

Afaka oharina amin'ny fitaizan-janaka izany. Raha tena mbola kely ny ankizy, dia tsy afaka ifampiresahana, tsy afaka tenenina hoe mipetraha tsara na anazavana ny antony tsy tokony hanaovana tia tena ka isintonana ny kilalaon'i zoky na i zandry. Tsy maintsy ampahafantarina azy ny fitsipika ka raha mandika izany izy dia ho voasazy. Tsy maintsy hamafisina ny fitsipika na dia tsy mbola mahalala momba an'Andriamanitra sy ny Devoly na tsy mahafantatra fa manome fitoerana ho an'ny Devoly ny fitiavan-tena aza izy ireo. Mety tsy fantany ny foto-kevitra fa hainy kosa fa raha mamerina ilay tsy nety izy dia ho voasazy.

Amin'ny lafiny iray, dia izany no nataon'ny Tompo tao amin'ny Testamenta taloha. Talohan'ny fahateraham-baovao dia tsy nanana ny fahalalana ara-panahy ananantsika, izay miaina ao amin'ny Testamenta vaovao ny olona; noho izany dia tsy maintsy nomena ireo lalàna ary nohamafisina tamin'ny alalan'ny sazy izay mety ho tonga hatramin'ny fahafatesana izany, mba itarihina ny olona hiala amin'ny fahotana. Satria tamin'ny alalan'ny ota no namotehan'i Satana ny olona, tsy maintsy nasiana fefy ny ota ary tsy maintsy nohamafisina izany fefy izany. Na dia nahatonga ny fieritreretana fa tsy tena tia antsika Andriamanitra nohon'ny otantsika aza izany dia tsy izany no ampiararin'ny Tenin'Andriamanitra. Hoy ny Rômanina 5:13: "*fa hatrany alohan'ny lalàna dia nisy ota tamin'izao tontolo izao; nefo tsy isaina ny ota, raha tsy misy lalàna.*" BP Ny hoe "*Hatrany alohan'ny lalàna*" dia midika hoe mandrapahatongan'ny andron'i Mosesy izay nanomezan'Andriamanitra ny Didy Folo sy ireo fombafomba nomen'ny lalàna izay nihatra tamin'ny firenena jiosy. Nandrapahatongan'izay fotoana izay, na nisy teto an-tany aza ny ota dia tsy nisaina izany. Ny teny hoe "*isaina*" dia ampiasaina amin'ny fitahirizana kaonty, ohatra hoe mandeha mividy zavatra eny amin'ny mpivarotra enta-madinika ianao dia hoy ianao : "soraty amin'ny kaontiko ao". Rehefa soratana amin'ny kaontinao, dia voatahiry ary voasoratra amin'ny anaranao ka ianao no handoa ny vidiny. Raha adino ny nanoratra azy tamin'ny anaranao, dia tsy voatahiry izany ka tsy afaka terena handoa ilay vidin' entana ianao.

Milaza io andinin-tsoratra Masina io fa mandrapahatongan'ny Didy Folo dia tsy nohazonina tamin'ny otany ny olona. Mahagaga izany. Jereo ny Genesè 3 sy 4. Maro ny olona mihevitra fa rehefa nanota tamin'Andriamanitra i Adama sy Eva dia tsy miraharaha ny olombelona mpanota intsony Andriamanitra satria masina Izy nefo nanota ny olombelona. Mieritreritra izy ireo fa ny antony nandroahan'Andriamanitra azy ireo tsy ho ao amin'ny



LESONA 5

Zaridainan'i Hedena intsony dia noho Izy masina ka tsy te hifampiraharaha amin'ny olombelona tsy masina. Ka raha tsy fefanao amin'ny alalan'ny zavatra tsara ataoao ny ratsy efa vitanao, dia tsy afaka ny hifandray aminao Andriamanitra. Mifanohitra amin'ny hafatra nentin'i Jesoa izany. Milaza ny Rômanina 5:8 fa nahariharin'Andriamanitra ny fitiavany antsika, fa maty hamonjy antsika Kristy fony isika mbola mpanota. Mampianatra noho izany ny Testamenta Vaovao fa natolotr'Andriamanitra ho anao ny fitiavany raha mbola tao anaty ota tanteraka ianao fa tsy hoe rehefa avy namafa ny ratsy vitanao. Iray amin'ny fahamarinan'ny Vaovao Mahafaly izay hanova ny fainanao ny fahalalanao fa tia anao amin'izao maha izy anao sy toetranao izao Andriamanitra. Hiova ianao, ka ny fiovanao dia vokatry ny Fitiavan'Andriamanitra anao, fa tsy hoe hiova ianao mba hisitrahanao ny Fitiavan'Andriamanitra.

Hitanao ao amin'ny Genesè 4 fa mbola nifandray tamin'ny olombelona, niresaka tamin'i Adama sy Eva Andriamanitra taorian'ny nanotan'izy ireo. Niresaka tamin'i Kaina sy Abela Izy ka rehefa nanao fanatitra hatolotra Azy izy ireo dia naheno ny feony mivantana. Hita tamin'ny fihetsik'izy ireo fa zatra naheno ny feon'Andriamanitra izy ka tsy nampatahotra azy izany. Rehefa novonoin'i Kaina i Abela ka lasa izy no mpamono olona voalohany teto an-tany, dia re avy tany an-danitra ny feon'Andriamanitra hoe: "Aiza i Abela rahalahinao?" Nandainga tamin'Andriamanitra ankitsirano i Kaina toa olona tsy mba enjehin'ny eritreriny akory. Vitan'i Kaina izany satria efa zatra naheno ny feon'Andriamanitra loatra izy ka tsy niraharaha ary tsy natahotra ny handainga akory. Izany dia ahafahana milaza fa mbola nifanerasera tamin'ny olombelona Andriamanitra fa tsy nanapaka fihavanana taminy, araka ny finoan'ny maro.

Tsy nosoratan'Andriamanitra tamin'ny kaontin'ny olombelona ny otany. Midika ve izany fa nekeny ny otany na hoe tsy diso izy ireo? Tsia, izay no nahatonga azy tsy maintsy nanome ny lalàna. Tsy maintsy nomen'Andriamanitra ny lalàna hamerina ny olona amin'ny fahalalana ny tsara sy ny ratsy. Tsy maintsy nasehon'Andriamanitra ny olona fa mila mpamony izy ka mila manetry tena ary mandray ny famelan-keloka ho fanomezana. Ny mampalahelo anefa dia noraisin'ny antokom-pivavahana izany ka nentiny nampianatra ny olona fa nomena ny Lalàna mba hitandremanao azy ka hahazoanao famelan-keloka sy fankasitrahana avy amin'Andriamanitra. Tsia! Ny tanjon'ny Lalàna tao amin'ny Testamenta taloha dia ny fampiharihariana ny otanao ka hahatonga saina anao fa tsy vitanao ny mamonjy ny tenanao samirery ka hitenanao hoe: "Andriamanitra ô, raha toy izao ny hatsaran'ny fahamasinanao, dia tsy ho tratrako! Fa Mamelà ahy, mamindrà fo amiko" Fitiavana no tena maha izy Azy an'Andriamanitra.



NY MAHA IZY AZY AN'ANDRIAMANITRA

FANONTIANANA HO AN'NY MPIANATRA

1. Vakio ny Rômanina 5:13, inona no dikan'ny hoe: "isaina"?

Rômanina 5:13 - *Fa hatrany alohan'ny lalàna aza dia nisy ota tamin'izao tontolo izao; nefas tsy isaina ny ota, raha tsy misy Lalàna.* BP

2. Vakio ny Rômanina 7:7. Inona no zava-kendren'ny Lalàna?

Rômanina 7:7 - *Inona àry no holazaintsika? Fahotana ve ny Lalàna? Sanatria izany! Nefas tsy ho nahafantatra ny fahotana aho raha tsy tamin'ny alalan'ny lalàna. Ohatra: tsy ho nahafantatra ny fitsiriritana aho raha tsy ny lalàna no nanao hoe: "Aza mitsiriritra".*

3. Vakio ny Galatianina 3:24. Arak'io andininy io, inona no zava-kendren'ny Lalàna?

Galatianina 3:24 - *Koa ny lalàna dia nanjary mpitaiza anay mba hiandrandranay an'i Kristy, ka hahatonga anay ho marina eo imason'Andriamanitra noho ny finoana.*

4. Vakio ny Jôhany 8:1-11. Ahoana no niatrehan'i Jesoa ilay vehivavy tratra nijangajanga?

Jôhany 8:1-11 - *Fa i Jesoa kosa lasa nankeny amin'ny tendrombohitra Analanôliva. [2] Ny ampitso maraina be, dia niverina tao an-kianjan'ny tempoly Izy; ary nanatona Azy ny vahoaka rehetra, ka nipetraka Izy nampianatra azy ireo. [3] Nisy kosa vehivavy anankiray tratra nanitsakitsa-bady. Nentin'ny mpahay lalàna sy ny Farisanina ravehivavy, ka narosony teo anoloan'ny olona; [4] dia hoy ry zareo tamin'i Jesoa, Mpampianatra ô, azo nanitsakitsa-bady ity vehivavy ity. [5] Ary i Mosesy ao amin'ny lalàna, dia nandidy anay hitora-bato ny vehivavy toy izany, fa Ianao kosa mba ahoana? [6] Nolazain'ireo izany hamandrihana Azy, mba hisy hiampangany Azy. Fa i Jesoa kosa niondrika, dia nanoratsoratra teo amin'ny tany tamin'ny rantsan-tanany. [7] Ry zareo amin'izany mbola manontany Azy ihany; ka nitraka Izy ka niteny tamin'ireo hoe, Izay tsy manam-pahotana aminareo no aoka hitora-bato Azy voalohany! [8] Dia niondrika indray i Jesoa, ka nanoratsoratra teo amin'ny tany. [9] Fa ry zareo kosa nony nandre izany, dia niala teo tsirairay nanomboka tamin'ny zokinjokiny; ka i Jesoa irery sisa nijanona sy ilay vehivavy teo anoloan'ny olona. [10] Dia nitraka i Jesoa ka nilaza tamin-dravehivavy hoe, Aiza ry zareo teo, ramatoa? Tsy nisy nanameloka anao angaha? [11] dia novaliany hoe, Tsy nisy, Tompoko! Ary hoy i Jesoa taminy, Izaho koa tsy manameloka anao! Mandehana, ka aza manota intsony manomboka izao!*

5. Ahitana taratra ny tena maha izy Azy an'Andriamanitra ve ny teny sy ny fanaon'i Jesoa? Jereo ny Jôhany 3:34.

Jôhany 3:34 - *Ilay nirahin'Andriamanitra manko no milaza ny tenin'Andriamanitra, satria tsy misy fetrany no anomezan'Andriamanitra Azy ny Fanahy Masina.*

6. Vakio ny 1 Jôhany 4:8. Arak'io andininy io, inona no tena maha izy Azy an'Andriamanitra?



LESONA 5

1 Jôhany 4:8 - *Izay tsy tia dia tsy mahalala an'Andriamanitra satria Andriamanitra dia fitiavana.*

7. Vakio ny Rômanina 5:6. Niantefa tamintsika ny fitiavan'Andriamantra fony mbola inona isika?

Rômanina 5:6 - *Mbola tsy nanan-kery isika no tonga ny fotoan'andro voatendrin'Andriamanitra, ka maty hamonjy ny ratsy fanahy i Kristy.*

8. Vakio ny Rômanina 5:8. Efa tia antsika Andriamanitra raha mbola inona isika?

Rômanina 5:8 - *Fa i Kristy kosa maty hamonjy antsika, fony isika mbola mpanota: nahariharin'Andriamanitra tamin'izany ny fitiavany antsika.*

9. Vakio ny Rômanina 5:10. Tia antsika Andriamanitra fony inona isika?

Rômanina 5:10 - *Eny, fony fahavalon'Andriamanitra aza isika, dia nampihavanina tamin'noho ny fahafatesan'ny Zanany; vao mainka izao isika efa nampihavanina tamin'Andriamanitra izao, dia tena hovonjena tokoa noho ny fahaveloman'ny Zanany.*

10. Raha mangataka an'i Jesoa hamela ny fahotanao, ho Tompo sy Mpamony anao ianao, ka mahatoky ny sorona nataony ho vidin'ny otanao, ho asehon'Andriamanitra anao ve ny maha izy Azy dia ny famindrapony sy ny fahamarinany?



NY MAHA IZY AZY AN'ANDRIAMANITRA

VALINY

1. Vakio ny Rômanina 5:13, inona no dikan'ny hoe: "nisaina"?
Atao ao amin'ny kaontin'olona iray.
2. Vakio ny Rômanina 7:7. Inona no zava-kendren'ny Lalàna?
Ampahalalana ny fahotana.
3. Vakio ny Galatianina 3:24. Arak'io andininy io, inona no zava-kendren'ny Lalàna?
Hanehoana amin'ny olona fa mila Mpamony izy dia i Jesoa Kristy.
4. Vakio ny Jôhany 8:1-11. Ahoana no niatrehan'i Jesoa ilay vehivavy tratra nijangajanga?
Tamin'ny alalan'ny famindram-po sy fahasoavana.
5. Ahitana taratra ny tena maha izy Azy an'Andriamanitra ve ny teny sy ny fanaon'i Jesoa?
Jereo ny Jôhany 3:34.
Eny.
6. Vakio ny 1 Jôhany 4:8. Arak'io andininy io, inona no tena maha izy Azy an'Andriamanitra?
Fitiavana.
7. Vakio ny Rômanina 5:6. Niantefa tamintsika ny fitiavan'Andriamantra fony mbola inona isika?
Tsy nanan -kery, izany hoe, tsy nahavita tena sy ratsy fanahy.
8. Vakio ny Rômanina 5:8. Tia antsika Andriamanitra raha mbola inona isika?
Mpanota.
9. Vakio ny Rômanina 5:10. Tia antsika Andriamanitra fony inona isika?
Fahavalolo.
10. Raha mangataka an'i Jesoa hamela ny fahotanao, ho Tompo sy Mpamony anao ianao, ka mahatoky ny sorona nataony ho vidin'ny otanao, ho asehon'Andriamanitra anao ve ny maha izy Azy dia ny famindrapony sy ny fahamarinanany?
Eny.





LESONA 6

NY FIBEBAHANA

Nosoratan'i Don Krow

Misy olona tsy mahazo tsara ny antsoina hoe fibebahana. Tsy fahatongavana lafatra akory ny fibebahana fa fanovàna sori-dalana arahina. Hiresaka ny fanoharana momba ilay zanaka adala na ilay zanaka nania isika. Eto i Jesoa dia milaza tantara iray maneho tanteraka ny atao hoe olona mibebaka. Hoy ny Lioka 15:11-12 “*Dia hoy indray i Jesoa, nanan-janaka mirahalahy ity lehilahy iray. Ary hoy ilay zandriny tamin-drainy, omeo ahy ry Dada ny anjara fananana tandrify ahy. Dia nozarainy tamin'izy mirahalahy ny fananany.*”

Nitaky ny lovany talohan’ny nahafatesan-drainy ilay zandriny. Tsy fahita matetika ny toy izany, nefà dia nomen-drainy azy izay notakiany ka notolorany an’ireo zanany ny lovany. Ny andininy faha-13 dia milaza hoe, “*Nony afaka andro vitsivitsy dia nivarotra ny anjarany manontolo ilay zandriny, ary lasa nitondra ny vola azony nankany an-tany lavitra ka nandanilany foana ny fananany tamin’ny filibàna*”. Nalain’ilay zandriny ny fananany rehetra, ny anjara lovany ka lasa nankany an-tany lavitra izy, nandany izany tamin’ny filibàna. Misy dikan-teny iray milaza hoe: “nanao fety sy nandany ny vola tamin’ny vehivavy mpijangajanga.”

Toy izao no voalazan’ny andininy faha 14-15, “*Rehefa tapitra avokoa izay teo am-pelatanany, dia nisy mosary mafy tamin’izany tany izany, [tsy namokatra intsony ilay tany ka mosarena ny olona]; ary tsy nana-koraïsina intsony ny anao. Lasa izy niasa tamin’ny tempo-tany anankiray ka nalefan’ilay niasany hiandry kisoa tany an-tsahany.*” (izaho no nametraka ny fononteny). Niasa tamin’ny tempo-tany iray izy ka nalefa namahana kisoa. Hoy ny andininy faha 16, “*Satrin’ity zatovo hameno kibo amin’ny voan-javatra fihinan’ny kisoa, saingy tsy nisy nanome azy.*” Noana izy, tena mosarena mafy, ka hoy izy “Omeo amin’ny sakafon’ny kisoa aho, izay omenareo ahy”, nefà tsy nisy nanome ninoninona azy. Nolanilaniany fahatany ny lovany rehetra. Mitohy ao amin’ny andininy faha 17, “*Izay vao nody ny sainy ka hoy izy anakam-po, ireo mpikaraman’i dada rehetra any izao manan-tsakafo be dia be daholo, fa izaho kosa ity maty mosary aty!*” Misy fandikan-teny iray milaza toy izao, “rehefa tonga saina izy.” Raha lazaina amin’ny fomba hafa dia hoe, manana sakafon’ny mihoatra noho ny ampy ny mpikaraman’ny rainy fa izy kosa matin’ny hanoanana.

Nandray fanapaha-kevitra izy ka nibebaka. Ny fibebahana dia fiovan’ny toe-tsaina, fiovam-po izay mahatonga ny olona iray hitodika ka handray sori-dalana vaovao. Ao amin’ny andininy faha 18-19 dia hoy izy, “*Ndeha hody any amin’i dada aho ka hilaza aminy hoe, Dada ô, nanota tamin’Andriamanitra sy taminao aho, ka tsy mendrika intsony ny hatao hoe zanakao fa mba ataovy toy ny anankiray amin’ny mpikaramanao aho!*” “Ataovy andevo aho ry dada. Nanota taminao aho, nandanilany foana ny fanananao, ary nanota tamin’Andriamanitra. Ataovy andevo fotsiny aho.” Dia nitsangana izy ka lasa nankany amin’ny rainy. Manoatra noho ny fiovan-toetra sy fiovana toe-tsaina ary fiovam-po ny fibebahana; mitondra ny olona iray hanatanteraka izay zavatra inoany, hiverin-dalana, hitodika, ka hanaraka sori-dalana vaovao. Isika rehetra dia efa samy nihodina niala tamin’Andriamanitra Raintsika, niala tamin’ny lanitra fonenantsika.



NY FIBEBAHANA

Hoy ny Baiboly ao amin'ny Isaià 53:6, “*Isika rehetra dia tahaka ny ondry nania, fa samy efa nandeha tamin’ny lalantsika avy*,” nefà namindra fo tamintsika Andriamanitra ka naka ny fahotantsika ary nampitondra izany an'i Jesoa.

Mitohy ny tantara ao amin'ny andininy faha 20-24. “*Dia lasa tokoa izy nody any amin-drainy*.” Indray alina aho dia nilaza ity tantara ity tamina lehilahy iray mbola tsy naheno azy mihitsy taloha. Nihevitra izy fa raha vao tafaverina ilay zanany, dia hilaza ny rainy hoe, “Anaka, jereo ity nataonao. Nolalianao ny fananana rehetra izay nangoniko nandritra ny androm-piainako. Koa ataoko anisan'ny andevoko ianao.” Angamba ny ankamaroan'ny raim-pianakaviana eto an-tany dia mety ho tezitra mafy ka hanana toetra toy izany, nefà jereo ny toetran'ity raim-pianakaviana ity, “*Raha mbola lavitra ny trano ilay zatovo dia tazan-drainy. Onena azy tokoa irainy [nentanim-pitiavana ho an'ny zanany ny fony] ka nihazakazaka nitsena, ary namihina ny vozony sy nanoroka azy. Dia hoy ny zanany taminy, Dada ô, nanota tamin'Andriamanitra sy taminao aho, ka tsy mendrika intsony ny hatao hoe zanakao! Fa hoy kosa irainy tamin'ireo mpiasa, Ento aty faingana ny akanjo tsara indrindra ka ampiakanjoy azy; asio peratra ny rantsan-tanany ary asio kapa ny tongony. Alaovy ilay zanakomby mifahy ka vonoy; ary aoka isika hanao fihinanam-be, satria ity zanako ity efa maty no velona indray, ary efa very no hita indray! Dia nanomboka ny fihinanam-be aman-korana izy rehetra.*” (izaho no nametraka ny fononteny). Dia nanao fety izy ireo.

Nisy lehilahy iray niresaka tamiko ka nanao hoe. “Azoko ny lazain'i Jesoa. Raha mitodika amin'Ilay Ray any an-danitra aho ka mangataka famindram-po Aminy hoe, ‘Ray ô, nanota taminao aho, ary tsy mendrika ny ho zanakao,’ dia horaisiny aho”. Izao no navaliko azy, Hangoraka anao ny Raïntsika any an-danitra, fa tsy hanao anao ho andevo. Haveriny tanteraka ny maha-zanany anao. Miandry antsika Andriamanitra. Nania va ianao? Nahoana no tsy izao ankehitriny izao ianao dia mitodika amin'Andriamanitra, Ilay Rainao, fa mitodika amin'ny lanitra, ilay fonenanao?



LESONA 6

FANONTANIANA HO AN'NY MPIANATRA

1. Omeo ny famaritana ny fibebahana.
2. Vakio ny Lioka 13:1-5. Inona no tokony ataon'ny olona mba tsy hahavery azy?

Lioka 13:1-5 - *Tamin'izay dia nisy olona tonga nitantara tamin'i Jesoa momba ireo Galileanina izay nanolotra sorona ho an'Andriamanitra iny indrindra no novonoin'i Pilato. [2] Ka hoy i Jesoa taminy, Heverinareo ve fa ireo Galileanina ireo, matoa nozoin-doza toy izany, dia mpanota mihoatra noho ny Galileanina rehetra? [3] Tsia, hoy Aho aminareo, fa raha tsy mibebaka ianareo, dia ho ringana tahaka azy koa ianareo rehetra. [4] Ary ny olona 18 maty nianjeran'i Siloa, heverinareo ve fa diso mihoatra noho ny mponina hafa rehetra ao Jerosalema? [5] Tsia, hoy Aho aminareo, fa raha tsy mibebaka ianareo, dia ho ringana tahaka azy koa ianareo rehetra. BP*

3. Vakio ny 2 Petera 3:9. Inona ny fanirian'Andriamanitra ho an'ny olona rehetra?

2 Petera 3:9 - *Ny Tompo tsy mahela ny teny fikasany, araka izay ataon'ny sasany fahelany; fa mahari-po aminareo Izy ka tsy tiany hisy ho very, fa mba ho tonga amin'ny fibebahana izy rehetra. BP*

4. Vakio ny Lioka 16:19-31. Ao amin'ny Lioka 16:28, inona no antony nanirian'ilay mpanankarena hahita olona mitsangana amin'ny maty ka hiteny amin'ny rahalahiny?

Lioka 16:19-31 - *Nisy lehilahy manan-karena anankiray niakanjo volomparasy sy rongony fotsy madinika sady nanaram-po fatratra isan-andro tamin'ny fahafinaretana. [20] Ary nisy olo-malahelo ferena anankiray atao hoe Lazarosy napetraka teo anilan'ny vavahadiny; [21] ary naniry mba hihinana izay latsaka avy amin'ny latabatr'ilay manan-karena izy, fa ny alika kosa no avy ka milelaka ny feriny. [22] Maty ilay malahelo, dia nentin'ny anjely ho any an-tratran'i Abrahama; ary maty koa ilay manan-karena, dia nalevina. [23] Ary raha nijaly tao amin'ny fiainan-tsytis hita izy ka niandranda dia nahita an'i Abrahama teny lavitra eny sy i Lazarosy teo an-tratrany. [24] Ary izy niantso ka nanao hoe, Ry Abrahama raiko ô, maminindrà fo amiko, ka iraho Lazarosy mba hanoboka ny tendron'ny rantsan-tanany amin'ny rano mba hampangatsiaka ny lelako; fa fadiranovana aho eto anatin'ity lelafo ity. [25] Fa hoy i Abrahama, Anaka, tsarovy fa hianao dia efa nahazo ny zava-tsoanao tamin'ny andro niainanao, ary Lazarosy kosa ny zava-dratsy; fa ankehitriny izy no ampifaliana aty, ary hianao kosa no fadiranovana. [26] Ary mihoatra noho izany rehetra izany, misy tevana mankadiry ajadona ao anelanelantsika, mba tsy ho afa-mita hankeny aminareo izay te-hiala ety, ary tsy ho afa-mita manketè aminay izay eny. [27] Dia hoy izy, Mangataka aminao ary aho ry raiko, mba iraho Lazarosy ho any amin'ny tranon'ny raiko, [28] (fa manana rahalahy dimy aho), mba hilaza tsara aminy, fandrao mba ho tonga aty amin'ity fijaliana ity koa izy [29] Fa hoy Abrahama taminy, Manana an'i Mosesy sy ny mpaminany izy, aoka hihaino ireo izy. [30] Fa hoy kosa izy, Tsia ry Abrahama raiko, fa raha misy miala amin'ny maty hankany aminy, dia hibebaka izy. [31] Fa hoy Abrahama taminy, Raha tsy mihaino an'i Mosesy sy ny mpaminany izy, dia tsy hety hino izy na misy mitsangana amin'ny maty aza. BP*



NY FIBEBAHANA

5. Vakio ny Lioka 16:30. Inona no tokony ataon'ireo rahalahiny ireo mba tsy andehanany any amin'ny helo?

Lioka 16:30 - *Fa hoy kosa izy, Tsia ry Abrahama raiko, fa raha misy miala amin'ny maty hankany aminy, dia hibebaka izy.* BP

6. Vakio ny Asan'ny Apôstôly 26:18. Miresaka momba ny fibebahana ity andininy ity na dia tsy milaza izany mivantana aza. Inona no hitranga amin'ireo izay mibebaka?

Asan'ny Apôstôly 26:18 - *Hampahiratra ny masonry hialany amin'ny maizina ho amin'ny mazava, ary amin'ny fahefan'i Satana ho amin'Andriamanitra, mba hahazoany famelan-keloka sy lova eo amin'izay nohamasinina noho ny finoana Ahy.* BP

7. Vakio ny Asan'ny Apôstôly 26:20 Ao amin'ny tapany farany amin'ity andininy ity dia misy zavatra telo voalaza fa tokony ataon'ny jentilisa? Inona ireo zavatra telo ireo?

Asan'ny Apôstôly 26:20 - *Fa nambarako voalohany tamin'izay tany Damaskosy sy Jerosalema sy tany amin'ny tany Jodea rehetra ary tany amin'ny jentilisa, mba hibebaka sy hiverina amin'Andriamanitra izy ka hanao asa mendrika ny fibebahana.* BP

8. Vakio ny Matio 7:21-23. Inona no zavatra nolazain'i Jesoa fa nataon'ireo olona ireo tsy mifanaraka amin'ny sitrapon'Andriamanitra?

Matio 7:21-23 - *Tsy izay rehetra manao amiko hoe, Tompoko, Tompoko, no hiditra amin'ny fanjakan'ny lanitra, fa izay manao ny sitrapon'ny Raiko Izay any an-danitra. [22] Maro no hanao amiko hoe, Tompoko, Tompoko, tsy efa naminany tamin'ny anaranaao va izahay? Ary tsy efa namoaka demonia tamin'ny anaranaao va izahay? Ary tsy efa nanao asa lehibe maro tamin'ny anaranaao va izahay? [23] Ary dia hambarako aminy marinarina hoe: Tsy mba fantatro akory hianareo hattrizay hattrizay; mialà amiko, hianareo mpanao meloka.* BP

9. Inona no asehon'izany anao momba ny lanjan'ny fibebahana marina raha oharina amin'ny fibebahana an-tendro-molotra fotsiny eo anatrehan'Andriamanitra?
10. Vakio ny Isaià 55:7. Inona no tokony ataon'ny mpanao ratsy?

Isaià 55:7 - *Aoka ny olon-dratsy handao ny fanaony, ary ny mpanao ratsy hahafoy ny heviny. Aoka hiverina amin'ny Tompo ireny fa hamindra fo aminy Izy. Aoka hiverina amin'Andriamanitsika ireny fa hioa-mpampana ny famelan-keloka homeny azy.*

11. Inona ny zavatra roa tsy maintsy ataon'ny olona tsy marina?
12. Inona no hataon'Andriamanitra amin'ny olona izay manao ireo zavatra voalaza eo ambony ireo?
13. Vakio ny Lioka 15:7. Inona no hiseho any an-danitra raha misy mpanota anankiray mibebaka?



LESONA 6

Lioka 15:7 - *Lazaiko aminareo fa hisy fifaliana toy izany any an-danitra amin'ny mpanota iray izay mibebaka noho ny amin'ny olona marina sivy amby sivi-folo, izay tsy misy tokony hibebahany. BP*

14. Vakio ny Asan'ny Apôstôly 3:19. Raha mibebaka ianao ka miverina amin' Andriamanitra, inona no hitranga amin'ny fahotanao?

Asan'ny Apôstôly 3:19 - *Koa mibebaha hianareo, ka miverena, hamonoana ny fahotanareo, mba ho avy izay andro famelombelomana avy amin'ny fanatrehan'ny Tompo.*



NY FIBEBAHANA

VALINY

1. Omeo ny famaritana ny fibebahana.
 - **Fiodinana mankany amin'ny fanoloran-tena vaovao.**
 - **Fiovàna fomba fijery.**
 - **Fiovam-po miteraka fitodihana amin'Andriamanitra, miala amin'ny fomba taloha mankany amin'ny fomban'Andriamanitra.**
 - **Fiovana sori-dalana, fa tsy fahatanerahana.**
 - **Mandray fanapaha-kevitra izay manova tanteraka ny sori-dalan'ny fiainana.**
 - **Miala amin'ny fomba taloha ary manolo-tena tanteraka ho an'Andriamanitra ka manaraka ny lalany.**
 - **Mitodika amin'Olona Iray, amin'Andriamanitra amin'ny alalan'i Jesoa Kristy.**
2. Vakio ny Lioka 13:1-5. Inona no tokony ataon'ny olona mba tsy hahavery azy?
Mibebaka.
3. Vakio ny 2 Petera 3:9. Inona ny fanirian'Andriamanitra ho an'ny olona rehetra?
Mba ho tonga amin'ny fibebahana avokoa ny olona rehetra.
4. Vakio ny Lioka 16:19-31. Ao amin'ny Lioka 16:28, inona no antony nanirian'ilay mpanankarena hahita olona mitsangana amin'ny maty ka hiteny amin'ny rahalahiny?
Mba tsy handehanan'izy ireo any amin'io toerana fampijaliana io.
5. Vakio ny Lioka 16:30. Inona no tokony ataon'ireo rahalahiny ireo mba tsy andehanany any amin'ny helo?
Tsy maintsy mibebaka izy ireo.
6. Vakio ny Asan'ny Apôstôly 26:18. Miresaka momba ny fibebahana ity andininy ity na dia tsy milaza izany mivantana aza. Inona no hitranga amin'ireo izay mibebaka?
 - **Misokatra ny masonry.**
 - **Miala amin'ny maizina ho amin'ny mazava.**
 - **Miala amin'ny herin'i Satana ho amin'ny herin'Andriamanitra.**
 - **Mandray famelan-keloka.**
 - **Mandray lova.**
7. Vakio ny Asan'ny Apôstôly 26:20 Ao amin'ny tapany farany amin'ity andininy ity dia misy zavatra telo voalaza fa tokony ataon'ny jentilisa. Inona ireo zavatra telo ireo?
 - **Mibebaka.**
 - **Mitodika amin'Andriamanitra.**
 - **Manaporofa ny fibebahany amin'ny asa ataony.**
8. Vakio ny Matio 7:21-23. Inona no zavatra nolazain'i Jesoa fa nataon'ireo olona tsy mifanaraka amin'ny sitrapon'Andriamanitra?
Fahotana sy heloka.



LESONA 6

9. Inona no asehon'izany anao momba ny lanjan'ny fibebahana marina raha oharina amin'ny fibebahana an-tendro-molotra fotsiny eo anatrehan'Andriamanitra?
Avy amin'ny fo ny famonjena fa tsy resabe fotsiny.
10. Vakio ny Isaià 55:7. Inona no tokony ataon'ny mpanao ratsy?
Mahafoy ny lalany.
11. Inona ny zavatra roa tsy maintsy ataon'ny olona tsy marina?
Mahafoy ny heviny ka miverina amin'ny Tompo.
12. Inona no hataon'Andriamanitra amin'ny olona izay manao ireo zavatra voalaza eo ambony ireo?
Manome famindram-po sy famelan-keloka mitafotafo.
13. Vakio ny Lioka 15:7. Inona no hiseho any an-danitra raha misy mpanota anankiray mibebaka?
Misy fifaliam-be any an-danitra.
14. Vakio ny Asan'ny Apôstôly 3:19. Raha mibebaka ianao ka miverina amin' Andriamanitra, inona no hitranga amin'ny fahotanao?
Ho voafafa avokoa ny fahotako.





LESONA 7

FANOLORAN-TENA

Nosoratan'i Don Krow

Lioka 14: 25-26 *Ary nisy vahoaka betsaka niaraka tamin'i Jesoa, dia nitodika Izy ka nanao taminy hoe: Raha misy manaraka Ahy, ka tsy mankahala ny rainy sy ny reniny sy ny vadiny sy ny rahalahiny sy ny anabaviny, eny ary ny ainy koa aza, dia tsy azo ekena ho mpianatro izy.* BP

“*Ary nisy vahoaka betsaka niaraka tamin'i Jesoa, dia nitodika Izy ka nanao taminy hoe:*” (Lioka 14:25). Tamin’io fotoam-piasan’i Jesoa io dia maro ny vahoaka nanaraka Azy. Tsy lazain’ny dikateny malagasy izany fa amin’ny teny grika dia milaza fiverimberenana ny matoanteny hoe niaraka. Midika izany fa tamin’io fotoana io, dia nanomboka nanaraka matetika an’i Jesoa ny vahoaka. Angamba nohon’ny fahagagana nataony na nohon’ny nanomezany sakafo azy ireo, tsy haintsika ny antony marina, fa dia vahoaka betsaka no nanaraka Azy. Tamin’izay fotoana izay mihitsy anefa no nisafidianan’i Jesoa hiteny zavatra izay toa nahatonga olona maro hihemotra tsy hanaraka Azy intsony.

“*Raha misy manaraka Ahy* [izany hoe te hiaraka handeha amiko, te hiray lalana amiko, te hanaraka Ahy, dia ity no tsy maintsy atao], *ka tsy mankahala ny rainy sy ny reniny sy ny vadiny sy ny rahalahiny sy ny anabaviny, eny ary ny ainy koa aza, dia tsy azo ekena ho mpianatro izy*” Lioka 14:26 (izaho no nametraka ny fononteny). Rehefa nandinika io Teny io aho, dia niloa-bava hoe, “Tompo ô, tsy izany kosa angamba no tianao holazaina e. Inona no dikan’ny teny hoe “mankahala”? Mety mba hoe tsy tokony ho tafahoatra loatra ny fitiavana azy ireo na zavatra toy izany angamba. Rehefa nanomboka nandalina anefa aho, dia nahita fa tena “mankahala” ara-bakiteny no dikan’io “mankahala” io.

Ny teny faran’izay mahery indrindra no nampiasain’i Jesoa hampibaribary hevitra iray. Milaza Izy fa raha tsy mankahala ny rainao, ny reninao, ny anabavinao, ny rahalahinao, eny ny ainao ianao dia tsy afaka ny ho Mpianany. Te hanontany anao aho: iza no olona akaiky anao indrindra eto an-tany? Ny rainao sy ny ny reninao na ny vady aman-janakao? Inona no mitranga raha mivadika aminao ny vadinao ka misaraka, na maty ny ray aman-dreninao? Iza no ho eo aminao amin’izay fotoana izay? Ny iray tampo aminao. Milaza i Jesoa fa raha tsy mankahala azy ireo ianao dia tsy afaka ny ho Mpianany. Inona izany lazainy izany?

Miresaka momba ny olona akaiky anao indrindra i Jesoa. Mitady ny fanoloran-tenanao izy, ny fanekenao hanao Azy ho lohalaharana. Te ho lohalaharana eo amin’ny fainanao i Jesoa. Hampitaha ny fifandraisany aminao amin’ny fifandraisanao amin’ireo olona akaiky anao indrindra eto an-tany Izy. Teny milaza fampitahàna ny hoe “mankahala” eto, ka izao no lazain’i Jesoa, “Ny fifandraisako aminao dia tena manan-danja ka ilaike ataonao ambonin’ny zava-drehetra eto an-tany izany.” Misy olona iray anefa tianao mihoatra noho ny vady aman-janakao, ny ray aman-dreninao, ny iray tampo aminao. Fantatrao ve hoe iza izany? Tsy Andriamanitra ... fa ianao. Tianao mihoatra ireo olona akaiky anao indrindra ny tenanao.



LESONA 7

Nahoana no mikorontana ny tokantrano? Nahoana no misara-panambadiana ny olona? Satria tia ny tenany mihoatra noho ny vadiny ny olona. “Tsy manao izay tiako ianao ka aleo misaraka!”

Milaza i Jesoa fa tiany raha Izy no ataonao lohalaharana—ambonin’ny fainanao feno fitiavan-tena. Mpianany marina ianao amin’izay. Tsy hoe fifandraisana tsy misy takalony akory no resahan’i Jesoa. Mangataka amintsika Izy hanara-dia Azy. Ary mangataka ny ho lohalaharana eo amin’ny fainantsika.



FANOLORAN-TENA

FANONTIANANA HO AN'NY MPIANATRA

1. Vakio ny Lioka 9:57-62. Inona no ampianarin'ity andalana ity ny amin'ny haben'ny fanoloran-tena amin'ny fanarahana an'i Kristy?

Lioka 9:57-62 - *Raha mbola nizotra tamin'ny diany i Jesoa sy ny mpianany, dia nisy olona anankiray nilaza tamin'i Jesoa hoe: Hiaraka aminao aho, na aiza na aiza alehanao! [58] Fa hoy i Jesoa taminy: Ny fosa manan-davaka; ny voro-manidina manana ny akany; fa ny Zanakolona tsy mba manan-trano handriany sy hialany sasatra. [59] Hoy kosa i Jesoa tamin'ny anankiray hafa: Andao hiaraka amiko! Dia izao no navalin'io: Avelao aho aloha, Tompoko, handevina an'i dada! [60] Avelao izy samy maty no hifandevina, fa ianao kosa mandehana mitory ny Fanjakàn'Andriamanitra! [61] Ary hoy ny anankiray hafa indray hoe: Hiaraka aminao aho, Tompoko, saingy avelao aloha hanao veloma ny fianakaviako. [62] Fa hoy i Jesoa taminy: Ny olona efa mitana amin'ny angadinombry kanefa mbola miherika ihany, dia tsy natao ho an'ny Fanjakàn'Andriamanitra.*

2. Vakio ny Lioka 8:13-14. Inona no mahatonga ny olona sasany hivadika, hihemotra amin'ny finoana kristianina?

Lioka 8:13-14 - *Ireny teny ambony vatolampy kosa dia izay mahaheno sady mandray ny teny an-kafaliana nefy tsy mandatsaka lalina izany ao aminy; mba mino vetivety ihany izy, kanjo mihemotra amin'ny fotoana fitsapana. Ny latsaka teo amin'ny tsilo indray dia izay mahaheno ihany koa; kanjo eny an-dalam-pivahiniana, voagejan'ny ahiahy sy ny harena ary ny fahafinaretan'ny fiainana mandalo ka tsy mahavanom-boa.*

3. Vakio ny Hezekiela 16:8. Mampiasa ny rafitry ny fanambadiana Andriamanitra hanehoany ny fifandraisany amin'ny Olony. An'iza izay olona tafiditra ao anatin'izany fifandraisana izany?

Hezekiela 16:8 - *Nandalo teo anilanao indray Aho, ka hitako fa tonga amin'ny taonan'ny fitiavana ianao. Koa narakotro anao ny lambako mba hanarona ny fitanjahanao. Nianiana Aho fa tsy hivadika aminao sady nanao fanekem-pihavanana taminao, ka Ahy ianao. Teny hentitra avy Amiko Tompo Andriananahary izany.*

4. Vakio ny 1 Kôrintianina 6:19. An'iza ianao?

1 Kôrintianina 6:19 - *Sa tsy fantatrareo fa ny tenanareo dia tempolin'ny Fanahy Masina. Ilay ao anatinareo sady noraisinareo tamin'Andriamanitra? Tsy anareo ny tenanareo.*

5. Vakio ny 1 Kôrintianina 6:20. An'iza ny vatanao sy ny fanahinao?

1 Kôrintianina 6:20 - *Fa novidian'Andriamanitra lafo ho fananany ianareo. Noho izany, ampiasao hanomezam-boninahitra an'Andriamanitra ny tenanareo.*

6. Vakio ny Jakôba 4:4. Mahavita mandrafy ara-panahy an'Andriamanitra ve ianao?



LESONA 7

Jakôba 4:4 - *Ry mpisitaka mijangajanga, tsy fantatrareo va fa fandrafiana an'Andriamanitra ny fisaikaizana amin'izao tontolo izao? Koa na iza na iza te-ho skaizan'izao tontolo izao, dia fahavalon'Andriamanitra izy.* BP

7. Inona no atao hoe fandrafiana ara-panahy eo imason'Andriamanitra? Vakio ny Rômanina 1:25.

Rômanina 1:25 - *Ny lainga no nasolony an'Ilay Andriamanitra tena Izy, zavaboahary no nohajainy sy notompoiny ho solon'ny Mpahary Izay ankalazaina mandrakizay. Amen!*

8. Vakio ny Jôhany 2:23-25. Inona no ianarantsika momba ny fanoloran-tena sy ny finoana avy amin'ireo andininy ireo?

Jôhany 2:23-25 - *Fony i Jesoa tao Jerosalema nandritra ny fankalazana ny Paska, dia maro no nino Azy raha nahita ny famantarana izay nataony. [24] Kanefa i Jesoa dia tsy natoky azy ireo, satria fantany avokoa izy rehetra. [25] ary tsy nilainy hisy vavolombelona manambara Azy momba ny olona; fa Izy mihitsy no nahafantatra izay tao am-pon'ny olona.*

9. Vakio ny Lioka 14:28-30. Efa nihevitra an'izay ho lany amin'ny fanarahanao an'i Jesoa ve ianao? Te-hanaraka Azy ve ianao?

Lioka 14:28-30 - *Fa iza moa aminareo, raha ta-hanao tilikambo, no tsy mipetraka aloha mihevitra izay ho lany hanaovany izany, na misy hahavitany azy, na tsia? [29] Fandrao, rehefa nanao fanorenana izy ka tsy mahavita, dia handatsa azy izay rehetra mahita [30] ka hanao hoe: Io olona io dia nanomboka nanao trano, fa tsy nahavita.*



FANOLORAN-TENA

VALINY

1. Vakio ny Lioka 9:57-62. Inona no ampianarin'ity andalana ity ny amin'ny haben'ny fanoloran-tena amin'ny fanarahana an'i Kristy?
Fanoloran-tena tanteraka.
2. Vakio ny Lioka 8:13-14. Inona no mahatonga ny olona sasany hivadika, hihemotra amin'ny finoana kristianina?
Tsy navelany namaka lalina tao aminy ny Tenin'Andriamanitra. Ny ahiahy, ny harena sy ny fahafinaretan'izao fainana izao no nanala azy tamin'ny finoana kristianina.
3. Vakio ny Hezekiela 16:8. Mampiasa ny rafitry ny fanambadiana Andriamanitra hanehoany ny fifandraisany amin'ny Olony. An'iza izay olona tafiditra ao anatin'izany fifandraisana izany?
An'Andriamanitra.
4. Vakio ny 1 Kôrintianina 6:19. An'iza ianao?
An'Andriamanitra.
5. Vakio ny 1 Kôrintianina 6:20. An'iza ny vatanao sy ny fanahinao?
An'Andriamanitra.
6. Vakio ny Jakôba 4:4. Mahavita mandrafy ara-panahy an'Andriamanitra ve ianao?
Eny.
7. Inona no atao hoe fandrafiana ara-panahy eo imason'Andriamanitra? Vakio ny Rômanina 1:25.
Fo izay nihodina tamin'Andriamanitra ka nanaraka sampy (izay zavatra rehetra ataonao ho ambony noho Andriamanitra).
8. Vakio ny Jôhany 2:23-25. Inona no ianarantsika momba ny fanoloran-tena sy ny finoana avy amin'ireo andininy ireo?
Ny fontsika manontolo no tadiavin'i Jesoa (Fanoloran-tena feno).
9. Vakio ny Lioka 14: 28-30. Efa nihevitra an'izay ho lany amin'ny fanarahanao an'i Jesoa ve ianao? Te-hanaraka Azy ve ianao?
Eny.



LESONA 8

NY BATISA AMIN'NY RANO

Nosoratan'i Don Krow

Fanontaniana: “Te-hahalala aho raha tsy maintsy vita batisa vao afaka mankany an-danitra. Tia an’Andriamanitra aho ary vita batisa tamin’ny faha-fito taonako. Valo ambin’ny folo taona aho ankehitriny, ary nisy nilaza tamiko avy amina fiangonana zandriny iray fa tsy misy olona atao batisa amin’izany taona izany ka ho voavonjy. Nolazainy koa fa tsy maintsy atao batisa vao mankany an-danitra, nefo ny fiangonana Batista misy ahy dia nilaza fa tsy ilaike izany. Te ho an-danitra fotsiny aho. Miaina ho an’Andriamanitra arak’izay tratrako aho, nefo te-hahalala raha mila atao batisa indray ankehitriny amin’izao taona voalaza fa taona tokony anaovako izany izao. Mba ampio haingana arak’izay azonao atao aho. Misaotra indrindra ary tahian’Andriamanitra.”

Valiny: Ny famonjena sy ny famelan-keloka dia fanomezana maimaimpoana, azo amin’ny alalan’ny finoana an’i Jesoa Kristy. Hoy ny Asan’ny Apôstôly 10:43, “*Samy mijoro ho vavolombelona momba azy ny mpaminany rehetra ka manambara fa izay rehetra mino Azy dia hahazo famelan-keloka amin’ny Anarany.*” Ny famonjena dia azo amin’ny alalan’ny finoana; izany hoe, fahatokiana sy fiateherana amin’i Jesoa sy ny Ra nalatsany hanananao rariny sy hanamarinana anao eo anatrehan’Andriamanitra. Ao amin’ny Asan’ny Apôstôly 10:44-48, dia nomena ny mpino ny Fanahy Masina (nanamafy ny famonjena ho azy ireo) mialohan’ny nanaovana batisa azy.

Na dia marina aza izany, dia nisy ny fotoana nitrangan’ny famelan-keloka mandritry ny fotoana nanaovana batisa (Asan’ny Apôstôly 2:38). Nitranga izany satria ny batisa dia fanehoana ny finoana, ilazana fa mitodika amin’i Jesoa tamin’ny alalan’ny fibebahana sy ny finoana ny olona iray (hoy ny Marka 16:16, “*Izay hino ka hatao batisa dia ho voavonjy; fa izay tsy hino dia hohelohina*”). Fomba iray nentina niantsoana ny Tompo koa izany mba hananana fieritreretana madio. (Asan’ny Apôstôly 22:16 sy 1 Petera 3:21).

Koa na dia fito taona monja aza ianao, ka nitodika marina tamin’ny fonoao manontolo ho amin’i Jesoa, dia eken’Andriamanitra izany finoana nanananao izany. Misy fepetra takiana ny fanaovana batisa. Ny iray takiana aminao dia ny fibebahana. Nanana fiovam-po sy fiovan-tsaina ve ianao ka nahatonga anao niala tamin’ny ota sy nitodika tamin’i Jesoa sy ny famelany heloka? (Asan’ny Apôstôly 2:38, 20:21, sy 17:30)? Nino ve ianao fa i Jesoa no Tompo sy Mpamponjinao? (Marka 16:16, Jôhany 3:16, sy Rômanina 10:9-10)? Raha tsy izany, dia mitodiha amin’i Jesoa izao ankehitriny izao, mibehaba ka mialà amin’ny fahotana, mitodiha amin’ny Fahasoavany, hamelany ny helokao. Ary asio tombo-kase izany fanapaha-kevitrao hanaraka Azy izany, amin’ny alalan’ny batisa atao amin’ny rano.

Ny batisa dia fomba enti-maneho ny finoan’ny olona an’i Jesoa. Foana ny finoana tsy arahin’asa. Ny olona mino an’i Jesoa ho Tompo sy Mpamponjy dia maniry ny haneho ny finoany sy hanaiky an’i Jesoa am-pahibemaso. Ireo olona “mandà” an’i Jesoa dia azo lazainy fa mampiseho



NY BATISA AMIN'NY RANO

finoana maty. **Maty ny finoana rehefa tsy maniry haneho izany ny olona.** (Jakôba 2:18-19). Ahazoana famonjena ny finoana, fa tsy mandeha irery anefa izany. Te-hiseho hatrany ny finoana. Ny batisa dia endrika iray hampisehoana izany finoana izany. **Tsy ny batisa akory no mahavony; fa i Jesoa. Tsy ny rano no manadio (manala, manasa) ny ota; fa ny ran'i Jesoa.** Fa ny finoana no mandraraka ny Rany aminao. Indraindray izany finoana izany dia miseho eo amin'ny fotoana anaovana batisa ny olona anankiray. (Asan'ny Apôstôly 22:16). Ny fanontaniana dia hoe, efa nibebaka ve ianao? Mino Azy (an'i Jesoa) ve ianao? Raha izany, dia aza mangataka andro - mitsangàna ka meteza atao batisa!



LESONA 8

FANONTANIANA HO AN'NY MPIANATRA

1. Inona ny fanontaniana napetrak'ilay tovolahy?
2. Araka ny Asan'ny Apôstôly 10:43, ahoana no ahazoantsika famonjena?

Asan'ny Apôstôly 10:43 - *Samy mijoro ho vavolombelona momba Azy ny mpaminany rehetra ka manambara fa izay rehetra mino Azy dia hahazo famelan-keloka amin'ny anarany.*

3. Ny batisa dia fanehoana ny finoana izay matetika mitranga amin'ny fotoana andraisana ny famonjena. Ahoana no anambaran'ny Asan'ny Apôstôly 2:38 izany fahamarinana izany?

Asan'ny Apôstôly 2:38 - *Ary hoy i Petera taminy, Mibebaha, ary aoka samy hatao batisa amin'ny anaran'i Jesoa Kristy hianareo rehetra mba hahazo famelana ny helokareo; ary hianareo handray ny fanomezana, dia ny Fanahy Masina.*

4. Ahoana no anehoan'ny Marka 16:16 izany fahamarinana izany?

Marka 16:16 *Izay mino sy atao batisa no hovonjena; fa izay tsy mety mino no hohelohina.* BP

5. Ny batisa dia fomba iray iantsoana ny Tompo. Ahoana no anambaran'ny Asan'ny Apôstôly 22:16 izany fahamarinana izany?

Asan'ny Apôstôly 22:16 - *Koa inona ankehitriny no andrasanao? Mitsangàna, antsoy ny anaran'i Jesoa ary aoka hatao batisa ianao ka ho voasasa amin'ny fahotanao.*

6. Ny batisa dia lalana iray iantsoana ny Tompo mba hananana fieritreretana madio. Manamafy izany fahamarinana izany ve ny 1 Petera 3:21?

1 Petera 3:21 - *Io rano io no tandindon'ny batisa izay amonjena anareo ankehitriny; ka tsy fanesorana lotom-batana ny batisa, fa toky omen'ny fieritreretana madio hitodika amin'Andriamanitra. Ny batisa no amonjena anareo amin'ny alalan'i Jesoa Kristy tafatsangana ho velona.*

7. Inona no zavatra takiana amin'ny batisa, araka ny Asan'ny Apôstôly 2:38?

Asan'ny Apôstôly 2:38 - *Ary hoy i Petera taminy, Mibebaha, ary aoka samy hatao batisa amin'ny anaran'i Jesosy kristy hianareo rehetra mba hahazo famelana ny helokareo; ary hianareo handray ny fanomezana, dia ny Fanahy Masina.*

8. Inona no zavatra takiana amin'ny batisa, araka ny Marka 16:16?

Marka 16:16 - *Izay mino sy atao batisa no hovonjena; fa izay tsy mety mino no hohelohina.* BP

9. Mahay mibebaka ve ny zaza?

10. Mahay mino ve ny zaza?



NY BATISA AMIN'NY RANO

11. Vakio ny Asan'ny Apôstôly 10:43-48. Inona no dingana manaraka tokony arahin'ny mpino, aorian'ny finoana an'i Kristy?

Asan'ny Apôstôly 10:43-48 - *Samy mijoro ho vavolombelona momba Azy ny mpaminany rehetra ka manambara fa izay rehetra mino Azy dia hahazo famelan-keloka amin'ny anarany. [44] Raha mbola nilaza izany zavatra izany i Petera, dia nilatsahan'ny Fanahy Masina ny olona rehetra nihaino ny lahateniny. [45] Talanjona ireo mpino jiosy tafaraka tamin'i Petera, satria narotsaka tamin'ny hafa firenena koa ny Fanahy Masina fanomezan'Andriamanitra; [46] fa henony niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra sady nankalaza an'Andriamanitra ny hafa firenena. [47] Tamin'izay dia hoy i Petera hoe, Azo sakana tsy hatao batisa amin'ny rano ve ireto olona efa nandray ny Fanahy Masina tahaka antsika ireto? [48] Dia nasain'i Petera natao batisa amin'ny anaran'i Jesoa Kristy izy rehetra. Ary nangatahin'izy ireo kosa i Petera mba hitoetra eo aminy andro vitsivitsy.*





LESONA 8

VALINY

1. Inona ny fanontaniana napetrak'ilay tovolahy?
Raha tsy maintsy atao batisa izy vao mankany an-danitra.
2. Araka ny Asan'ny Apôstôly 10:43, ahoana no ahazoantsika famonjena?
Maimaimpoana toy ny fanomezana, amin'ny alalan'ny finoana an'i Jesoa Kristy.
3. Ny batisa dia fanehoana ny finoana izay matetika mitranga amin'ny fotoana andraisana ny famonjena. Ahoana no anambaran'ny Asan'ny Apôstôly 2:38 izany fahamarinana izany?
Hoy i Petera, "Mibebaha, ary aoka samy hatao batisa amin'ny anaran'i Jesoa Kristy."
4. Ahoana no anehoan'ny Marka 16:16 izany fahamarinana izany?
Hoy Jesoa, izay mino sy atao batisa dia hovonjena, izany hoe mety mitranga amin'ny fotoana iray ireo.
5. Ny batisa dia fomba iray iantsoana ny Tompo. Ahoana no anambaran'ny Asan'ny Apôstôly 22:16 izany fahamarinana izany?
Manambara ny Soratra Masina fa raha misy olona miantsosy ny anaran'ny Tompo, dia ho voasasa (afaka) ny fahotany. Araky ny hita ato amin'ity andininy ity, ny fiantsoana ny Tompo dia mety avy amin'ny alalan'ny feo (Lioka 18:13) na amin'ny alalan'ny fanaovana batisa.
6. Ny batisa dia fomba iray iantsoana ny Tompo mba hananana fieritreretana madio.
Manamafy izany fahamarinana izany ve ny 1 Petera 3:21?
Eny.
7. Inona no zavatra takiana amin'ny batisa, araka ny Asan'ny Apôstôly 2:38?
Fibebahana.
8. Inona no zavatra takiana amin'ny batisa, araka ny Marka 16:16?
Finoana no tsy maintsy ananan'ny olona.
9. Mahay mibebaka ve ny zaza?
Tsia.
10. Mahay mino ve ny zaza?
Tsia.
11. Vakio ny Asan'ny Apôstôly 10:43-48. Inona no dingana manaraka tokony arahin'ny mpino, aorian'ny finoana an'i Kristy?
Ny Batisa amin'ny rano.



LESONA 9

NY MAHA IZY AZY NY OLONA AO AMIN'I KRISTY

Fizarana 1

Nosoratan'i Andrew Wommack

Hoy ny 2 Kôrintianina 5:17, “*Raha misy olona ao amin'i Kristy dia olom-baovao izy, efa lasa ny zavatra taloha, indreo, efa tonga vaovao ireo.*” BP Ny andianteny hoe “*ao amin'i Kristy*” dia miverina in-300 ao amin’ny Testamenta Vaovao, ary milaza fifandraisana lalina amin’Andriamanitra izay tena zava-dehibe eo amin’ny fainana. Raha vao tanteraka izany dia tonga olom-baovao ilay olona. Misy koa fandikateny milaza hoe “*voahary vaovao.*”

Misy zavatra iray inoako fa tsy maintsy fantarinao mba hahalalanao tsara izany maha-olom-baovao anao ao amin’i Kristy izany. Tsy ao amin’ny tontolo azo tsapaintanana no mitranga ny maha olom-baovao anao. Tsy ny vatanao no lazaina fa niova tanteraka ka hoe hafa indray no fijery anao. Raha matavy ny olona nialoha ny famonjena azy dia mbola hatavy ihany izy avy eo raha tsy manena vatana. Tsy miresaka ny saina sy ny fihetseham-po, izay lazain’ny olona ho tena “maha izy azy” koa anefa izany. Raha toa ka tsy dia kinga saina loatra ianao nialohan’ny namonjena anao, dia tsy ho kinga avy hatrany akory ianao taorian’izany; mbola ho tavela ao anatinao daholo ireo fisainana sy fahatsiarovanao taloha.

Misy singa fahatelo, ary araka io Tenin’Andriamanitra io, sy araky ny kajy tsotsotra atao dia io singa io no niova – ny fanahy anatintsika. Manamarina izany ny vavaka nataon'i Paoly ho an'ny Tesalônisiyanina ao amin’ny 1Tosalônisiyanina 5:23 hoe: “*Ilay Andriamanitra loharanon'ny fiadanana anie hahatonga anareo ho voatokana tanteraka ho Azy; ka harovany avokoa anie ny fanahinareo sy ny ainareo ary ny tenanareo mba tsy hanantsiny amin'ny andro hiavian'i Jesoa Kristy.*” Mampiseho io andinin-tSoratra Masina io fa manana fanahy, aina, ary vatana isika. Tonga dia fantatra ny vatana. Izy no singa amintsika izay hita, ny “olona ivelany”. Samy mahalala koa isika fa misy singa ankoatr’izany – dia ny singa itoeran’ny fihetseham-po sy ny saina- izay antsoin’ny Baiboly hoe aina. Fantatsika fa na tsy mikasika ny vatantsika aza ny olona iray dia mety hikasika antsika ny teny ataony, na mampahery na manakivy izany. Mahalala ny fisian’ny ainy sy ny vatany ny ankabeazan’ny olona nefá araka ny Soratra Masina dia misy singa iray hafa ankoatr’ireo, dia ny Fanahy.

Ny fanahy no singa anatintsika izay niova ary lasa vaovao taorian’ny famonjena. Io no singa mamone aina sy mamelona. Hoy ny Jakôba 2:26, “*Eny, maty ny vatantena raha tsy misy fanahy, ary maty toy izany koa ny finoana raha tsy ompanasa*” DMKJ. Mampiseho izany fa ny fanahy no mamelona ny vatantenantsika. Avy ao no iavian’ny fainantsika. Rehefa namorona an’i Adama Andriamanitra tao amin’ny Genesisy 2 ka hary ny vatantenany dia izay vao nitsofany fofonaina mahavelona izy. Ny hoe “*fofonaina mahavelona*” amin’ny teny hebreo dia mitovy amin’ny teny nadika hoe “fanahy” any amin’ny andininy hafa. Noharian’Andriamantra ny vatantena sy ny ain’i Adama, izay Izy vao nitsoka ny fofonaina mahavelona tao aminy; teo vao lasa olombelona i Adama. Ny fanahy no singa mamelona antsika.



LESONA 9

Nialoha ny famonjena azy, izany hoe nialohan'ny fotoana nanolorany tena tanteraka itoeran'ny Tompo ao anatiny dia maty ny fanahin'ny olona. Hoy ny Efesianina 2:1, “*Ary novelominy indray ianareo, izay maty noho ny fahadisoanareo sy ny fahotanareo.*” DMKJ Fantantsika fa velona isika nialohan'ny fahaterahantsika indray, ka ny hoe “maty” eto dia milaza fahafatesana ara-panahy. Ao amin’ny Baiboly ny fahafatesana dia tsy midika ho fiatoan’ny fisiana, araka ny fiheveran’ny olona sasany azy. Ara-bakiteny dia midika ho “fisarahana” izany. Rehefa maty ara-batana ny olona iray dia tsy hoe nifarana ny fisiany. Milaza ny Baiboly fa avy hatrany dia mandeha eo anatrehan’Andriamanitra na any amin’ny helo izy. Mbola velona hatrany ny aina sy ny fanahy, fa misy fisarahana amin’ny vatantena izay maty sy mihalò.

Tamin’ny nilazan’ny Genesè 2:17 hoe “*Amin’ny andro izay hihinanareo azy dia ho faty tokoa ianareo*”, dia tsy hoe ho faty ara-batana izy ireo fa ho faty ara-panahy ka hisaraka amin’Andriamanitra. Ny fanahy, izay notsofin’Andriamanitra ao anatintsika, izay manome fainana sy antom-pisiana, dia tafasaraka tamin’ny fainan’Andriamanitra mahagaga ... ny fainany masina sy feno ... izay lazain’ny Baiboly hoe fainana ZOE na ““fainana amin’izay fahafenoany sy fahatanterahany indrindra”. Nihasimba ny olombelona. Mbola afaka nihetsika izy saingy tao anatin’ny fisarahana tamin’Andriamanitra. Izany no tena mahatonga ireo olana rehetra miseho eo amin’ny fainantsika... ireo fijaliana ara-pihetsehem-po rehetra.

Rehefa manatona ny Tompo ny olona iray dia nandray fanahy vaovao izy ka teraka indray, izay moa no voambolana nampiasain’i Jesoa tao amin’ny Jôhany 3:5. Tahaka ny fahaterahan’ny olona iray eto an-tany miaraka amin’ny fanahy, vatana ary saina, dia mandray ny Fanahin’i Kristy koa ny olona rehefa nateraka indray. Hoy ny Galatianina 4:6, “*Ary satria zanaka ianareo, dia nirahin’Andriamanitra ho am-ponareo ny fanahin’ny Zanany, miantso hoe, Aba, Raiko ô*” DMKJ. Napetrak’Andriamanitra ara-bakiteny ao anatintsika ny Fanahiny, ary manana karazana fainana vaovao, maha izy azy vaovao, lasa olombaovao tanteraka isika ao amin’ny fanahintsika.

Ny tohin’ny fainantsika amin’ny maha-kristianina antsika dia ny fianaran’ny aintsika sy ny saintsika izay zava-nitranga tao amin’ny fanahintsika. Izao no marina, iray ampahatelon’ny famonjena anao no tanteraka rehefa nandray an’i Jesoa ho Tompo ianao. Niova tanteraka ny fanahinao. Io fanahy io no anao mandrakizay. Efa manana fitiavana, fifaliana, fiadanana ary efa feno ny fanatrehan’Andriamanitra izy. Tsy misy tsy fahampiana na tsy fahatomombanana ao amin’ny fanahinao, fa mila hainao ny mamantatra izany; izay no maha zava-dehibe ny fianarana ny Tenin’Andriamanitra amin’ny fainana maha kristianina. Olom-baovao tanteraka ianao, nefo tsy hiova ianao mandra-pahazoanao fahalalana. Ny fandresena eo amin’ny fainana kristianina dia tonga rehefa mahay mijery ao amin’ny Tenin’Andriamanitra, izay Fanahy sy fainana ianao, mahita hoe iza moa ianao, mahita ny zavatra nataon’Andriamanitra ka manomboka mino izany.



NY MAHA IZY AZY NY OLONA AO AMIN'I KRISTY Fizarana 1

FANONTIANANA HO AN'NY MPIANATRA

- Vakio ny 2 Kôrintianina 5:17. Raha ao amin'i Kristy ny olona iray, dia inona izy?

2 Kôrintianina 5:17 – “*Raha misy olona ao amin'i Kristy dia olom-baovao izy, efa lasa ny zavatra taloha, indreo, efa tonga vaovao ireo.*” BP

- Vakio ny 2 Kôrintianina 5:17. Inona no nitranga tamin'ny zavatra taloha?

- Vakio ny 2 Kôrintianina 5:17. Inona no zavatra lasa vaovao?

- Vakio ny Efesianina 2:1. Nanao ahoana ianao nialohan'ny nahaterahanao indray na novelomina indray?

Efesianina 2:1 – *Fahiny ianareo dia maty ara-panahy noho ny fahadisoanareo sy ny fahotanareo. [2] Niaina araka ny fomban'izao tontolo izao ianareo; narahinareo ilay mpanapaka ny fahefana mifehy eny amin'ny rivotra, dia ilay fanahy izay miasa ankehitriny ao amin'ireo olona tsy manaiky an'Andriamanitra. [3] Izahay rehetra koa dia anisan'ireo olona ireo, fa nanao fitondrantena araka ny filandratsin'ny maha olona mpanota izahay fahiny ka nanao izay danin'ny kibo sy saim-pantatra. Noho izany toetranay izany, dia natao hiharan'ny fahatezeran'Andriamanitra tahaka ny hafa koa izahay. [4] Kanefa manan-karena amin'ny famindrampo Andriamanitra, satria fatratra ny fitiavana asehony amintsika; [5] ka fony mbola maty ara-panahy isika noho ny fahadisoantsika, dia novelominy indray niaraka tamin'i Kristy. Fahasoavan'Andriamanitra no namonjena anareo!* DMKJ

- Vakio ny Efesianina 2:2. Tamin'ianao mbola tsy nino, nanao ahoana no fomba fiainanao?

- Vakio ny Efesianina 2:3-5. Manankarena amin'ny inona Andriamanitra?

- Vakio ny Efesianina 2:4. Nahoana no be famindrampo toy izany Andriamanitra?

- Vakio ny Efesianina 2:5. Inona no nataon'Andriamanitra ho antsika fony isika mbola maty tao anatin'ny fahadisoantsika sy ny fahotantsika?

- Vakio ny Efesianina 2:5. Ahoana no fomba namonjen'Andriamanitra antsika?

- Vakio ny 1 Kôrintianina 6:9-10. Mahakasika anao ve ny filazalazana ao amin'ireo andininy ireo?

1 Kôrintianina 6:9-11 – *Tsy fantatrareo ve fa tsy hanana anjara amin'ny Fanjakàn'Andriamanitra ny mpanao ratsy. Aza mety hofitahina ianareo! Fa na ny mpijangajanga, na ny mpanompo sampy, na ny mpaka vadivolona, na ny maloto fihetsika, na ny mpifampila samy lehilahy, [10] na ny mpangalatra, na ny mpitia harena, na ny mpidoroka, na ny mpanendrikendrika, na ny mpanao an-keriny, dia samy tsy hanana*



LESONA 9

anjara amin'ny Fanjakàn'Andriamanitra. [11] Tahaka izany taloha ny sasany taminareo; saingy efa voasasa ho afaka tamin'ny fahotana ianareo, efa voatokana ho an'Andriamanitra ary efa nekeny ho marina tamin'ny anaran'i Jesoa Kristy Tompo sy tamin'ny Fanahin'ilay Andriamanitsika.

11. Vakio ny 1 Kôrintianina 6:11. Filazam-potoana lasa, ankehitriny sa ho avy no ampiasaina eto?
12. Vakio ny 1 Kôrintianina 6:11. Rehefa “nateraka indray” ianao, inona ireo zavatra telo nitranga taminao?
13. Vakio ny 1 Kôrintianina 6:11. Toetra taloha, ankehitriny sa ho avy ity?
14. Vakio ny 1 Kôrintianina 6:17. “Fa izay mikambana amin’ny Tompo kosa dia ...? aminy.”

1 Kôrintianina 6:17 – Fa izay mikambana amin’ny Tompo kosa dia fanahy iray aminy.



NY MAHA IZY AZY NY OLONA AO AMIN'I KRISTY Fizarana 1

VALINY

1. Vakio ny 2 Kôrintianina 5:17. Raha ao amin'i Kristy ny olona iray, dia inona izy?
Olom-baovao.
2. Vakio ny 2 Kôrintianina 5:17. Inona no nitranga tamin'ny zavatra taloha?
Lasa.
3. Vakio ny 2 Kôrintianina 5:17. Inona no zavatra lasa vaovao?
Ny zavatra rehetra.
4. Vakio ny Efesianina 2:1. Nanao ahoana ianao nialohan'ny nahaterahanao indray na novelomina indray?
Maty ara-panahy noho ny fahadisoako sy ny fahotako.
5. Vakio ny Efesianina 2:2. Tamin'ianao tsy mbola nino, nanao ahoana no fomba fiainanao?
Nanaraka ny fomban'izao tontolo izao aho, nanaiky ny devoly (ilay mpanapaka ny fahefana mifehy eny amin'ny rivotra), niaina tamin'ny fanahin'ny tsy fanekena an'Andriamanitra.
6. Vakio ny Efesianina 2:3-5. Manan-karena amin'ny inona Andriamanitra?
Famindrampo.
7. Vakio ny Efesianina 2:4. Nahoana no be famindrampo toy izany Andriamanitra?
Noho ny fahasoavany.
8. Vakio ny Efesianina 2:5. Inona no nataon'Andriamanitra ho antsika fony isika mbola maty tao anatin'ny fahadisoantsika sy ny fahotantsika?
Namelona antsika indray niaraka tamin'i Kristy.
9. Vakio ny Efesianina 2:5. Ahoana no fomba namonjen'Andriamanitra antsika?
Tamin'ny fahasoavany.
10. Vakio ny 1 Kôrintianina 6:9-10. Mahakasika anao ve ny filazalazana ao amin'ireo andininy ireo?
Eny.
11. Vakio ny 1 Kôrintianina 6:11. Filazam-potoana lasa, ankehitriny sa ho avy no ampiasaina eto?
Lasa.
12. Vakio ny 1 Kôrintianina 6:11. Rehefa "nateraka indray" ianao, inona ireo zavatra telo nitranga taminao?
Efa nosasàna, nohamasinina, nohamarinina (natao marina) teo anatrehan'Andriamanitra.
13. Vakio ny 1 Kôrintianina 6:11. Toetra taloha, ankehitriny sa ho avy ity?
Ankehitriny.
14. Vakio ny 1 Kôrintianina 6:17. "Fa izay mikambana amin'ny Tompo kosa dia ...? aminy."
Fanahy iray.





LESONA 10

NY MAHA IZY AZY NY OLONA AO AMIN'I KRISTY

Fizarana 2

Nosoratan'i Andrew Wommack

Araka ny lesotsika farany, ny hoe nateraka indray, dia midika fa niova fo isika ao amin'ny fanahintsika. Nampiasa ny 2 Kôrintianina 5:17 isika: “*Raha misy olona ao amin'i Kristy dia olom-baovao izy, efa lasa ny zavatra taloha, indrevo, efa tonga vaovao ireo.*” BP Nanomboka hitantsika tamin'izany fa rehefa nateraka indray isika, dia nisy fiovana tanteraka tao amin'ny fanahintsika, ary ny fomba tokana hahafantarantsika ny zava-nitranga tao amin'ny fanahintsika dia amin'ny alalan'ny Tenin'Andriamanitra ihany. Tsy avy amin'ny zavatra hita maso na amin'ny alalan'ny fihetseham-pontsika (izay ao amin'ny tontolon'ny aina) anefa no hahitantsika sy hahatsapantsika izany fiovana izany. Nahoana? Satria singa iray tao anatintsika ihany no niova tanteraka: ny fanahintsika.

Hampiasa Tenin'Andriamanitra vitsivitsy aho hampiseho ny zava-nitranga rehefa mandray an'i Jesoa eo amin'ny fainany ny olona iray. Hoy ny Efesianina 4:24, “*Ary aoka ianareo hitafy ny maha-olom-baovao, izay noforonina araka an'Andriamanitra ao amin'ny fahamarinana sy ny fahamasinana tanteraka.*” DMKJ Rehefa nateraka indray ny olona, dia tonga marina sy masina tanteraka ny fanahiny. Misy karazana fahamarinana roa mantsy ambaran'ny Baiboly.

Misy ny fahamarinana izay vokatry ny asa ataonao, ary tsy maintsy tazoninao io karazana fahamarinana io eo amin'ny fifandraisanao amanolona. Raha ohatra tsy manao ny marina ianao eo amin'ny fainanao, dia mety ho roahin'ny mpampiasa anao na hisarahan'ny vadinao. Noho izany dia tsy maintsy manana ny fahamarinanao ianao. Ny faneken'Andriamanitra anao anefa dia tsy miankina amin'io fahamarinanao ivelany io. Nomen'Andriamanitra anao ara-bakiteny ny Fahamarinany.

Ny 2 Kôrintianina 5:21 dia milaza fa nataon'Andriamanitra Ray tonga ota ny Zanany mba ho tonga Fahamarinan'Andriamanitra ao Aminy isika. Noho izany dia misy koa fahamarinana tsara lavitra noho ny fahamarinantsika ivelany, ary miorina amin'ny nataon'Andriamanitra ho antsika izany. Tena ara-bakiteny mihitsy ny hoe nandray ny Fahamarinan'Andriamanitra amin'ny alalan'ny finoana an'i Kristy isika. Noforonina tao amin'ny fahamarinana sy fahamasinana tanteraka isika. Tsy mitombo ho amin'izany fahamarinana izany anefa isika; fa efa marina tanteraka. Raha lazaina tsotsotra dia efa voamarina sy manana ny rariny eo anatrehan'Andriamanitra isika.

Faly amintsika Andriamanitra rehefa miorina ao amin'i Kristy isika, fa tsy miorina amin'ny zavatra hafa. Tao amin'ny fanahintsika no niseho ny fiovàna. Efa noforonina tao amin'ny fahamarinana sy fahamasinana tanteraka isika ary efa olom-baovao. Hoy ny Efesianina 2:10, “*Fa asan'Andriamanitra isika; Izy no nahary antsika ao amin'i Kristy Jesoa, mba hanao asa tsara.*” DMKJ Tonga lafatra sy lavorary isika ao amin'ny fanahintsika. Tsy misy ota na tsy fahatomombanana ao. Hoy ny Efesianina 1:13, “*Ka dia nasiana tombo-kase ianareo tamin'ny*



NY MAHA IZY AZY NY OLONA AO AMIN'I KRISTY Fizarana 2

nanomezana anareo ny Fanahy Masina Izay nampantanenaina.” DMKJ

Mety misy aminareo mieritreritra hoe, *tany am-boalohany raha nino ny Tompo aho, dia nino fa voavela heloka sy voadio tanteraka ary hilamina avokoa ny zavatra rehetra. Nony avy eo anefa dia toa mbola nanota ihany, mbola tsy nanao ny sitrapon' Andriamanitra ihany.* Raha nanota ianao, dia tamin'ny fihetsikao sy ny sainao ary ny fihetseham-ponao no nanaovanao izany, fa ny fanahinao kosa tsy mba nanota. Tahaka ny kitapon'ankizy vita amin'ny lamba tsy lena, mihidy tanteraka ka na milalao anaty orana sy fotaka aza izy dia tsy haloto mihitsy ny kahie sy fitaovana ao anatiny. Efa nasian'Andriamanitra tombo-kase ianao miaro ny fanahinao. Tamin'ny ianao nateraka indray dia nandray fanahy vaovao ary tsy tafiditry ny ota intsony izany fanahinao izany. Vaovao ny maha izy azy anao. Mba hanananao fifandraisana amin'Andriamanitra anefa, dia tsy maintsy amin'ny maha izy azy anao ao amin'ny fanahinao no ifaneraseranao sy ivavahanao Aminy fa tsy amin'ny maha izy azy anao ara-nofo intsony (ny vatanao sy ny ainao).

Izao no fiovana lehibe eo amin'ny fiainana rehefa lasa kristianina ny olona iray: ny maha izy azy mihitsy no niova. Tsy miankina amin'izay ataonao eo amin'ny tontolo hita maso na miankina amin'izay neverinao ao an-tsainao ny fifandraisanao amin'Andriamanitra. Tsy maintsy mifandray Aminy amin'ny maha izy azy anao ao amin'ny fanahy ianao, vokatr'izay efa nataony ho anao. Asa efa vita io, zavatra tsy mihozongozona intsony (tsy miovaova ka handroso hihemotra). Noforonina tao amin'ny fahamarinana sy ny fahamasinana tanteraka ianao. Ny fanahinao izany fahariana vaovao izany. Ary mba hiombonanao amin'Andriamanitra dia tsy maintsy mivavaka Aminy amin'ny fanahy sy ny fahamarinana ianao. Tsy maintsy mijoro amin'ny maha izy azy anao ao amin'i Kristy ianao.



LESONA 10

FANONTANIANA HO AN'NY MPIANATRA

- Vakio ny 1 Kôrintianina 6:17. Avy amin'ny alalan'ny Tenin'Andriamanitra irery ihany no hahafantarantsika ny fiovana tanteraka nitranga tao amin'ny fanahintsika. Inona no nitranga tamintsika araka ny voalazan'io andininy io?

1Kôrintianina 6:17 – Fa izay mikambana amin'ny Tompo kosa dia fanahy iray aminy.

- Vakio ny Efesianina 3:17. Aiza i Kristy no monina ankehitriny?

Efesianina 3:17 – Ka hitoeran'i Kristy ao am-ponareo amin'ny finoana; dia hamahatra tsara sy ho mafy orina amin'ny fitiavana ianareo.

- Vakio ny Efesianina 3:17. Ahoana no fomba nisehoan'izany?
- Vakio ny 1 Jôhany 5:12. Iza no tokony hananantsika mba hahazoantsika famonjena?

1 Jôhany 5:12 – Izay manana ny Zanaka no manana ny fainana; izay tsy manana ny Zanak'Andriamanitra no tsy manana ny fainana. BP

- Vakio ny Kôlôsianina 1:26-27. Inona ny tsiambaratelo izay nafenina tamin'ny taranak'olombelona hatramin'ny fahagola nefo nampahafantarina ankehitriny?

Kôlôsianina 1:26-27 – Izany hoe ilay tsiambaratelo nafenin'Andriamanitra tamin'ny taranak'olombelona hatramin'ny fahagola, fa ankehitriny kosa efa nasehony tamin'ny vahoakany. [27] Ny vahoakany tokoa no nirin'Andriamanitra hampahafantarina ny maha-sarobidy sy maha be voninahitra izany tsiambaratelo anasoavana ny firenena rehetra izany, dia inty: ao anatinareo i Kristy, antoky ny voninahitra homena anareo.

- Vakio ny Efesianina 4:23-24. Inona nonoforonina tao amin'ny fahamarinana sy fahamasinana tanteraka?

Efesianina 4:23-24 – Aoka mba hohavaozina amin'ny fanahin'ny sainareo ianareo, [24] ary aoka ianareo mba hitafy ny maha- olom-baovao, izay noforonina araka an'Andriamanitra amin'ny fahamarinana sy fahamasinana tanteraka. DMKJ

- Vakio ny 2 Kôrintianina 5:21. Fahamarinan'iza no ananantsika?

2 Kôrintianina 5:21 – Izay tsy nahalala ota dia efa nataony ota ho antsika, mba ho tonga fahamarinan'Andriamanitra ao aminy isika. DMKJ

- Vakio ny Efesianina 1:4. Manao ahoana no fijoron'ny mpino eo anatrehan'Andriamanitra?

Efesianina 1:4 – Tsy mbola nahary ny tontolo Izy dia efa nifydysantsika hiray amin'i Kristy;



NY MAHA IZY AZY NY OLONA AO AMIN'I KRISTY Fizarana 2

ka ho masina sady tsy hisy tsiny eo anatrehan'Andriamanitra isika, noho ny fitiavany antsika.

9. Vakio ny Efesianina 1:6. Ahoana ny fomba naneken'Andriamanitra antsika?

Efesianina 1:6 – *Ho fiderana ny voninahitry ny fahasoavany izay nanausoavany antsika maimaimpoana ao amin'ny Malala. BP*





LESONA 10

VALINY

1. Vakio ny 1 Kôrintianina 6:17. Avy amin'ny alalan'ny Tenin'Andriamanitra irery ihany no hahafantarantsika ny fiovana tanteraka nitranga tao amin'ny fanahintsika. Inona no nitranga tamintsika araka ny voalazan'io andininy io?
Niray tamin'Andriamanitra ny fanahintsika.
2. Vakio ny Efesianina 3:17. Aiza i Kristy no monina ankehitriny?
Ao am-pontsika.
3. Vakio ny Efesianina 3:17. Ahoana no fomba nisehoan'izany?
Amin'ny alalan'ny finoana.
4. Vakio ny 1 Jôhany 5:12. Iza no tokony hananantsika mba hahazoantsika famonjena?
5. Vakio ny Kôlôsianina 1:26-27. Inona ny tsiambaratelo izay nafenina tamin'ny taranak'olombelona hatramin'ny fahagola nefo nampahafantarina ankehitriny?
Kristy ao anatintsika, antoky ny voninahitra homena antsika.
6. Vakio ny Efesianina 4:23-24. Inona nonoforonina tao amin'ny fahamarinana sy fahamasinana tanteraka?
Ny maha-olom-baovao antsika (ny fanahintsika nateraka indray).
7. Vakio ny 2 Kôrintianina 5:21. Fahamarinan'iza no ananantsika?
Fahamarinan'Andriamanitra ao amin'i Kristy.
8. Vakio ny Efesianina 1:4. Manao ahoana no fijoroan'ny mpino eo anatrehan'Andriamanitra?
Masina sy tsy manan-tsiny.
9. Vakio ny Efesianina 1:6. Ahoana ny fomba nanekena antsika?
Ao amin'ny Malala (Jesoa Kristy).





LESONA 11

INONA NO MITRANGA REHEFA MANOTA NY KRISTIANINA IRAY?

Nosoratan'i Don Krow

Ny lohahevitra hodinihintsika androany dia ny hoe "Inona no mitranga rehefa manota ny kristianina iray?". Hoy ny 1 Jôhany 1:8-9, "Raha milaza ho tsy manam-pahotana isika dia mamita-tena, ary tsy ao anatintsika ny hafatra marim-pototra. Fa raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mitana ny toky nomeny Andriamanitra sady marina, ka hamela ny fahotantsika sy hanadio antsika ho afaka amin'ny ratsy isan-karazany." Amin'ny maha kristianina dia tsy maintsy hisy ihany fotoana hahalavo antsika ary hisy fotoana hanotantsika. Saingy efa manana natiara vaovao isika ankehitriny, tsy mitovy amin'ny natiorantsika tamin'ny mbola tsy niova fo. Lasa malahelo isika rehefa manota. Tsy te hanota isika fa te hiaina amin'ny fahamarinana. Inona ary no miseho rehefa manota isika? Mila vonjena indray ve isika? Izany ve no ampianarin'ny Baiboly? Raha izany mantsy no izy dia tsy banana fitoniana sy fiadanam-po isika; amin'ny lafiny iray aza dia matiantoka noho ny olona ao amin'izao tontolo izao isika. Izy ireo mantsy dia tsy mba miasa saina amin'ny fahotana satria tsy fantany akory izany. Amin'ny maha mpino antsika dia tsy ny fahotana no tokony ho ivon'ny fisainantsika. Ny Hebreo 10:2 dia manambara fa noho ny sorona nataon'i Jesoa dia tsy tokony enjehin'ny eritreriny nohon'ny fahotana intsony ny mpino. Raha lazaina amin'ny fomba hafa, dia tsy tokony hibahana ao an-tsaintsika intsony ny fahotana. Andriamanitra no tokony hibahana ao. Izy no tokony ifantohantsika.

Hoy ny Rômanina 4:2, "Fa raha asa no nanamarinana (nanekena azy ho marina) an'i Abrahama, dia misy hireharehany ihany, nefo tsy amin'Andriamanitra." BP (izaho no nametraka ny fononteny). Raha ny fahamendrehantsika, ny zava-bitantsika no anton'ny famonjena, dia afaka mirehareha isika. Afaka miteny isika hoe, "Tompo a, ankasitrahiko ny nataonao teo amin'ny hazo fijaliana, fa tsarovy koa ireo zava-bitako rehetra an!" Ka dia sady hirehareha ny amin'i Jesoa no hirehareha nohon'ny zavatra vitantsika eny foana isika mandrakizay. Tsia! Rehefa nananteraka ny famonjena Andriamanitra, dia tsy nanisy anjara ho an'ny fireharehana na voninahitra ho an'ny olombelona mihitsy Izy. Ny voninahitra sy rehareha dia ao amin'i Jesoa Kristy Tompo irery ihany (Rômanina 3:27). Ny fanomezana ny fainana mandrakizay dia tena fanomezana tokoa, tsy afaka vidina na azo avy amin'ny ezaka atao (Rômanina 6:23).

Milaza ny Rômanina 4:2 fa raha nekena ho marina noho ny zava-bitany i Abrahama, dia nisy zavatra afaka nireharehany, saingy tsy izay no nitranga. Ahoana no lazain'ny Tenin'Andriamanitra momba ny fomba amonjena olona iray? Amin'ny zavatra tsara vitany ve? Avy amin'ny asa ilofosany ve? Avy amin'ny zavatra nataony ve? Ahoana no nahamarina an'i Abrahama na nanambarana azy ho marina? Nohon'ny zavatra nataony ve? Nohon'ny zavatra tsy notanterahiny ve? Sa nino izy, natoky ary niankina tamin'Andriamanitra tamin-pinoana? Hoy ny Baiboly ao amin'ny Rômanina 4:3, "Ary Abrahama nino an'Andriamanitra, ka dia nisaina ho fahamarinana izany." BP



LESONA 11

Nahoana aho no mbola mijoro sy tsy mivarina any amin'ny fahaverezana na dia lavo sy manota aza indraindray? Satria nentin'i Jesoa teo amin'ny hazo fijaliana avokoa ny fahotako rehetra, ary amin'ny alalan'ny finoako Azy (fa tsy ny zava-bitako), dia nohamarinina aho (nankatoavina ho marina eo anatrehan'Andriamanitra).

Hoy ny Rômanina 4:6, “*Toy izany no ilazan'i Davida hoe sambatra ny olona, raha tsy ny asa vitany no iheveran'Andriamanitra azy ho marina.*” Davida ao amin'ny Testamenta Taloha dia milaza fa ho avy ny andro hisy fanekena vaovao ka hanomezan'Andriamanitra fahamarinana, fijoroana ho manana ny rariny eo anatrehany ary tsy avy amin'ny ezaka ataon'ny olona izany. Tohizany ao amin'ny andininy faha 7 izany: “*Sambatra ireo olona navelan'Andriamanitra fahotana sy nofoanany heloka.*” Izao no amaranany azy; “*Sambatra ny olona tsy itanan'ny Tompo heloka.*” (Rômanina 4:8). Tsy milaza io hoe mety tsy hataony, ka indraindray izy hanao ary, indraindray izy tsy mety hanao. Izao kosa no lazainy: “*Sambatra ny olona tsy itanan'ny Tompo heloka.*” Amin'ny tena grika, io no atao hoe fandavana amafisina. Izany hoe: na inona na inona antony, na oviana na oviana, dia tsy ho soratany amin'ny kaontinao mihitsy ny fahotanao. Izany no vaovao mahafalin'ny Testamenta vaovao. Hoy ny Hebreo 10:6, “*Izao no Fanekempihavanana hataoko amin'ny vahoaka Israely rehefa afaka izany andro izany, hoy ny Tompo: Hataoko ao an-tsainy ny lalànakao, ary hosoratako ao am-pony.*” Ary manampy an'io fanekena io dia lazain'Andriamanitra ao amin'ny andininy faha 17 hoe: “*Tsy hotsarovako intsony ny fahotany sy ny helony.*”

Inona no zavatra mihazona anao eo amin'io toeranao io, dia eo amin'ny fahamarinana sy fanananao rariny eo anatrehan'Andriamanitra, na dia manota aza ianao ka tsy manam-potoana hifonana sy hibebahana? Ny finoanao an'i Jesoa Kristy. Jesoa no anarany ary Izy no mamonjy ny olona ho afaka amin'ny fahotany. (Matio 1:21)



INONA NO MITRANGA REHEFA MANOTA NY KRISTIANINA IRAY?

FANONTANIANA HO AN'NY MPIANATRA

- Vakio ny Rômanina 4:5. Amarinin'Andriamanitra (ataony marina) ny olona izay ...?

Rômanina 4:5-6 – *Izay tsy manao asa nefo mino an'ilay Andriamanitra mahatonga ireo ratsy fanahy ho marina, dia izany finoany izany no iheveran'Andriamanitra azy ho marina. Toy izany no ilazan'i Davida hoe sambatra ny olona, raha tsy ny asa vitany no iheveran'Andriamanitra azy ho marina.*

- Vakio ny Rômanina 4:2-3. Nisy zavatra narotsak'Andriamaniktra ao anaty kaontin'i Abrahama (rehefa nino izy) izay tsy nananany teo aloha. Inona izany?

Rômanina 4:2-3 – *Raha ny asa vitan'i Abrahama no naneken'Andriamanitra azy ho marina, dia ho nahazo nirehareha i Abrahama. Tsy izany anefa no toe-javatra eo anatrehan'Andriamanitra. [3] Fa inona tokoa moa no voalazan'ny Soratra Masina? "Nino an'Andriamanitra i Abrahama ary nankatoavan'Andriamanitra azy ho marina izany!"*

- Vakio ny Rômanina 4:22-24. Raha mino tahaka an'i Abrahama isika, inona no fanomezana atolotr'Andriamanitra ho antsika?

Rômanina 4:22-24 – *"Izany no nankatoavan'Andriamanitra azy ho marina" [23] Tsy ho an'i Abrahama ihany anefa ilay voasoratra hoe "nankatoavin'Andriamanitra ho marina", [24] fa ho antsika koa, dia isika mino Ilay nanangana an'i Jesoa Tompontsika ho velona avy tamin'ny maty.*

- Vakio ny Rômanina 4:6. Omen'Andriamanitra olona iray ny fahamarinana:

- A. Arakaraky ny asany.
- B. Tsy nohon'ny asa vitany.
- C. Arakaraky ny fahatsaram-panahiny.

Rômanina 4:6 – *Toy izany no ilazan'i Davida hoe sambatra ny olona, raha tsy ny asa vitany no iheveran'Andriamanitra azy ho marina.*

- Vakio ny Hebreo 10: 14. Maharitra hafiriana no mahalavorary ny mpino eo anatrehan'Andriamanitra?

Hebreo 10: 14 – *Eny, i Kristy no nandavorary mandrakizay, tamin'ny sorona anankiray ihany, ireo olona efa nodioviny ho afaka amin'ny ota.*

- Vakio ny Rômanina 5:17. Ny fahamarinana dia raisina:

- A. Amin'ny ezaka atao.
- B. Ho fanomezana.
- C. Ho tambin'ny asa atao.



LESONA 11

Rômanina 5:17- *Eny, tamin'ny alalan'ny olona anankiray ary noho ny hadisoan'io olona iray io no nanjakan'ny fahafatesana; fa ireo mandray ny fahasoavana nitosaka be avy amin'Andriamanitra ary koa ny fahamarinana nomeny maimaimpoana dia vao mainka velomin'Andriamanitra sy ampanjakainy tamin'ny alalan'ny olona anankiray, dia i Jesoa Kristy.*

7. Inona no dikan'ny teny hoe “fanomezana”?
8. Mba hatokisanao an'i Jesoa ho Mpamony anao manokana, dia tokony hatoky Azy ianao hitondra anao ho any:
 - A. Am-piangonana.
 - B. An-danitra.
 - C. Rosia.



INONA NO MITRANGA REHEFA MANOTA NY KRISTIANINA IRAY?

VALINY

1. Vakio ny Rômanina 4:5. Amarinin'Andriamanitra (ataony marina) ny olona izay ...?
Ratsy fanahy.
2. Vakio ny Rômanina 4:2-3. Nisy zavatra narotsak'Andriamaniktra ao anaty kaontin'i Abrahama (rehefa nino izy) izay tsy nananany teo aloha. Inona izany?
Fahamarinana, fananana rariny eo anatrehan'Andriamanitra.
3. Vakio ny Rômanina 4:22-24. Raha mino tahaka an'i Abrahama isika, inona no fanomezana atolotr'Andriamanitra ho antsika?
Fahamarinana, fananana rariny eo anatrehan'Andriamanitra.
4. Vakio ny Rômanina 4:6. Omen'Andriamanitra olona iray ny fahamarinana:
B. **Tsy nohon'ny asa vitany.**
5. Vakio ny Hebreo 10: 14. Maharitra hafiriana no mahalavorary ny mpino eo anatrehan'Andriamanitra?
Mandrakizay.
6. Vakio ny Rômanina 5:17. Ny fahamarinana dia raisina:
B. **Ho fanomezana.**
7. Inona no dikan'ny teny hoe "fanomezana"?
Zavatra azo maimaimpoana, tsy misy vidiny alohan'ilay nandray azy.
8. Matoky an'i Jesoa ho mpamonyj anao manokana ianao raha matoky azy amin'ny lalanao rehetra mandrapahatonganao any:
B. **An-danitra.**



LESONA 12

NY FAHAMARINAN'NY TENIN'ANDRIAMANITRA

Nosoratan'i Andrew Wommack

Ny Marka 4 dia toko iray tena manan-danja mikasika ny fahamarinana sy ny tsy fiovaovan'ny Tenin'Andriamanitra — ny heriny, ny toetrary ary ny finoana ao anatiny. Folo raha kely indrindra ny isan'ny fanoharana nampianarin'i Jesoa tamin'io andro io. Ny fampitahana ny Marka 4, ny Matio 13 ary ny Lioka 8 no ahitana izany. Maro ireo fanoharana ireo ary anisan'izany ny fanoharana momba ny mpamafy namafy ny voa. Izao no lazain'ny Marka 4:26, “*Ny Fanjakan'Andriamanitra dia tahaka ity olona namafy voa tamin'ny tany.*” Ny andininy faha 14 moa dia milaza fa ny voa dia ny Tenin'Andriamanitra. Tsy hoe manofana anao ho mpamboly akory Andriamanitra, fa mampiasa zavatra hita maso Izy hanehoana fahamarinana ara-panahy. Ny andininy faha 27 dia milaza hoe, “*Fa na matory izy ny alina, na mahatsiaro izy ny atoandro, dia mitsimoka sy mitombo ny voa amin'ny fomba tsy fantany akory.*” Resy lahatra aho fa manan-danja izany. Milaza ity andininy ity fa tsy voazavan'ilay mpamafy mihitsy ny fomba fitombon'ny voa. Tsy hainy ny fomba nahatonga izany.

Misy olona miteny hoe, “Tsy azoko ny zavatra teneninao. Ahoana no ilazanao fa ny famakiako Baiboly dia afaka manova ahy sy mampitoetra ny fiainan'Andriamanitra ao anatiko? “Tsy tena mazava amiko ny fitrangrany saingy fantattro fa mandaitra. Tsy azoko hoe nahoana no rehefa ataonao anaty tany ny voan-katsaka kely iray dia misy taho-katsaka mitsiry avy ao miaraka amin'ny babin-katsaka ary mamokatra avo zato heny avy eo. Tsy misy tena mahatakatra ny antony, saingy marina izany. Izaho koa milaza aminao fa mandaitra izany. Ny famakiana ny Tenin'Andriamanitra sy ny famelanao azy hamonto anao manontolo dia manova ny fitondra-tenanao sy ny zavatra iainanao ary ny fomba fandraisanao ny zava-mitranga.

Hoy ny andininy 28, “*Fa mamokatra fotsiny amin'izao ny tany.*” Noforonina hikotrika voa, hampitombo azy ary hampitosaka izany fiainana izany ny tany. Natao ho an'ny Tenin'Andriamanitra ny fonao – tena marina izany. Nohariana hitoetra ao am-ponao ny Tenin'Andriamanitra. Tsy misy voka-tsoa azo avy amin' ny fandraisanao sy fitazonanao ny Baiboly eo akaikinao, na ny fametrahanao azy eo an-doham-pandriana, na ny fitondranao azy amin'izay alehanao rehetra. Tsy mitondra hery eo amin'ny fiainanao akory izany. Mila raisinao ny Teny, ataonao ho toy ny voa ka ambolenao ao am-ponao. Rehefa manao izany ianao, dia mamokatra fotsiny amin'izao ny fonao; satria efa nohariana hanao izany izy. Manova ho azy ny zava-misy eo amin'ny fiainanao izany. Mbola mitohy ihany ilay andininy teo, “*tahony aloha, dia salohiny maitso, ary farany dia voany matoy eny amin'ny salohiny.*” Midika izany fa misy dingana na antanatohatra arahina mankany amin'ny fitomboana sy ny fahamatorana. Maro ny olona manatona ahy milaza hoe mino zavatra iray tena tsara izy, ohatra hitory ny Vaovao Mahafaly amin'ny haino aman-jery. Ekeko fa zavatra tena mifanaraka amin'ny sitrapon'Andriamanitra mihitsy izany. Sahiko anefa ny milaza fa raha toa ka tsy mbola nahasarika olona iray ho an'ny Tompo izy, dia mbola ho ela vao afaka hitory amin'ny haino aman-jery.

Mila mandalo antanatohatra ianao. Misy dingana arahina amin'ny fandraisana zavatra



NY FAHAMARINAN'NY TENIN'ANDRIAMANITRA

avy amin'Andriamanitra. Izay no asehon'ity fanoharana ity. Voalohany, mila manomboka ianao, avy eo tonga ny fanantenana, manaraka izay ny finoana, ary avy amin'izany no ahatongavan'ny vokatra. Tsy maintsy misy dingana arahina mankany amin'ny fandresena. Tsy misy olona miainga amin'ny aotra dia avy hatrany dia mankany amin'ny arivo kilômetatra isan'ora ao anatin'ny fotoana fohy. Na dia faniriana tsara aza izany dia tsy ho toy izany velively ny zavatra hitranga. Mampiseho ity andalan-tSoratra masina ity fa toy ny voa ny Tenin'Andriamanitra. Mila ambolena ao am-ponao ny Teny ka hizotra miandalana ny fitomboany: ny tahony aloha, izay vao ny salohiny, avy eo ny salohy feno voa. Izao indray no lazain'ny andininny manaraka, “Fa rehefa tonga ny vokatra, ka azo jinjaina, dia jinjain'ilay olona fa tonga ny fotoana fijinjana.” DMKJ Misy ny ambaratongam-pitomboana fa tsy maintsy ho avy kosa ny fotoam-pahamasahan'ny vokatra sy ny fijinjana azy.

Mbola notsindrin'i Jesoa ihany izay fampianarana izay eo amin'ny andininny faha 35, “Ny harivan'iny andro iny ihany dia hoy i Jesoa tamin'ny mpianany: Andeha isika hankery am-pita.” Indray andro maninjitra no nampianaran'i Jesoa ny mpianany ny herin'ny Teny, dia ny hoe: toy ny voa ny Tenin'Andriamanitra; sy ny hoe : ahoana no hahavitan'ny Teny manapariaka ny fainan'Andriamanitra eo amin'ny fainanao. Folo farafahakeliny ny fanoharana nentiny nampianatra izany, ary eto nomeny fitsapam-pahaizana ny mpianatra. Ka hoy izy tamin'ireo mpianany: “Eny ary, ity misy Teny avy amin'ny Tompo – Andeha isika handeha hankeny ampitan'ny ony.” Tsy niteny Izy hoe: “Andao andeha lakana, ka rehefa eny afovoan-drano dia hilentika eny” fa, “Andeha isika ho erè am-pita.” Rehefa avy niteny izany Izy dia niakatra an-tsambokely dia natory. Mitohy ny tantara: nisy tafiotra lehibe ary feno rano ny sambokely. Fantaro anefa fa tsy irony sambo hary fomba misy efitrefitra irony ity ka hoe tsy lenan'ny rano i Jesoa ary tsy nahalala izay zava-mitranga. Sambokely tsotra ity ary natory anaty rano i Jesoa. Misy dikany ny filazana izany satria fantatr'i Jesoa tsara ny zavatra nitranga fa mbola niezaka natory ihany izy. Nanorisory ny mpianatra izany, ka nankeo Aminy izy ireo niteny hoe, “Mpampianatra ô, tsy mampaninona anao ve na ho faty aza isika?” Raha lazaina amin'ny fomba hafa dia izao no notenin'izy ireo tamin'i Jesoa, “Mifohaza tao! Mangalà zinga dia ario any ivelany ny rano anaty sambokely! Voizo! Manaova zavatra! Tsy mandray anjara amin'inon'inona mihitsy ianao!”

Matetika ny olona no manao toy izany amin'Andriamanitra ka manao Aminy hoe, “Nahoana kosa ianao Andriamanitra no tsy manao zavatra?” Efa nanao zavatra Andriamanitra. Efa nomeny antsika avokoa ny zavatra rehetra ilaintsika tamin'ny alalan'ny famonjena nataon'i Jesoa. Efa nanome ny Teniny Andriamanitra ka nanome antsika ireny voa rehetra ireny. Anjarantsika amin'izay ny mamboly ireny ao am-pontsika. Nomeny ny Teniny, ny andraikintsika dia ny mandray ny voa, mametraka izany ao am-pontsika, misaintsaina izany lalina mandrapipariakan'ny aina avy ao aminy. Ny mpianatra kosa anefa nanaitra an'i Jesoa ka nanontany Azy hoe, “Nahoana ianao no tsy nanao zavatra?” Nitsangana Izy, niteny mafy ny rivotra sy ny onja ka nitony ireo. Nitodika izy avy eo nanontany ny mpianany hoe, “Nahoana no saro-tahotra ianareo? Toy tsy manam-pinoana ianareo?” Tsy izao velively no nolazainy, “Azafady ry zalahy an, tena tokony nanao zavatra aho.” Tsia. Ny anjarany dia ny mampianatra azy ireo ny Teny; fa anjaran'izy ireo kosa no mandray ny Teny ka mino ny teny fampanantenana. Efa nomen'Andriamanitra avokoa ny zavatra rehetra tamin'ny nahatongavan'i Jesoa tetu an-tany. Efa nomeny anao ao amin'ny Teniny avokoa izay rehetra



LESONA 12

ilainao hampahomby anao amin'ny lafim-piaiananao rehetra ary ny Teniny dia toy ny voa famafy. Ny hany sisa ataonao dia ny mandray ny voan'ny Tenin'Andriamanitra, mamboly izany ao am-ponao amin'ny alalan'ny famakiana, fitsakotsakoana, fisaintsainana, ary famelana izany hamaka ao anatinao. Rehefa manao izany ianao, dia ho vitanao ny mijoro ka mampitsahatra ny tafio-drivotra eo amin'ny fiaiananao.

Mino aho fa ny tena nandrasan'Andriamanitra tamin'ireto mpianatra ireto dia ny andraisany ny fampianaran'i Jesoa tamin'Izy niteny hoe, " Andeha isika hankery am-pita." Afaka nilaza izy ireo hoe, "Araka ny fampianarany rehetra androany dia teny fampantanenana ity. Ny Mpamorona izao rehetra izao mihitsy no nilaza amintsika hoe, andeha isika hankery am-pita, fa tsy hoe andao ho eny afovoan-drano dia hilentika eny." Afaka nandray izany teny izany izy ireo, nanampy izany tamin'ny finoana ka nandidy ny rivotra sy ny ranomasina! Izay mihitsy no nolazain'i Jesoa: "Ry kely finoana, nahoana no niahahanhana ianareo?" Hitanao? Mila mino ny Tenin'Andriamanitra ianao ary miaina arak'izay lazainy.



NY FAHAMARINAN'NY TENIN'ANDRIAMANITRA

FANONTANIANA HO AN'NY MPIANATRA

- Vakio ny Matio 16: 19. Raha tsy ambolentsika ao am-pontsika ny Tenin'Andriamanitra dia inona no mitranga aminy?

Matio 13:19 – *Ny olona mahaheno ny teny momba ny Fanjakan'ny lanitra kanefa tsy mahafantatra, dia ny voa nafafy teny amoron-dalana: avy ilay Ratsy ka nanaisotra izay nafafy tao am-pony.*

- Vakio ny Josoa 1:8. Amin'ny fotoana manao ahoana no tokony hitsakotsako sy hisaintsaina ny Tenin'Andriamanitra isika?

Josoa 1:8 – *Aoka tsy hiala amin'ny vavanao ity bokin'ny lalàna ity, fa saintsaino andro aman'alina mba himasoanao ny hanao izay rehetra voasoratra anatiny. Amin'izay dia hahalavorary ny lalanao ianao ary hahomby*” DMKJ

- Vakio ny Jôhany 6:63. Arak'io andininy io, ny Tenin'Andriamanitra dia ...?

Jôhany 6:63 – *Ny fanahy no mahavelona; ny nofo tsy mahasoa na inona na inona; ny teny izay nolazaiko taminareo dia fanahy sy fainana.*

- Vakio ny Matio 4:4. Tsy ny sakafoto ara-nofo ihany no iveloman'ny olona fa ...?

Matio 4:4 – *Tsy ny mofo ihany no iveloman'ny olona fa ny teny rehetra aloakan'ny vavan'Andriamanitra.*

- Vakio ny Efesianina 6:17. Karazana fitaovam-piadiana toy inona ny Tenin'Andriamanitra?

Efesianina 6:17 – *Raiso ny famonjena ho toy ny satro-by fiarovan-doha, ary raiso ny Tenin'Andriamanitra ho toy ny sabatry ny fanahy.*

- Mety hiteraka fahavoazana eo amin'ny fahavalohy ve ny sabatra?

- Vakio ny Rômanina 8:6. Rehefa ataontsika eo amin'ny toerana sahaza ho azy ny Tenin'Andriamanitra, dia hanana isika?

Rômanina 8:6 – *Ny fisainana amin'ny maha nofo dia fahafatesana; fa ny fisainana amin'ny maha fanahy kosa dia fainana sy fiadanana.* DMKJ

- Vakio ny 2 Kôrintianina 3:18. Izay saintsainintsika lalina no tahafintsika sy lasa toetrantsika. Inona no tokony hibahaha ao an-tsaintsika?

2 Kôrintianina 3:18 – *Fa isika rehetra kosa amin'ny tava tsy misarona dia mijery ny voninahitry ny Tompo toy ny amin'ny fitaratra, ka ovana hahazo izany endrika izany indrindra, avy amin'ny voninahitry ka ho amin'ny voninahitry, toy ny avy amin'ny Fanahin'ny Tompo.* DMKJ



LESONA 12

VALINY

1. Vakio ny Matio 16: 19. Raha tsy ambolentsika ao am-pontsika ny Tenin'Andriamanitra dia inona no mitranga aminy?
Alain'ilay ratsy ka tonga tsy mamokatra eo amin'ny fiainantsika.
2. Vakio ny Josoa 1:8. Amin'ny fotoana manao ahoana no tokony hitsakotsako sy hisaintsaina ny Tenin'Andriamanitra isika?
Andro aman'alina.
3. Vakio ny Jôhany 6:63. Arak'io andininy io, ny Tenin'Andriamanitra dia ...?
Fanahy sy fiainana.
4. Vakio ny Matio 4:4. Tsy ny sakafo ara-nofo ihany no iveloman'ny olona fa ...?
Ny teny rehetra aloakan'ny vavan'Andriamanitra.
5. Vakio ny Efesianina 6:17. Karazana fitaovam-piadiana toy inona ny Tenin'Andriamanitra?
Sabatra.
6. Mety hiteraka fahavoazana eo amin'ny fahavalox ve ny sabatra?
Eny.
7. Vakio ny Rômanina 8:6. Rehefa ataontsika eo amin'ny toerana sahaza ho azy ny Tenin'Andriamanitra, dia hanana inona isika?
Fiainana sy fiadanana.
8. Vakio ny 2 Kôrintianina 3:18. Izay saintsainintsika lalina no tahafintsika sy lasa toetrantsika. Inona no tokony hibahana ao an-tsaintsika?
Ny Tompo sy ny Voninahiny.



LESONA 13

TSY MELOKA ANDRIAMANITRA

Nosoratan'i Andrew Wommack

Te hizara aminao ny zavatra anisan'ny manan-danja indrindra nataon'Andriamanitra teo amin'ny fiainako aho. Misy olona mieritreritra hatrany fa izay rehetra mitranga eo amin'ny fiainany dia avy amin'Andriamanitra avokoa, ary masi-mandidy amin'izay zava-mitranga rehetra Izy. Izao no anton'izany: raha ny famaritana no jerena dia fara-tampony sy mahery indrindra Andriamanitra. Izay no mahatonga azy ireo mihevitra fa mibaiko ny zava-mitranga rehetra eo amin'ny fiainany Izy. Na ny tsy mpino aza dia mino izany. Maro ny kristianina no manome vahana izany fomba fijery izany ka lasa namaka teo amin'ny fiainany izany. Izaho kosa mino fa ny mifanohitra amin'izay aza no ampianarin'ny Tenin'Andriamanitra, ary tena zava-dehibe ny ianaranao ity lesona ity. Hoy ny Jakôba 1:13-17, “*Raha misy alaim-panahy, aoka izy tsy hanao hoe: Andriamanitra no maka fanahy ahy; fa Andriamanitra tsy mba mety alaim-panahy hanao ratsy sady tsy mba maka fanahy olona. Fa samy alaim-panahy ny olona, rehefa taomin'ny filandratsiny izy. Ary ny filâna rehefa torontoronina, dia miteraka ota; ary ny ota, rehefa tanteraka, dia miteraka fahafatesana. Aza mety hofitahana ianareo, ry rahalahy malalako. Ny fanomezantsoa rehetra sy ny fanomezana lavorary rehetra dia avy any ambony ka midina avy amin'ny Rain'ny fanazavana, Izay tsy misy fiovaovana na aloka avy amin'ny fhodinana.*” DMKJ

Milaza mazava tsara ireo andininy ireo fa Andriamanitra no niavian'ny zavatra tsara. Hoy i Jesoa ao amin'ny Jôhany 10:10 “*Ny mpangalatra tsy avy raha tsy hangalatra sy hamono ary handringana; Izaho avy mba hananany fiainana sady hananany be dia be.*” BP Rehefa tsara dia Andriamanitra, rehefa ratsy dia ny devoly. Teolojia faran'izay tsotra izany. Zava-dehibe izany satria hoy ny Jakôba 4:7, “*Koa maneke an'Andriamanitra ianareo; ary manohera ny devoly, dia handositra lavitra anareo izy.*” Milaza izany fa mila manaiky na mijanona eo ambany fahefan'Andriamanitra isika ary mila manohitra ny devoly. Ny teny hoe “manohitra” dia midika hoe miady mafy amin-javatra.

Rehefa mino ny olona fa avy amin'Andriamanitra avokoa izay rehetra mitranga amin'ny fiainany — ohatra, ny aretina, ny tsy fanjarian'ny varotra, ny fahaverezan'asa, ny ditran'ny ankizy, ny fisaraham-panambadiana — dia lasa mitorevaka miandry fotsiny izy. Raha tena mino izy ireo fa avy amin'Andriamanitra tokoa ny zava-mitranga iray, ary mampiasa izany hanasaziana na hanovàna azy ireo Izy, dia lasa miady amin'Andriamanitra izy ireo raha manohitra ilay zava-mitranga. Nefa anie ny Jakôba 4:7 dia maniraka hanohitra ny devoly mba handosirany anao e. Maneho izany fa misy zavatra avy amin'Andriamanitra fa misy koa zavatra sasany avy amin'ny devoly. Misy herin'ny maizina eto amin'izao tontolo izao, ary tsy ny zava-mitranga rehetra eto an-tany dia avy amin'Andriamanitra avokoa. Raha tsy mazava aminao tsara izany, dia lasa hanaiky ny devoly ianao ary hanome hery an'i Satana mihitsy aza.

Te hitodika amina andalana iray ao amin'ny Rômanina aho satria amin'ny tsy izy matetika no ampiasana azy ity. Namonjy fandevenana havanolona fantattro fa sady tsy mahalala n'inon'inona momba an'Andriamanitra, no tsy mandeha am-piangonana, indrindra moa tsy mahay Tenin'andriamanitra aho. Saingy ity andininy iray ity kosa fantany. Hoy ny Rômanina 8:28, “*Ary fantatsika fa ny zavatra rehetra dia miara-miasa hahasoa izay tia an'Andriamanitra,*



LESONA 13

dia izay voaantso araka ny fikasany rahateo.” BP Nampiasain’ny olona izany ilazana fa n’inona n’inona mitranga amin’ny fainanao , dia avy amin’Andriamanitra izany ary nataony hitondra soa ho anao. Nanatrika fandevenana tovolahy sy tovovavy iray sady nisotro toaka no nandray zava-mahadomelina aho. Nitondra fiara izy ireo, nirimorimo tamin’ny lalana malama, nandona pôtô, ka maty. Nanonona ity andininy ity ilay mpitoky teny: “Ary fantatsika fa ny zavatra rehetra dia miara-miasa hahasoa,” ka nilaza fa misy zava-kendren’Andriamanitra mihitsy tamin’ny nanaovany izao zavatra izao. Tsy namono ireo zatovo ireo Andriamanitra, ary amin’ny lafiny iray azo dia tsy afaka lazaina fa ny devoly no nahatonga izao tranga izao. Ireo zatovo no antony. Mino aho fa nitarika azy ireo hanohitra ny fepetra napetraky ny raiamandreniny sy ny fiarahanonina ny devoly. Saingy ireo zatovo ireo no tompon’ny fanapaha-kevitra farany. Ry zareo no nidoroka sy nimamo; izy ihany koa no nandona ilay pôtô. Tohiny lojikan’izany rehetra izany ihany ny fahafatesana ary tsy avy amin’Andriamanitra izany.

Inona no dikan’ny hoe, “*Ary fantatsika fa ny zavatra rehetra dia miara-miasa hahasoa?*” Voalohany indrindra aloha, dia tsy milaza izany hoe ny zavatra rehetra dia avy amin’Andriamanitra ka miara-miasa hahasoa. Milaza izany hoe, “ny zavatra rehetra miara-miasa hahasoa” fa misy fepetra apetrany: “izay tia an’Andriamanitra” Tsy mandaitra ho an’ ny olona izay tsy tia an’Andriamanitra izany. Tena mazava be izany ka tsy mila lazaina akory aza. Nefa mahagaga fa dia ampiasin’ny olona amin’ny toe-javatra toy ny nahazo ireto zatovo nidoroka sy nimamo izay tena niolina tanteraka tamin’Andriamanitra sy ny Lalany ireto izany. Milaza ity andininy ity fa ho an’ireo tia an’Andriamanitra ihany no mandaitra ity andininy ity, dia ho an’ireo voaantso araka ny Fikasany.

Hoy ny 1 Jôhany 3:8, “*Ary ny anton’ny nisehoan’ny Zanak’Andriamanitra, dia ny handrava ny asan’ny devoly.*” Niseho Andriamanitra hamotika ny asan’i Satana. Izay no Fikasany, ka raha miara-miasa hahasoa izay tia azy sy voaantso araka ny Fikasany ny zavatra rehetra; dia miasa ho an’ireo mandeha amin’ny fiantsoany, manohitra ny devoly ary mandrava ny asany. Ireo izay manohitra ny devoly sy miaina ho an’Andriamanitra dia afaka miteny fa na inona na inona ataon’ny devoly amin’ny fainany dia avadik’Andriamanitra izany ary ampiasainy hahasoa azy.

Mila manomboka mahafantatra isika fa tsy mifehy ny zavatra rehetra ao amin’ny fainantsika Andriamanitra. Misy fahavaloo tonga hamono, hangalatra ary handringana ao, fa i Jesoa kosa dia tonga hanome antsika fainana. Mila misafidy ny fainana isika sady manaiky an-tsitrano fa tsy avy amin’Andriamanitra avokoa akory izay rehetra mitranga amin’ny fainantsika.

Sahiko ny milaza aminao fa raha olombelona hita maso Andriamanitra ka nanao ireo zavatra rehetra niampangana Azy ireo, toy ny hoe manisy homamiadana, kilema, aretin-tsaina, alahelo sy tomany amin’olona, dia tsy hisy fanjakana na dia iray aza eto an-tany tsy hisambatra azy, hanagadra ary hitady hevitra mba tsy hanaovany izany intsony. Nefa dia mihevitra isika fa Andriamanitra, izay manana fitiavana sy famindram-po mihoatra noho izay olona fantatsika na eritreretintsika, dia mandehandeha mikapoka olona sy manao ireo zavatra ireo! Misy zava-mitranga avy amin’ny fanangolen’ny devoly, misy ny sasany natoraly ary tsy ny loza rehetra nonofaritan’Andriamanitra. Ny orinasam-piantohana dia milaza hoe “Voajanahary, toy ny horohorontany sy ny areti-mandringana”. Tsia, Tsy avy amin’Andriamanitra ireny.



TSY MELOKA ANDRIAMANITRA

FANONTIANANA HO AN'NY MPIANATRA

1. Vakio ny Jakôba 1:13. Andriamanitra ve no mahatonga ny olona ho alaim-panahy hanao ratsy?

Jakôba 1:13 – *Raha misy alaim-anahy, dia aoka izy tsy hanao hoe: "Andriamanitra no maka fanahy ahy"; satria tsy mba mety alaim-panahy hanao ratsy Andriamanitra sady tsy mba maka fanahy olona.*

2. Vakio ny Jakôba 1:17. Avy aiza ny fanomezana tsara rehetra?

Jakôba 1:17 – *Ny fanomezan-tsoa rehetra sy ny fanomezana lavorary rehetra dia avy any ambony, ka midina avy amin'Andriamanitra Ray, mpahary ny fanazavana eny amin'ny habakabaka, Ilay tsy manam-piovaovana ary tsy misy aloka avy amin'ny fihodinana.*

3. Vakio ny Jôhany 10:10. Iza no mpangalatra?

Jôhany 10:10 – *Ny mpangalatra tsy avy raha tsy hangalatra sy hamono ary handringana; Izaho avy mba hananany fiafnana sady hananany be dia be.* BP

4. Vakio ny Jôhany 10:10. Inona no tanjony?

5. Vakio ny Jôhany 10:10 Inona no anton'ny nahatongavan'i Jesoa?

6. Vakio ny Jakôba 4:7. Inona no vokatry ny fanekena an'Andriamanitra sy ny fanoherana ny devoly?

Jakôba 6:7 – *Koa maneke an'Andriamanitra ianareo; ary manohera ny devoly, dia handositra lavitra anareo izy.*

7. Vakio ny Rômanina 8:28. Milaza ve io andininy io fa avy amin'Andriamanitra avokoa ny zavatra rehetra?

Rômanina 8:28 – *"Ary fantatsika fa ny zavatra rehetra dia miara-miasa hahasoa izay tia an'Andriamanitra, dia izay voaantso araka ny fikasany rahateo."* BP

8. Vakio ny Asa 10:38. Avy amin'Andriamanitra ve ny aretina?

Asa 10:38 – *Nandrotsahan'Andriamanitra ny herin'ny Fanahy Masina i Jesoa avy any Nazareta, ka nitety tany nanao soa sy nanasitrana izay rehetra teo ambany fahefan'ny devoly, satria nomban'Andriamanitra Izy.*

9. Vakio ny 1 Jôhany 3:8. Inona no anton'ny nisehoan'ny Zanak'Andriamanitra?

1 Jôhany 3:8 – *Ary ny anton'ny nisehoan'ny Zanak'Andriamanitra, dia ny handrava ny asan'ny devoly.*



LESONA 13

VALINY

1. Vakio ny Jakôba 1:13. Andriamanitra ve no mahatonga ny olona ho alaim-panahy hanao ratsy?
Tsia.
2. Vakio ny Jakôba 1:17. Avy aiza ny fanomezana tsara rehetra?
Avy amin'Ilay Andriamaniry ny fanazavana.
3. Vakio ny Jôhany 10:10. Iza no mpangalatra?
Ny devoly.
4. Vakio ny Jôhany 10:10. Inona no tanjony?
Hangalatra, hamono ary handringana.
5. Vakio ny Jôhany 10:10. Inona no anton'ny nahatongavan'i Jesoa?
Hananantsika fainana be dia be.
6. Vakio ny Jakôba 4:7. Inona no vokatry ny faneke na an'Andriamanitra sy ny fanoherana ny devoly?
Handositra antsika izy.
7. Vakio ny Rômanina 8:28. Milaza ve io andininy io fa avy amin'Andriamanitra avokoa ny zavatra rehetra?
Tsia.
8. Vakio ny aAsa 10:38. Avy amin'Andriamanitra ve ny aretina?
Tsia.
9. Vakio ny 1 Jôhany 3:8. Inona no anton'ny nisehoan'ny Zanak'Andriamanitra?
Handrava ny asan'ny devoly.



LESONA 14

NY HERIN'NY FIAINANA FENO NY FANAHY

Nosoratan'i Don Krow

Ny Marka 16:15-16 dia fantatra amin'ny hoe Ilay Iraka Lehibe. Hoy i Jesoa tamin'ny mpianany, “*Mandehana eran'izao tontolo izao, torio amin'ny olombelona rehetra ny Vaovao Mahafaly. Izay hino ka hatao batisa, dia ho voavonjy; fa izay tsy hino, dia hohelohina.*” Mampiseho ny fomba fitrangan’ity Iraka Lehibe ity ny fitoriana nataon’i Filipo ao amin’ny Asa 8, andininy faha 5 sy faha 12. “*Nidina tao an-tanàna Samaria i Filipo ka nanambara ny Mesia tamin'ny mponina tao ... Saingy rehefa nino ny Vaovao Mahafaly notorin’i Filipo momba ny Fanjakan’Andriamanitra sy momba an’i Jesoa Kristy izy ireo, dia niroso hatao batisa avokoa na lahy na vavy.*”

Izao anefa ny fanontaniana: mifanaraka amin’ny Marka 16:15-16 ve ny fomba nahatonga ireo olona ireo lasa kristianina? Eny ny valiny. Nankany Samaria i Filipo, nitory an’i Jesoa Kristy ary tamin’ny alalan’ny finoana an’i Kristy dia natao batisa na lahy na vavy. Araka ny Iraka Lehibe, dia azo lazaina fa voavonjy ireo olona ireo, nefo nandray ny batisan’ny Fanahy Masina ve izy?

Ny Baiboly dia milaza fa nanao batisa tamin’ny rano i Jaona fa i Jesoa Kristy irery ihany no afaka manao batisa amin’ny Fanahy Masina. Araka ny Tenin’Andriamanitra dia nino ny olona, novonjena ary natao batisa tamin’ny rano fa tsy mbola nandray ny batisan’ny Fanahy Masina. Hoy ny Asa 8:14-17, “*Ren’ny apôstôly tany Jerosalema fa nandray ny tenin’Andriamanitra ny mponina tao Samaria, ka nirahiny hankany i Petera sy Jôhany. Rehefa tonga tany Samaria izy roa lahy, dia nivavaka ho an’ny mpino mba handraisany ny Fanahy Masina; satria tsy mbola nisy nilatsahan’ny Fanahy Masina ireo mpino ireo na iray aza, fa vita batisa tamin’ny anaran’i Jesoa Tompo ihany.*”

Hitantsika tamin’ireo Tenin’Andriamanitra ireo fa raha nino ny olona iray, natao batisa ka voavonjy dia tsy midika akory izay fa nandray ny Fanahy Masina izy. Tonga teo amin’ny fiainany ny Fanahy Masina — ao amin’ny Jôhany 20:22 dia novelomina indray tamin’ny alalan’ny Fanahy Masina — saingy tamin’ny andron’ny Pentekosta kosa no nahavitany ny batisan’ny Fanahy Masina ka nahazoany hery tamin’Andriamanitra. Samihafa ny fahavelomana entin’ny Fanahy Masina tamin’ny famonjena sy ny fahavelomana entin’ny batisan’ny Fanahy Masina tonga amin’ny tsirairay. Misy firobohana ao anaty Fanahy Masina izay tonga amin’ny olona tsirairay ka manome hery azy. Na dia voavonjy aza ny olona iray dia tsy midika izany fa vita batisan’ny Fanahy Masina izy.

Hoy ny Asa 19:1-2, “*Raha mbola tany Kôrinto i Apôlao, dia namakivaky ny havoana lembalemban’i Azia Minôra kosa i Paoly ka tonga tao Efeso. Mpianatra vitsivitsy no hitan’i Paoly tao ka nanontaniany hoe: Efa nandray ny Fanahy Masina ve ianareo fony vao nino? Dia novalian’ireo hoe: tsy renay akory fa misy ny Fanahy Masina.*” Hoy i Paoly, “Nandray ny Fanahy



LESONA 14

Masina ve ianareo fony vao nino?” Izao no navaliny, “Tsy mahalala n’inon’inona momba ny Fanahy Masina izahay”. Dia hoy indray Paoly, “ Raha tsy natao batisa tamin’ny Fanahy Masina ianareo fony vao nino, batisan’ny inona izany no natao anareo?” Namaly izy ireo, “ Natao batisa tamin’ny batisan’i Jôhany izahay.” Mino aho fa nanazava tsara ny amin’ny maha Kristy an’i Jesoa i Paoly, ary nandray an’i Jesoa ireto mpino ireto tamin’ny batisan’ny rano. Ao amin’ny andininy 6 sy 7 dia milaza hoe, “*Ary rehefa nametrahan’i Paoly tanana izy, dia nilatsaka taminy ny Fanahy Masina ary niteny tamin’ny teny tsy fantatra izy sady naminany. Ary tokony ho roa ambin’ny folo lahy no isan’izy rehetra.*” BP

Na dia mpianatra nino ny fahatongavan’Ilay Mesia aza ireto olona ireto dia tsy mbola vita batisan’ny Fanahy Masina. Mety ho nateraka indray ny olona, ary natao batisa tamin’ny rano saingy tsy voatery ho vita batisan’ny Fanahy Masina. Tranga hafa nohon’ny fahateraham-baovao ny batisan’ny Fanahy Masina.

Na dia afaka manao batisa olona amin’ny rano aza aho dia tsy afaka manao batisa azy amin’ny Fanahy Masina; i Jesoa ihany no afaka manao izany. Raha mbola tsy nangataka an’i Jesoa hanao batisa anao amin’ny Fanahy Masina ianao, nahoana no tsy izao ankehitriny izao no mangataka izany? Izao no lazain’ny Lioka 11: 13, “*Koa raha ianareo, na dia ratsy aza, mahalala manome zava-tsoa ny zanakareo; tsy mainka ve ny Ray Izay any an-danitra no hanome ny Fanahy Masina amin’izay mangataka aminy?*” Nahoana no tsy izao dieny izao no mangataka Aminy?



NY HERIN'NY FIAINANA FENO NY FANAHY

FANONTIANANA HO AN'NY MPIANATRA

1. Vakio ny Marka 16:16. Vakio koa ny Asa 8:5 sy 12. Lasa kristianina ve ireo olona voalazan'ny Asa 8:12?

Marka 16:16 – *Izay mino sy atao batisa no hovonjena fa izay tsy mety mino no hohelohina.* BP

Asa 8:5 – *Nidina tao Samaria i Filipo ka nanambara ny Mesia tamin'ny mponina tao.*

Asa 8:12 – *Saingy rehefa nino ny Vaovao Mahafaly notorin'i Filipo momba ny Fanjakana'Andriamanitra sy momba an'i Jesoa Kristy izy ireo, dia niroso hatao batisa avokoa na lahy na vavy.*

2. Vakio Asa 8:14-16, nandray ny batisan'ny Fanahy Masina ve ireo olona ireo?

Asa 8:14-16 – *Ren'ny Apôstôly tany Jerosalema fa nandray ny tenin'Andriamanitra ny mponina tao Samaria, ka nirahiny hankany i Petera sy i Jôhany.* [15] Rehefa tonga tany Samaria izy roa lahy, dia nivavaka ho an'ny mpino mba handraisany ny Fanahy Masina; [16] satria tsy mbola nisy nilatsahan'ny Fanahy Masina ireo mpino ireo na iray aza, fa vita batisa tamin'ny anaran'i Jesoa Tompo ihany.

3. Vakio ny Asa 19:1-5. Mpino ve ireto olona ireto?

Asa 19:1-5 – *Raha mbola tany Kôrinto i Apôlao, dia namakivaky ny havoana lembalemban'i Azia Minôra kosa i Paoly ka tonga tao Efeso. Mpianatra vitsivitsy no hitan'i Paoly tao.* [2] *ka nanontaniany hoe: Efa nandray ny Fanahy Masina ve ianareo fony vao nino? Dia novalian'ireo hoe: Tsy renay akory aza fa misy ny Fanahy Masina.* [3] *Ka hoy indray i Paoly nanontany hoe: Raha tsy natao batisa tamin'ny Fanahy Masina ianareo fony vao nino, batisan'ny inona izany no natao anareo?*” Namaly izy ireo, “Ny batisan'i Jôhany. [4] Ary hoy i Paoly taminy: I Jôhany dia nanao batisa ny olona nanaiky hiala tamin'ny toe-dratsy ary nilaza tamin'ny vahoaka mba hino an'Ilay ho tamy aoriany, izany hoe i Jesoa. Raha nahare izany teny izany ireto mpianatra, dia nangataka hatao batisa amin'ny anaran'i Jesoa Tompo.

4. Vakio ny Asa 19:6-7. Nandray ny batisan'ny Fanahy Masina ve izy ireo?

Asa 19:6-7 – *Ary rehefa nametrahan'i Paoly tanana izy, dia nilatsaka taminy ny Fanahy Masina ary niteny tamin'ny teny tsy fantatra izy sady naminany. Ary tokony ho roa ambin'ny folo lahy no isan'izy rehetra.*” BP

5. Vakio ny Lioka 11:13. Araka ny Lioka 11: 13, inona no tokony ataontsika andraisana ny Fanahy Masina?

Lioka 11:13 – *Koa raha ianareo, na dia ratsy aza, mahalala manome zava-tsoa ny zanakareo; tsy mainka ve ny Ray Izay any an-danitra no hanome ny Fanahy Masina amin'izay mangataka aminy?*



LESONA 14

6. Vakio ny 1 Kôrintianina 14:2. Rehefa miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ny olona iray, dia inona no ataony?

1 Kôrintianina 14:2 – *Izay miteny amin'ny fiteny tsy fantatra dia tsy miteny miantefa amin'ny olona fa miantefa amin'Andriamanitra, satria tsy azon'olona izay teneniny fa herin'ny Fanahy Masina no anambaràny zava-miafina.*

7. Vakio ny 1 Kôrintianina 14:14. Rehefa miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ny olona iray, dia inona no ataony?

1 Kôrintianina 14:14 – *Raha mivavaka amin'ny fiteny tsy fantatra manko aho, dia ny fanahiko no hany mivavaka fa tsy mba mandray anjara ny saiko.*

8. Vakio ny 1 Kôrintianina 14:16-17. Rehefa miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ny olona iray, dia inona no ataony?

1 Kôrintianina 14:16-17 – *Raha am-panahy fotsiny no isaoranao an'Andriamanitra, hataon'izay mpiangona sarambabe ahoana no famaly "Amen" ny vavaka fisaorana vitanao? Tsy fantany akory manko izay lazainao. [17] Raha ianao, dia vavaka kanto no vitanao, fa ny hafa kosa tsy nampandrosoinao amin'ny finoana.*

9. Vakio ny Asa 2:4. Rehefa misy miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, ny Fanahy Masina sa ilay olona no miteny?

Asa 2:4 – *Dia feno Fanahy Masina avokoa izy rehetra ary niteny fiteny samihafa araka izay nampitenenan'ny Fanahy azy avy.*

10. Vakio ny Asa 2:4. Iza no mampiteny ilay olona?



NY HERIN'NY FIAINANA FENO NY FANAHY

VALINY

1. Vakio ny Marka 16:16. Vakio koa ny Asa 8:5 sy 12. Lasa kristianina ve ireo olona voalazan'ny Asa 8:12?
Eny.
2. Vakio Asa 8:14-16, nandray ny batisan'ny Fanahy Masina ve ireo olona ireo?
Tsia.
3. Vakio ny Asa 19:1-5. Mpino ve ireto olona ireto?
Eny.
4. Vakio ny Asa 19:6-7. Nandray ny batisan'ny Fanahy Masina ve izy ireo?
Tsia.
5. Vakio ny Lioka 11:13. Araka ny Lioka 11: 13, inona no tokony ataontsika andraisana ny Fanahy Masina?
Mangataka.
6. Vakio ny 1 Kôrintianina 14:2. Rehefa miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ny olona iray, dia inona no ataony?
Miresaka amin'Andriamanitra sy miresaka tsiambaratelo.
7. Vakio ny 1 Kôrintianina 14:14. Rehefa miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ny olona iray, dia inona no ataony?
Ny fanahiny no mivavaka amin'Andriamanitra.
8. Vakio ny 1 Kôrintianina 14:16-17. Rehefa miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ny olona iray, dia inona no ataony?
Mitahy an'Andriamanitra amin'ny alaln'ny fanahiny sy misaotra Azy (midera an'Andriamnaitra).
9. Vakio ny Asa 2:4. Rehefa misy miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, ny Fanahy Masina sa ilay olona no miteny?
Ilay olona no miteny.
10. Vakio ny Asa 2:4. Iza no mampiteny ilay olona?
Ny Fanahy Masina.



LESONA 15

AHOANA NO ANDRAISANA NY FANAHY MASINA

Nosoratan'i Don Krow

Hiresaka momba ny fomba andraisana ny Fanahy Masina isika androany. Hoy ny Asa 10:1, “*Tany Kesaria dia nisy lehilahy atao hoe Kôrnely, kapiteny tao amin’ny andian-tafika rômanina atao hoe “andian-tafika Italianina”*”. Laharam-boninahitra amin’ny miaramila izany, mety hoe kapiteny misahana rejimanta iray angamba. Manohy ny andininy 2, “*Mpixavaka sady mpanaja an’Andriamanitra izy mbamin’ny ankohonany manontolo. Nanampy be dia be ny olo-mahantran’ny vahoaka jiosy i Kôrnely sady nivavaka tamin’Andriamanitra isaky ny fotoana voatendry.*” Marina izy, nanao izay marina, natahotra an’Andriamanitra, nizara vola ho an’ireo olona sahirana, ary milaza koa ny Baiboly fa nivavaka tamin’Andriamanitra mandrakariva izy. Saingy ho hitantsika, ary tena mahagaga fa na dia nanao ny marina aza izy, na dia natahotra an’Andriamanitra aza izy, na dia nanana fiainam-bavaka aza izy, dia tsy nanana fifandraisana manokana tamin’Andriamanitra tamin’ny alalan’i Jesoa Kristy.

Izao no lazain’ny andininy 3-6, “*Indray tolakandro, [tokony ho tamin’ny telo] dia nisehoam-pahitana izy ary nisy anjelin’Andriamanitra tazany mazava tsara niditra tao an-tranony ka niteny taminy hoe: Ry Kôrnely! [4] Nibanjina ilay anjely i Kôrnely ka raiki-tahotra sady nanao hoe: Ahoana izay, tompoko? Dia hoy ny anjely taminy: Tafakatra any amin’Andriamanitra ny vavaka sy ny fiantrana vitanao [fanomezana], ka hahatsiarovany anao. [5] Izao ankehitriny izao dia mandefasa lehilahy ho any Jôpa haka an’i Simôna, izay antsoina koa hoe Petera. [6] Ao amin’ny mpandon-koditra atao hoe Simôna izay manan-trano amoron-dranomasina no iantranoany*” (izaho no nametraka ny fononteny).

Na dia natahotra an’Andriamanitra, na dia marina ka nanao izay mahitsy, na dia nanana fiainam-bavaka aza ity lehilahy ity, dia nandefasana anjely izy hilaza aminy ny tokony hataony. Hitantsika ao amin’ny Asa 10:43 ny zavatra nasaina notenenin’i Petera taminy: “*Samy mijoro vavolombelona momba Azy ny mpaminany rehetra ka manambara fa izay mino Azy dia hahazo famelan-keloka amin’ny anarany [amin’ny anaran’i Jesoa Tompo]*” (izaho no nametraka ny fononteny). Tsy mahavariana ve izany? Ity lehilahy ity izay nahavita ireo zava-tsoa rehetra ireo nefo dia tsy nanana fifandraisana manokana tamin’Andriamanitra amin’ny alalan’i Jesoa Kristy. Hoy Andriamanitra, “Lehibe ny zavatra vitanao, tena tsara, manan-danja eo anatrehako, fa holazaiko aminao anefa ny ho ataoko. Misy anjely halefako hilaza aminao haka lehilahy iray antsoina hoe Petera, ary izy hilaza aminao ny tokony hataonao. Ao amin’ny Asa 10:43, rehefa tonga tao am-tranon’i Kôrnely i Petera dia hoy izy, “*Izay rehetra mino Azy [an’i Jesoa Kristy Tompo] dia hahazo famelan-keloka amin’ny anarany*” (izaho no nametraka ny fononteny).

Jereo ny zava-nitranga teto. “*Raha mbola niteny izany Petera , dia nilatsahan’ny Fanahy Masina ny olona rehetra nihaino ny lahateniny*” (Asa 10:44). Rehefa nandre Kôrnely dia nandray ny finoana ao amin’ny Kristy ka nametraka ny finoany tamin’i Kristy hahazoany famelan-keloka. Vao vantany nanao izany izy dia nilatsaka taminy sy tamin’ireo tao an-tranony rehetra ny Fanahy Masina. Izao no lazain’ny andininy 45, “*Talanjona ireo mpino*



AHOANA NO ANDRAISANA NY FANAHY MASINA

jiosy tafaraka tamin'i Petera, satria narotsaka tamin'ny hafa firenena koa ny Fanahy Masina, fanomezan'Andriamanitra." Ahoana no nahafantarany izany? "Fa henony niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra sady nankalaza an'Andriamanitra ny hafa firenena" (andininy 46).

Isaky ny midina amin'ny olona iray ny Fanahy Masina ao amin'ny Testamenta vaovao, dia misy fanomezan'ny Fanahy Masina mitranga ary manaporofo fa efa feno ny Fanahy Masina ilay olona. Matetika no miteny amin'ny fiteny tsy fantatra na maminany ny olona nilatsahan'ny Fanahy Masina ao amin'ny Testamenta Vaovao.

Tany Dallas, Texas, indray hariva izay dia nandohalika teny an-tsaha aho ka niteny hoe, "Andriamanitro ô, Tsy haiko izany fitenenena amin'ny fiteny tsy fantatra lazain'ny olona izany. Fa raha misy fomba hiderako anao, fomba hanomezako voninahitra anao, fomba ankoatran'ny teny anglisy, dia mila izany aho. Nanomboka nankalaza an'Andriamanitra aho, ary raha mbola nanao izany aho , dia nomen'ny Fanahy Masina fiteny, teny izay tsy mbola haiko na nianarako. Hoy ny Baiboly ao amin'ny Asa 2:4, "Dia feno ny Fanahy Masina avokoa izy rehetra ary niteny fiteny samihafa araka izay nampitenenenan'ny Fanahy azy avy" Iza no niteny? Ireo olona ireo. Iza no nanome azy izay zavatra teneniny? Ny Fanahy Masina.

Izao no lazain'ny Lioka 11:13, "Koa raha ianareo, na dia ratsy aza, mahalala manome zava-tsoa ny zanakareo; tsy mainka ve ny Ray Izay any an-danitra no hanome ny Fanahy Masina an'izay mangataka aminy?" Ny tokony ataonao amin'izao fotoana izao dia ny mangataka, mino fa nahazo, manaiky an'Andriamanitra, manomboka mankalaza an'Andriamanitra. Hasiany teny ao am-bavanao hankalazanao sy hideranao Azy amin'ny alalan'ny fiteny tsy nianaranao akory.



LESONA 15

FANONTANIANA HO AN'NY MPIANATRA

1. Milazà teny ampiasain'ny Baiboly ilazana ny famonjena.
2. Vakio Asa 11:15, Ahoana no ilazan'ity andininy ity ny fomba nandraisana ny batisan'ny Fanahy Masina?

Asa 11:15 - *Vao nanomboka niteny aho, dia efa nilatsaka tamin'izy rehetra ny Fanahy Masina tahaka ny nilatsahany tamintsika tany am-boalohany koa.*

3. Nandray ny Fanahy Masina ny mpianatr'i Jesoa (Jôhany 20:22), ary afaka andro vitsy izay vao natao batisan'ny Fanahy Masina (Asa 2:1-4). Jereo ary ampitahao ireo tranga ireo. (Jôhany 20:22 sy Asa 2:1-4).

Jôhany 20:22 - *Rehefa nilaza izany Izy, dia nanisy fofon'aina azy ary nanao hoe: Raiso ny Fanahy Masina.* DMKJ

Asa 2:1-4 - *Nony tonga ny andro Pentekôsta, dia tafangona teo amin'io efitrano io ihany ny mpino rehetra. [2] Ary nisy feo avy tany an-danitra tonga tampoka tahaka ny rivo-mahery mifofofofo ka nanenika ny trano nitoerany. [3] Ary nisy lela maro mitarehin'afy niseho tamin'ny mpivory ka nizarazara nipetraka teny ambonin'ny tsirairay avy. [4] Dia feno Fanahy Masina avokoa izy rehetra ary niteny fiteny samihafa araka izay nampitenenin'ny Fanahy azy.*

4. Vakio ny Asa 1:8. Inona no tanjon'ny batisan'ny Fanahy Masina?

Asa 1:8 - *Fa hahazo hery ianareo rehefa hilatsahan'ny Fanahy Masina, ka ho vavolombelona hanambara Ahy eto Jerosalema sy eran'i Jodea mbamin'ny Samaria ary hatrany amin'ny faran'ny tany.*

5. Vakio ny Asa 2:38-39 sy ny 1 Kôrintianina 1:7. Natao ho antsika ankehitriny ve ny batisan'ny Fanahy Masina?

Asa 2: 38-39 - *Dia hoy i Petera taminy: ialao ny toe-dratsy, ary aoka ianareo samy hatao batisa amin'ny anaran'i Jesoa Kristy mba ho voavela heloka, dia handray ny Fanahy Masina fanomezan'Andriamanitra. [39] Fa ny fanomezana nampanantenain'Andriamanitra dia ho anareo sy ny zanakareo, ary ho an'ireo rehetra any lavitra any, na iza na iza hantsoin'ny Tompo Andriamanitsika hanatona Azy.*

1 Kôrintianina 1:7 - *Ka tsy misy fanomezam-pahasoavana tsy anananareo eo am-piandrasana ny hisehoan'i Jesoa Kristy Tompontsika.*

6. Vakio ny Lioka 11:13. Raha mbola tsy nandray ny batisan'ny Fanahy Masina ianao, inona no tokony hataonao haingana?





AHOANA NO ANDRAISANA NY FANAHY MASINA

Lioka 11:13 - Koa raha ianareo, na dia ratsy aza, mahalala manome zava-tsoa ny zanakareo; tsy mainka ve ny Ray Izay any an-danitra no hanome ny Fanahy Masina an'izay mangataka Aminy?

7. Vakio ny Asa 2:4. Hangataka, handray, hiteny sy hanompo an'Andriamanitra amin'ny fitenim-pivavahana izay omen'Andriamanitra anao ve ianao?

Asa 2:4 - Dia feno Fanahy Masina avokoa izy rehetra ary niteny fiteny samihafa araka izay nampitenenin'ny Fanahy azy.





LESONA 15

VALINY

1. Milazà teny ampiasain'ny Baiboly ilazana ny famonjena.
Nateraka indray (Jôhany 3:3), niova fo (Asa 3:19), mino sy atao batisa (Marka 16:16), voavela heloka (Kolosianina 2:13), nandray ny Fanahin'i Kristy (Romanina 8:9), sy ny fiainana mandrakizay (Matio 25:46)
2. Vakio Asa 11:15, Ahoana no ilazan'ity andininny ity ny fomba nandraisana ny batisan'ny Fanahy Masina?
Amin'ny filatsahan'ny Fanahy Masina amin'ny olona iray.
3. Nandray ny Fanahy Masina ny mpianatr'i Jesoa (Jôhany 20:22), ary afaka andro vitsy izay vao natao batisan'ny Fanahy Masina (Asa 2:1-4). Jereo ary ampitahao ireo tranga ireo.
(Jôhany 20:22 sy Asa 2:1-4).
Manambara ny Jôhany 20:22 fa nandray ny Fanahy Masina ny mpianatr'i Jesoa. Ao amin'ny Asa 2:4 kosa dia ireo mpianatra ireo ihany no feno ny Fanahy Masina (niseho tety ivelany tamin'ny alalan'ny fitenenany teny tsy fantatra ny batisan'ny Fanahy Masina nitranga tao anatiny)
4. Vakio ny Asa 1:8. Inona no tanjon'ny batisan'ny Fanahy Masina?
Mba hankahery amin'ny asan'Andriamanitra (na amin'ny fijoroana vavolombelona)
5. Vakio ny Asa 2:38-39 sy ny 1 Kôrintianina 1:7. Natao ho antsika ankehitriny ve ny batisan'ny Fanahy Masina?
Eny, Rehefa hiverina indray i Jesoa vao hijanona ny fanomezan'ny Fanahy Masina, fa tsy alohan'izay.
6. Vakio ny Lioka 11:13. Raha mbola tsy nandray ny batisan'ny Fanahy Masina ianao, inona no tokony hataonao haingana?
Mangataka izany.
7. Vakio ny Asa 2:4. Hangataka, handray, hiteny sy hanompo an'Andriamanitra amin'ny fitenim-pivavahana izay omen'Andriamanitra anao ve ianao?
Eny, hiteny aho, fa ny Fanahy Masina no hampiteny ahy.



LESONA 16

NY TOMBONY AZO AMIN'NY FITENY TSY FANTATRA

Nosoratan'i Andrew Wommack

Iray amin'ny zava-niseho tamin'ny nisian'ny batisan'ny Fanahy Masina voalohany ny fitenenan'ny olona rehetra teo tamin'ny teny tsy fantatra. Izao no lazain'ny Asa 2:4, tamin'ny andro Pentekosta dia feno ny Fanahy Masina izy ireo ary niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra araka izay nampilazain'ny Fanahy azy. Ao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apôstôly rehetra dia azo notsapain-tanana hatrany ny fanatrehan'Andriamanitra rehefa nandray ny Fanahy Masina ny olona.

Marina tokoa fa misy fomba hafa isehoan'ny Fanahy Masina ankoatran'ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra, saingy anisan'ny fisehoany tena manan-danja ity. Ny 1 Kôrintianina 14:13-14 dia milaza hoe, “*Noho izany, izay miteny amin'ny fiteny tsy fantatra dia aoka hangataka amin'Andriamanitra mba ho afaka hanazava izany koa. Raha mivavaka amin'ny fiteny tsy fantatra manko aho, dia ny fanahiko no hany mivavaka fa tsy mba mandray anjara ny saiko.*” Rehefa mivavaka amin'ny fiteny tsy fantatra ianao, dia ny fanahinao no mivavaka. Ao anatin'ny fitenenanao amin'ny teny tsy fantatra indray, mangataha mba hahay hanazava izany ianao ka hamokatra ny fahalalanao.

Azoko lazaina anao ny zavatra niainako tamin'ny nandraisako ny batisan'ny Fanahy Masina ka nivavaka amin'ny fiteny tsy fantatra, nanova tanteraka ny fainako izany. Mino aho fa fony aho nateraka indray, dia tonga nonina tato anatiko i Kristy ary nametraka ny zavatra rehetra tao, fa nony injay nirotsaka tamiko ny Fanahy Masina, dia nisy fiantraikany tamiko sy tamin'ny olon-kafa izany. Nisy toe-zavatra vitsivitsy nitranga. Ny taona voalohany nivavahako tamin'ny fiteny tsy fantatra dia hoy ny saiko hoe hadalana izany, fandanian'andro fotsiny. Tsy maintsy nanana finoana aho mba ahafahako nivavaka amin'ny teny tsy fantatra, izany no antony ilazar'ny Joda 1:20 hoe, mandroso amin'ny finoana masina indrindra ianao rehefa mivavaka omban'ny herin'ny Fanahy Masina.

Ity koa no zavatra iray niainako rehefa nivavaka tamin'ny fiteny tsy fantatra aho, misy olona tsy noeritreretiko nandrity ny fotoana maro no tsaroako indray. Nanomboka nivavaka ho azy aho, ary iray na roa andro taorian'izay dia niantso ahy izy ka fantatro tamin'ny resaka nataonay fa nisy zava-mahagaga niseho tamin'ny fainany. Efa maro ny tranga toy izany ka rehefa ela ny ela dia fantatro amin'izay fa rehefa mivavaka amin'ny fiteny tsy fantatra aho dia mivavaka anim-pahendrena, fahendrena izay mihoatra ny fahalalako andavan'andro. Ny fanahiko izay mahalala ny zavatra rehetra sy manana ny sain'i Kristy no nivavaka tamin'ny fomba mahery vaika ho an'ny olona ka nahatonga ny zava-mahagaga niseho amin'ny fainany! Tsy ho vitako mihitsy izany raha nivavaka araka ny fahalalako ara-natoraly fotsiny aho.

Indray andro raha nivavaka tamin'ny fiteny tsy fantatra aho — araka ny nambarako dia nitaky finoana tamiko ny fivavahana amii'ny fiteny tsy fantatra — Niodinkodina tao an-dohako ny eritreritra maro, toy ny hoe, afaka miteny anglisy ianao, amin'izay sady mahavita soa fa tsy miteniteny foana toy izany. Tsy maintsy noreseko sy navelako izany eritreritra izany ary



LESONA 16

notohizako ihany ny fivavahako. Nisy lehilahy tsy hitako nandritra ny efa-taona nandondòna teo am-baravarako. Niditra izy, tsy niarahaba, tsy niteny, tsy nivolana fa avy hatrany dia nitomany ka namboraka ny tao am-pony satria nanana olana maro. Izao no tao an-tsaiko, *Tena tokony nivavaka tamin'ny tenin-drazako aho*. Nefa izao koa no nampieritreritra ahy, *Ahoana moa no nahafahako nivavaka ho azy nef azy aza efa-taona lasa izay no itako farany?* Farany dia nazava tamiko fa ny fotoana nivavahako no nanomanan'Andriamanitra ahy hifankahita aminy. Nivavaka ho azy tamin'ny fomba tsy takatry ny saiko mihitsy aho. Tsy ho fantatra velively mantsy ny zavatra tokony nangatahako raha ny saiko no nentiko nivavaka. Tampoka teo, dia nisy fanambarana azoko ka hoy aho taminy, "Afaka lazaiko aminao ny ady atrehinao." Izaho indray no nanohy ny tantarany ary nanome ny vahaolana ho azy.

Tsara ihany ny manamarika fa mbola tao amin'ny fiangonan-dehibe aho tamin'izany. Tsy fantatr'ilay namako izay nanjo ahy ary izaho koa mbola nisalasala. Samy natahotra izahay. Saingy nampiasan'Andriamanitra tamin'ny fomba mahagaga izany fisehoan'ny Heriny izany ... Izao no dikan'izany: rehefa mivavaka amin'ny fiteny tsy fantatra ianao dia ny fanahinao no mivavaka. Ny fanahinao no nateraka indray, ny fanahinao no manana ny sain'i Kristy sy mahalala amin'ny antsipiriany ny tokony hatao. Manana hosotra avy amin'Andriamanitra ny fanahinao ka mahay ny zavatra rehetra ianao ary tsy misy fetra ao amin'ny fanahinao. Raha afaka mandeha amin'ny hery sy ny lazain'ny Tenin'Andriamanitra momba ny fanahinao ianao, dia hahita fiovana eo amin'ny fiainanao. Ny fomba iray hanaovana izany—tsy voatery ho ity fomba iray ity ihany — dia ny fanombohanao miteny amin'ny fiteny tsy fantatra. Ekeo sy inoy fa rehefa manao izany ianao dia mandroso amin'ny finoanao masina indrindra, mivavaka ny fahendrena miafin'Andriamanitra ny fanahinao, ary tonga ny fanambarana tonga lafatra avy amin'Andriamanitra. Ka amin'izany, araka ny 1 Kôrintianina 14:13, mangataha mba hahay hanazava izay zavatra teneninao ianao. Tsy midika akory izany hoe ajanonao ny fivavahana amin'ny fiteny tsy fantatra ka hivavaka amin'ny fiteny fantatrao ianao; midika kosa izany fa mazava aminao ny dikan'ny vavaka amin'ny teny tsy fantatra nataonao teo ka lasa mamokatra ny fahalalanao .

Raha milaza hafatra amin'ny fiteny tsy fantatra ianao ao anaty fanompoam-pivavahana, dia tsy maintsy mijanona ary mandika izany amin'ny fiteny fantatra. Raha ianao irery no mivavaka, ny hany ataonao dia mivavaka ka matoky fa hanome fanambarana anao Andriamanitra. Indraindray dia ny fomba fisainako sy fihetsiko no miova. Tsy mahazo fanambarana manokana aho, fa tampotampoka eo dia mazava amiko kokoa ny toe-drahahaha ary manana fomba fijery hafa mihitsy aho. Mety afaka herinandro aho vao mahazo ny fanambarana rehetra, saingy mino aho fa ny fotoana nolaniako tamin'ny fivavahana amin'ny fiteny tsy fantatra sy ny finoako fa afaka mandika izany aho dia anisan'ny antony nahatonga izany.

Antony maro no mahatonga ny fivavahana amin'ny fiteny tsy fantatra ho manan-danja, antony izay ambony noho ny fanaporofoina fa nandray ny Fanahy Masina ianao. Tokony ho tafiditra amin'ny andavan'androm-piainanao izany. Lalana iray ifandraisanao am-po amin'ny Ray izany, ka hahafahan'izany fifandraisana izany tsy mandalo amin'ny sainao izay feno fosalasalana sy tahotra. Mampandroso anao amin'ny finoanao masina indrindra izany ary mamoaka ny fahendrena miafin'Andriamanitra. Mivavaka aho mba ho zatra hivavaka amin'ny fiteny tsy fantatra ianao, hamoaka ny finoanao ka hisitraka ny tombony rehetra entin'ny fiteny tsy fantatra.



NY TOMBONY AZO AMIN'NY FITENY TSY FANTATRA

FANONTANIANA HO AN'NY MPIANATRA

- Vakio ny Joda 1:20. Inona no tombony lehibe azo avy amin'ny fivavahana ao amin'ny Fanahy Masina?

Joda 1:20 – *Ianareo kosa, ry hava-malala, ataovy izay handrosoanareo amin'ny finoana masina indrindra efa anananareo, ka mivavaha omban'ny herin'Andriamanitra.*

- Vakio ny Asa 2:4, firy ny olona feno ny Fanahy Masina?

Asa 2:4 – *Dia feno Fanahy Masina avokoa izy rehetra ary niteny fiteny samihafa araka izay nampitenenan'ny Fanahy azy avy..*

- Vakio ny Asa 2:4. Inona no nataon'ireto olona ireto vokatry ny fivavahany tamin'ny Fanahy Masina?

Asa 2:4 – *Dia feno Fanahy Masina avokoa izy rehetra ary niteny fiteny samihafa araka izay nampitenenan'ny Fanahy azy avy.*

- Vakio ny 1 Kôrintianina 14:14. Singa inona aminao no mivavaka rehefa mivavaka amin'ny teny tsy fantatra ianao?

1 Kôrintianina 14:14 – *Raha mivavaka amin'ny fiteny tsy fantatra manko aho, dia ny fanahiko no hany mivavaka fa tsy mba mandray anjara ny saiko.*

- Vakio ny 1 Kôrintianina 14:2. Rehefa miteny amin'ny teny tsy fantatra ny olona iray, iza no iresahany?

1 Kôrintianina 14:2 – *Izay miteny amin'ny fiteny tsy fantatra dia tsy miteny miantefa amin'ny olona fa miantefa amin'Andriamanitra, satria tsy azon'olona izay teneniny fa herin'ny Fanahy Masina no anambaràny zava-miafina.*

- Vakio ny 1 Kôrintianina 14:2. Rehefa mivavaka amin'ny fiteny tsy fantatra ny olona iray, fantatry ny olona sasany ve izay lazainy?

1 Kôrintianina 14:2 – *Izay miteny amin'ny fiteny tsy fantatra dia tsy miteny miantefa amin'ny olona fa miantefa amin'Andriamanitra, satria tsy azon'olona izay teneniny fa herin'ny Fanahy Masina no anambaràny zava-miafina.*

- Vakio ny 1 Kôrintianina 14:2. Rehefa mivavaka amin'ny fiteny tsy fantatra ianao, inona no tenenin'ny fanahinao?

1 Kôrintianina 14:2 – *Izay miteny amin'ny fiteny tsy fantatra dia tsy miteny miantefa amin'ny olona fa miantefa amin'Andriamanitra, satria tsy azon'olona izay teneniny fa herin'ny Fanahy Masina no anambaràny zava-miafina.*



LESONA 16

8. Vakio ny 1 Kôrintianina 14:4. Rehefa mivavaka amin'ny fiteny tsy fantatra ianao, dia inona no ataonao?

1 Kôrintianina 14:4 - *Izay miteny amin'ny fiteny tsy fantatra dia ny tenany fotsiny no ampandrosoiny amin'ny finoana; fa izay milaza hafatra avy amin'Andriamanitra kosa dia ny fiangonana no ampandrosoiny amin'ny finoana.*

9. Vakio ny 1 Kôrintianina 14:16. Rehefa mivavaka amin'ny fiteny tsy fantatra ianao, dia inona no ataonao?

1 Kôrintianina 14:16 - *Raha am-panahy fotsiny no isaoranao an'Andriamanitra, hataon'izay mpiangona sarambabe ahoana no famaly "Amen" ny vavaka fisaorana vitanao? Tsy fantany akory manko izay lazainao.*



NY TOMBONY AZO AMIN'NY FITENY TSY FANTATRA

VALINY

1. Vakio ny Joda 1:20. Inona no tombony lehibe azo avy amin'ny fivavahana ao amin'ny Fanahy Masina?
Rehefa mivavaka amin'ny Fanahy Masina aho, dia mampandroso ny tenako.
2. Vakio ny Asa 2:4, firy ny olona feno ny Fanahy Masina?
Izy rehetra.
3. Vakio ny Asa 2:4. Inona no nataon'ireto olona ireto vokatry ny fivavahany tamin'ny Fanahy Masina?
Niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra izy ireo.
4. Vakio ny 1 Kôrintianina 14:14. Singa inona aminao no mivavaka rehefa mivavaka amin'ny teny tsy fantatra ianao?
Ny fanahiko no mivavaka.
5. Vakio ny 1 Kôrintianina 14:2. Rehefa miteny amin'ny teny tsy fantatra ny olona iray, iza no iresahany?
Andriamanitra.
6. Vakio ny 1 Kôrintianina 14:2. Rehefa mivavaka amin'ny fiteny tsy fantatra ny olona iray, fantatry ny olona sasany ve izay lazainy?
Tsia.
7. Vakio ny 1 Kôrintianina 14:2. Rehefa mivavaka amin'ny fiteny tsy fantatra ianao, inona no tenenin'ny fanahinao?
Tsiambaratelo, zava-miafina (New Century Version), fifankazahoana am-po lalina amiko sy amin'Andriamanitra.
8. Vakio ny 1 Kôrintianina 14:4. Rehefa mivavaka amin'ny fiteny tsy fantatra ianao, dia inona no ataonao?
Mampiorina ny tenako (mampandroso ahy)
9. Vakio ny 1 Kôrintianina 14:16. Rehefa mivavaka amin'ny fiteny tsy fantatra ianao, dia inona no ataonao?
Misaotra, mankasitraka an'Andriamanitra.